NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • ÔKTÔBRA 2019

# Liahona



**Ankizy mahita pôrnôgrafia—Ahoana no ahafahan'ny fitiavana manampy, pejy 36**


Ny hazavan'ny veran-tsolomason'ny filazantsara, pejy 12

Fomba 5 hiarovan'i Jesoa ny ankizy, pejy 18

Mankalaza ny faha-100 taonan'ny fahazoana fitahiana avy amin'ny tempoly ao amin'ny faritr'i Pasifika, pejy 28

TAFAORINA
ETO NY
FIANGONANA

# Antananarivo
# Madagasik



# ara



SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

Ireto misy zavatra vitsivitsy momba an'i Madagasikara sy ny Fiangonana any:

**18** — Foko eo amin'ilay nosy

**5** — Ireo kolontsaina lehibe mandrafitra azy: Pôlineziana, Arabo, Aziatika, Afrikana ary Frantsay

**26** — Tapitrisa ny isan'ny olona any Madagascar

**2** — Fiteny ôfisialy: Malagasy sy Frantsay

**12.000** — Isan'ny mpikamban'ny Fiangonana

**40** — Vondrom-piangonana

**1986** Mpikambana Malagasy vita batisa voalohany tany Bordeaux, France

**1990** Olona dimy no natao batisa sy noraisina ho mpikambana

**1998** Naorina ny misiôna voalohany

**2000** Naorina ny tsatòka voalohany



# Tia ny ankizy eo anivontsika i Jesoa

Mandany fotoana maro hieritreretana ny ankizy aho. Tiako ireo ankizy ao anatin'ny vondron'ny fianakaviako sy ny namako. Ankoatra izany, ny asako ao amin'ny gazetibokin'ny Fiangonana dia ahitana ny famoronana sy famoahana pejy ho an'ny ankizy manerana izao tontolo izao. Saingy tao anatin'ny taona vitsy lasa izay dia tsapako fa tsy nandalina velively mikasika ny zavatra ampianarin'ireo soratra masina momba ny ankizy aho. Noho izany dia nanapa-kevitra aho ny hamaky ny Testamenta Vaovao sy ny Bokin'i Môrmôna ary hifantoka bebe kokoa amin'ny zavatra azoko ianarana mikasika io vondrona iray manokana io.

Zavatra iray natao izay nanova fiainana izany! Tao anatin'ireo fahamarinana maro hitako, ny tena faran'izay manan-danja dia ny fitomboan'ny fahatakarako ny halehiben'ny fiahian'i Jesoa an'ireo ankizy. Namerimberina hatrany nanompo ny ankizy tamin'ny naha-vondrona iray manokana azy ireo Izy izay tsy nampifangaroiny tamin'ny hafa. Ahoana no ahafahantsika manaraka ny ohatra nasehony?


Ilay lahatsoratra nosoratako ao amin'ny pejy 18 dia mizara lesona vitsivitsy nosintoniko avy amin'ilay fotoana nandalinana soratra masina miaraka amin'ny hevitra sy fanamarihana avy amin'ireo matihanina maro eo amin'ny sehatry ny fisorohana ny fanararaotana.

Sarobidy tokoa ny ankizy. Manantena aho fa afaka miaraka miasa isika mba hiaro sy hanome hery azy ireo, ka hitondra azy ireo tahaka ny hitondran'i Jesoa azy ireo!

Amim-pitiavana,
Marissa Widdison




**Ireo fitahiana avy amin'ny fomba fijery araka ny filazantsara**
*Loholona Gary E. Stevenson*
12



**Tempolin'i Laie Hawaii: Zato taona nanangonana**
*Clinton D. sy i Angela R. Christensen*
28



**Efa toy izay mihitsy ve sa toy izay teo aloha: izay no fanontaniana mipetraka**
*Loholona Joni L. Koch*
24



**Miatrika ny Pôrnôgrafia: Miaro, mandray andraikitra ary manasitrana**
*Joy D. Jones*
36




# Votoatiny


**5 Miaro ny zanaka amin'ny pôrnôgrafia** ⏱

**6 Fanehoana ny finoana**
**Wilson Di Paula—San José, Uruguay** ⏱
Rehefa tratran'ny loza nateraky ny fitaingenana moto izay nampalemy azy i Wilson ary avy eo dia maty fotoana fohy taorian'izay ny vadiny, dia tsy fantany izay tokony hataony. Saingy ny filazantsara no nanome ny valin'izany.

**8 Ireo fitsipika momba ny fanompoana**
**Sao dia tsy fantatrao ity lafiny tena manan-danja ao anatin'ny fanompoana ity?**
Tsy tokony "[hiara-]mitomany amin'izay mitomany" fotsiny isika fa "miara-mifaly amin'izay faly" ihany koa. Ireto misy fomba efatra azonao hanaovana izany mihitsy.

**12 Ireo fitahiana avy amin'ny fomba fijery araka ny filazantsara**
*Nosoratan'ny Loholona Gary E. Stevenson*
Rehefa miezaka ny hihazona filaminana ara-panahy isika dia hanana fomba fijery araka ny filazantsara tsaratsara kokoa.

**18 Miaro ny ankizy**
*Nosoratan'i Marissa Widdison*
Tia sy niaro ny ankizy i Jesoa Kristy. Ahoana no ahafahanao manaraka ny ohatra nasehony?


**24 Efa toy izay mihitsy ve sa toy izay teo aloha: izay no fanontaniana mipetraka**
*Nataon'ny Loholona Joni L. Koch*
Mora ny mitsara ny hafa, saingy tsy maintsy mitandrina isika mba hitsara amim-pahamarinana sy hihevitra ny hafa tahaka ny hiheveran' Andriamanitra azy ireo.

**28 Tempolin'i Laie Hawaii: Zato taona nanangonana**
*Nosoratan'i Clinton D. sy i Angela R. Christensen*
Nandritra ny 100 taona, ny tempolin'i Hawaii dia nanome fahafahana ireo Olomasina manerana an'i Pasifika handray ireo fitahiana avy amin'ny tempoly.

**32 Ny feon'ireo Olomasin'ny Andro Farany** ⏱
Nisy rahavavy anankiroa notarihin'ny fanahy handeha hanompo. Nanova zavatra ny hafatra nentin'ireo misiônera. Nandray fanapahan-kevitra ny amin'izay handeha hataony tamin'ny tambin-karamany ny eveka iray. Nanampy tamin'ny fanatsarana fifandraisana simba iray ny taratasy iray.

**36 Miatrika ny Pôrnôgrafia: Miaro, mandray andraikitra ary manasitrana**
*Nosoratan'i Joy D. Jones*
Ny ankizy dia voakasiky ny pôrnôgrafia sy mahita izany, saingy ny fitiavanao dia afaka hanampy azy ireo hanalavitra sy handresy ny fitaomana manimba avy amin'izany.


⏱ Lahatsoratra fohy



**Eo amin'ny fonony**
Sary avy amin'ny Getty Images; nampiasaina mba hanehoan-javatra, ary olona nindramina no nalaina sary

# Fizarana



**Ho an'ny Tanora**
42
Ny laharana amin'ity volana ity dia miresaka mikasika **ny zavatra tokony hatao** raha toa ianao ka **mampiaraka amin'ny olona iray izay manana olana amin'ny pôrnôgrafia** ary mizara **tantara mitondra fanantenana** avy amin'ny olon-kafa izay niatrika ny pôrnôgrafia tao anatin'ny fifandraisan'izy ireo tamin'ny olona niarahany.




**Zatovo**
50
Ny dikan'izany hoe mijoro ho **namana marina,** ny fomba **nizara[n'ny zatovo iray] ny filazantsara,** ary ny fahatsiarovana ny vato fehizoro indrindran'ny Fiangonana.



Ankizy
*Namana*
**Fantaro ny fomba hitiavana ny hafa** tahaka ny itiavan'i Jesoa azy ireo. Nanampy an'i Prodi ny vavaka iray rehefa natahotra izy. Lasa mpanampy mpitsabo i Florence. Afaka **miomana ho any amin'ny tempoly** ianao.



## LAHATSORATRA HO AN'NY NOMERIKA IHANY



**Nitolona aho mba handresena ny pôrnôgrafia. Nahoana izy no tsy hahavita izany?**

*Tsy nambara ny anarana*

Nizara ny zavatra niainany mikasika ny fahatokiany ny Tompo ny tanora iray avy any Guatemala mba handraisana fanapahan-kevitra sarotra iray.



**Nandroso hatrany taorian'ny nahafantarako hoe tafalasaka tao anatin'ny pôrnôgrafia ny fofombadiko**

*Tsy nambara ny anarana*

Nizara ny heviny mikasika ny fomba nanimban'ny pôrnografia ny fiarahany tamin'ny olona iray ny tanora iray avy any Tahiti.



**Ny fomba nianarako ny fihetsika tokony hasehoko rehefa misy olona miaiky fa manana olana amin'ny pôrnôgrafia**

*Tsy nambara ny anarana*

Mety mahatonga karazana fihetsehampo isan-karazany ny fahafantarana fa tafalatsaka ao anatin'ny pôrnôgrafia ny olona iray, saingy ity tanora iray ity dia niantehitra tamin'ny Mpamonjy mba hahafantarana ny fihetsika tokony haseho mba hanehoana fitiavana.

## MITADIAVA MISIMISY KOKOA

Ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile na ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org, ianao dia afaka:

- Mitady ny laharan'ny gazetiboky Liahona amin'ity volana ity.
- Mahita ireo votoatiny ho an'ny nomerika ihany.
- Mitady ireo laharan'ireo gazetiboky Liahona teo taloha.
- Mandefa ny tantaranao sy ireo fanamarihana anananao.
- Misoratra anarana ho an'ny famandrihana na manao famandrihana izay atolotra ho an'olona iray.
- Manatsara ny fandalinana amin'ny alalan'ireo fitaovana nomerika.
- Mizara lahatsoratra sy horonan-tsary tiana indrindra.
- Misintona na manao printy ireo lahatsoratra.

## MIFANDRAISA AMINAY

Alefaso email amin'ny liahona@ChurchofJesusChrist.org ireo fanontanianao sy fanamarihana anananao.

Alefaso ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org ireo tantara nampitombo ny finoanao na alefaso antaratasy amin'ny alalan'ny paositra amin'ny adiresy:
*Liahona,* flr. 23
50 E. North Temple Street
Salt Lake City, UT 84150-0023, USA

SARINA ZANATSIPIKA EO AMIN'NY TANY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

**ÔKTÔBRA 2019 BOKY. 19 LAH. 3**
**LIAHONA 18610 654**

Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, Henry B. Eyring

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit W. Gong, Ulisses Soares

**Mpanomana ny Fanontana:** Randy D. Funk

**Mpanorohevitra:** Becky Craven, Sharon Eubank, Cristina B. Franco, Walter F. González, Larry S. Kacher, Adrián Ochoa, Michael T. Ringwood, Vern P. Stanfill

**Tale Mpitantana:** Richard I. Heaton

**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg

**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson

**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr

**Mpanampy amin'ny famoahana:** Camila Castrillón

**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Garrett H. Garff, Jon Ryan Jensen, Aaron Johnston, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Selu, Lori Fuller Sosa, Chakell Wardleigh, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen

**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson

**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Joshua Dennis, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Emily Chieko Remington, Mark W. Robison, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune

**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters

**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Ira Glen Adair, Julie Burdett, Thomas G. Cronin, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Marrissa M. Smith

**Mpanara-maso alohan'ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis

**Talen'ny Fanapariahana:** Troy R. Barker

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:** Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha Fokontany Manarintsoa Est, Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatòna ny mpiandraikitra ny ivon-toerana mpaninjara any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

Ny taratasy sy ny fanontaniana dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity Liahona, flr. 23, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0023, USA.

Ny Liahona (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniôla, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2019 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

**Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana:** Azon'ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny Liahona mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:** October 2019 Vol. 19 No. 3. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.



# MIARO NY ANKIZY AMIN'NY PÔRNÔGRAFIA

Rahavavy Joy D. Jones, Filohan'ny Kilonga maneran-tany, dia milaza fa ny fitiavana no fitaovana tena lehibe hiadiana amin'ny pôrnôgrafia: "Hoy ilay don-teny malaza hoe: -mahafaty fitiavana ny pôrnôgrafia,- kanefa aoka hotsaroantsika koa fa mahafaty pôrnôgrafia ny fitiavana." Ireto misy fomba telo izay maneho fa ny fanehoana fitiavana dia miaro ny zanaka amin'ny fitaoman'ny pôrnôgrafia.

FIAROVANA:

**"Tiako ianao"**
Manorena fifandraisana izay hahatsapan'ireo zanakao ho voaro sy tiana.

FANDRAISANA ANDRAIKITRA:

**"Mbola tiako ianao"**
Iresaho mikasika ny pôrnôgrafia ny zanakao ary asao izy ireo hanatona anao dia hametraka ny fanontaniana ananany.


FANASITRANANA:

**"Ho tiako foana ianao"**
Omeo toky ny zanakao fa na dia manana olana amin'ny pôrnôgrafia aza izy ireo dia tsy miova ny fitiavanao azy ireo.



NY ZAVATRA AZONAO ATAO

- Aza miahotrahotra miresaka amin'ny zanakao mikasika ny fiainana ara-pananahana sy ny fomba hiarovana azy ireo amin'ny pôrnôgrafia.
- Ampio ireo zanaka hahatakatra ny *antony*.
- Tokony hisy fiarovana ny smartphone sy ny tablette ary ny solosaina tsirairay, na ny an'ny zatovo sy ny an'ny olon-dehibe aza.
- Aza mamela na iza na iza izay mampiasa fitaovan-tserasera hijanona irery ao amin'ny efitrano iray.
- Aza manameloka ny zanaka izay milaza fa manana olana amin'ny pôrnôgrafia.





*Manazava bebe kokoa momba ny tsirairay avy amin'ireo hevitra ireo Rahavavy Jones ao amin'ny lahatsoratra nosoratany ao amin'ny pejy 36.*



**"Miaro ny zanatsika isika mandra-pahatonga ny fotoana ahafahany miaro ny tenany."**

I Jason S. Carroll, mpampianatra mikasika ny fiainam-pianakaviana ao Brigham Young University



SARINA FIANAKAVIANA MIELO, ZAZALAHY MIPETRAKA EO AN-JORON-TRANO, VONDRON'ANKIZY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES, AMPIASAINA MBA HANEHOAN-JAVATRA, ARY OLONA NINDRAMINA NO NALAINA SARY


Coca-Cola



# Wilson Di Paula

*San José, Uruguay*



*Lasa nalemy noho ny loza nateraky ny fitaingenana moto i Wilson. Herintaona taty aoriana dia nodimandry ny vadiny. Amin'ny maha-lehilahy maty vady manana zanaka vavy kely roa azy, dia tsy fantatr'i Wilson izay tokony nataony. Tsy fantany raha nisy tanjona teo amin'ny fiainana. Afaka ny ho lasa be lolom-po i Wilson. Naleony kosa anefa nanomboka nitady ny fahamarinana.*

**CODY BELL, MPAKA SARY**

Nanana fanontaniana maro aho. Fa nahoana no misy zavatra ratsy mitranga? Niezaka nanao ny tsara aho teo amin'ny fiainako, dia maty ny vadiko ary nalemy aho ka lasa nampiasa seza misy kodiarana, ary taorian'izay dia tsy maintsy nandidy ny lohan'ny zanako vavy ny mpitsabo mba hanaisotra fivontosana. Nanomboka nieritreritra aho hoe tsy nisy tanjona teo amin'ny fiainana.

Tonga saina aho fa nila nitady ny fahamarinana. Nanadihady antokom-pivavahana isan-karazany aho dia nahita Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Tsapako fa io no fahamarinana.

Fantatro ankehitriny fa misy tanjona ny fisiana ety an-tany. Drafitry ny Ray any Andanitra no maha-ety antsika. Manana Mpamonjy isika izay nandresy ny fahafatesana ary nitsangana tamin'ny maty. Manome ahy tanjaka ny fahalalana izany. Ankehitriny aho dia miezaka maharitra sy mandroso hatrany. Manana tanjona aho ary fantatro fa rehefa miezaka miaina fiainana mendrika aho dia afaka manana fianakaviana mandrakizay.

**HIJERY MISIMISY KOKOA**
Raha te hahita misimisy kokoa momba ny dia amim-pinoana nataon'i Wilson ianao, ary anisan'izany ireo sary fanampiny, dia jereo ity lahatsoratra ity ao amin'ny internet na ao amin'ny Bibliothèque de l'Évangile ao amin'ny **ChurchofJesusChrist.org/go/10196.**

**NY FOMBA HANDEFASANA FANEHOANA NY FINOANA**
Ao amin'ny **liahona.ChurchofJesusChrist.org**, ianao dia afaka mandefa fitantarana fohy sy sary à haute résolution an'ny olona iray izay manentana ny fanahinao ny finoana ananany.

# Ireo fitsipika momba ny fanompoana

# Sao dia tsy fantatrao ity *lafiny tena manan-danja* ao anatin'ny fanompoana ity?

*Ny atao hoe manompo dia ny "[miaraka] mifaly amin'izay mifaly" tahaka izay atao rehefa "[miaraka] mitomany amin'izay mitomany" ihany koa (Romana 12:15).*



Rehefa mieritreritra mikasika ny fanompoana isika dia mora ny mieritreritra momba ny fanampiana ireo izay mila fanampiana. Resahintsika ao anatin'izany ny fanaovana ny zaridainan'ny mananotena, ny fanaterana sakafo ho an'ny marary na ny fanolorana fanomezana ho an'izay sahirana. Tadidintsika ny torohevitr'i Paoly mba "[hiaraka] hitomany amin'izay mitomany," saingy moa ve mba ifantohantsika ihany ilay ao amin'ny ampahany *voalohany* ao amin'izany andininy izany, dia ny hoe "[miaraka] mifaly amin'izay mifaly"? (Romana 12:15). Ny fiarahana mifaly amin'ireo izay tompointsika, na izany midika hoe mankalaza ny fahombiazany na manampy azy hahita fifaliana ao anatin'ireo fotoan-tsarotra, dia lafiny tena manan-danja ao anatin'ny fanompoana toy ny ho nataon'ny Mpamonjy.

Ireto misy hevitra telo izay afaka manampy (ary anankiray izay tokony hosorohina) rehefa miezaka ny mifantoka amin'ny zavatra tsara apetrak'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika isika.



SARY NATAON'I AUGUSTO ZAMBONATO

**ZARAO NY ZAVATRA NIAINANAO**
Alefaso aty aminay ny zavatra niainanao rehefa nanompo ny hafa ianao na notompoin'ny hafa. Midira ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org ary tsindrio ny "Submit an Article or Feedback."

### 1. Aoka ianao hahafantatra

I Bonnie H. Cordon, Filohan'ny Zatovovavy maneran-tany, dia manampy antsika hahatakatra fa ilaintsika ny *mahita* ireo izay tompointsika, tsy hoe mahita ireo enta-mavesany sy ny fahasahiranany fotsiny fa ny tanjany sy ny talentany ary ny fahombiazany koa. Nilaza izy fa isika dia tokony ho "olona mpandresy sy azo itokiana, olona iray izay mahafantatra ny toe-javatra iainan'izy ireo sy manohana azy ireo amin'ireo zavatra antenain'izy ireo sy irin'izy ireo."[1]

Ao amin'ny fanoharana momba ny ondry sy ny osy, dia nilaza ny Mpamonjy fa ireo izay ho eo ankavanany dia hanontany hoe: "Tompoko, oviana no hitanay noana Hianao ka nomenay hanina, na nangetaheta ka nampisotroinay?

"Ary oviana no hitanay nivahiny Hianao ka nampiantranoinay?" (Matio 25:37–38).

"Ry rahalahy sy rahavavy, ny teny fototra dia hoe *hita,*" hoy ny Rahavavy Cordon. "Ny olo-marina dia nahita ireo sahirana satria nandinika izy ireo ary nahita. Isika ihany koa dia afaka ny ho maso mahay mandinika mba hanampiana sy hampaherezana, mba hanaovana fankalazana sy hanofisana mihitsy aza."[2]

### 2. Mitadiava antony hanaovana fankalazana

Ankalazao ireo fahombiazana na lehibe izany na kely. Mety hoe tafavoaka velona tamin'ny homamiadana izany na tafarina taorian'ny fisarahana tamin'olona, na nahita asa vaovao na nahita kiraro very, na tafarina iray volana taorian'ny fahafatesan'ny olon-tiana iray na tafavoaka velona rehefa nifady siramamy nandritra ny herinandro.



**NY OHATRA NASEHON'NY MPAMONJY**

Matetika i Jesoa Kristy no nifaly tamin'ny fifalian'ny hafa. Nanatrika fampakaram-bady tany Kana Izy ka tsy vitan'ny hoe nankalaza ilay fotoam-pifaliana fotsiny Izy tao fa nanova ny rano ho lasa divay (jereo ny Jaona 2:1–11). Isika koa dia afaka manao ezaka mba hanatrika ireo fotoana miavaka eo amin'ny fiainan'ireo izay tompointsika.

Hitantsika koa ny Mpamonjy nifaly tamin'ny fahamarinan-toetran'ny hafa. Rehefa namangy ireo Nefita Izy dia nilaza tamin'izy ireo hoe: "Hotahiana ianareo noho ny finoanareo. Ary ankehitriny, indro, feno ny fifaliako" (3 Nefia 17:20).

Miantsoa mba hanolorana fiarahabana, na mametraha karatra kely misy hafatra, na mandehana miaraka misakafo antoandro. Amin'ny alalan'ny fiarahana mizara ireo fitahiana azontsika, sy ny fiainana ombampankasitrahana ary ny fankalazana ireo fitahiana sy fahombiazana azon'ny hafa dia "manam-pifaliana ao amin'ny fifalian'ny rahalahin[tsika]" isika (Almà 30:34).

### 3. Jereo ny tanan'ny Tompo

Indraindray ny atao hoe miara-mifaly amin'ny hafa dia manampy azy ireo hahita ireo antony tokony hifaliana, na inona na inona zava-tsarotra na zavatsoa tonga eo amin'ny fiainantsika. Ilay fahamarinana tsotra hoe, fantatry ny Ray any An-danitra ny momba antsika ary vonona ny hampitraka antsika Izy dia efa loharanom-pifaliana mahatalanjona.

Afaka manampy ny hafa ianao hahita ny tanan'ny Tompo eo amin'ny fiainan'izy ireo amin'ny alalan'ny fizarana ny nahitanao izany teo amin'ny fiainanao manokana. Aoka ianao hisokatra tsara eo amin'ny fizarana ny fomba nanampian'ny Ray any An-danitra anao tao anatin'ireo olanao. Afaka manampy ny hafa hahita sy hahafantatra ny fomba nanampiany azy ireo izany fijoroana ho vavolombelona izany (jereo ny Môzià 24:14).

### 4. Aza ferana ny fahafahanao hifaly

Mampalahelo fa indraindray isika dia afaka mametra ny fahafahantsika miara-mifaly amin'ny hafa, indrindra rehefa miahiahy ny amin'izay hatolotsika sy ny toerana misy antsika eo amin'ny fiainantsika isika. Raha tokony hahita fifaliana ao anatin'ny fifalian'ny olona iray hafa isika dia lasa



tafalatsaka ao anatin'ny fandriky ny fampitahana. Nampianatra ny Loholona Quentin L. Cook ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ny fampitahana ireo fitahiana dia tena azo antoka fa handroaka ny fifaliana. Tsy afaka ny ho sady mpankasitraka isika no sady mpitsiriritra."[3]

"Ahoana no ahafahantsika mandresy izany fironana saika arahin'ny rehetra izany?" hoy ny fanontanian'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. ". . . Afaka manisa ireo fitahiana maro azontsika isika ary afaka midera ireo zava-bitan'ny hafa. Ny tena tsara indrindra, dia afaka manompo ny hafa isika, izay asa atao faran'izay tsara ho an'ny fo natolotra hatramin'izay."[4] Aleo isika midera an'ireo izay tompointsika toy izay mampitaha. Zarao amim-pahalalahana ny zavatra tianao mikasika azy ireo na ireo olona ao amin'ny fianakavian'izy ireo.

Nampahatsiahy antsika i Paoly fa isika rehetra dia mandrafitra ny momba ny tenan'i Kristy ka raha "omem-boninahitra ny anankiray amin'ny momba ny tena, dia miara-mifaly avokoa izay rehetra momba ny tena" (1 Korintiana 12:26). Miaraka amin'ny fanampian'ny Ray any An-danitra dia afaka ny hahafantatra ireo zavatra niainan'ny hafa isika, hankalaza ireo fahombiazana lehibe na kely, hanampy azy ireo hahatsapa ny tanan'ny Tompo ary handresy ny fialonana mba hahafahantsika rehetra miara-mifaly marina amin'ireo fitahiana sy talenta ary fifaliana azon'ny hafa. ■

**FANASANA MBA HANAO ASA**

Diniho ireo izay tompoinareo. Inona avy ireo talenta sy fahaiza-manao ananan'izy ireo? Inona avy ireo tombontsoa sy fahombiazana efa azon'izy ireo? Ahoana no fomba ahafahanao miara-mifaly amin'izy ireo na midera azy ireo na mampahery azy ireo?

**FANAMARIHANA**


1. Bonnie H. Cordon, "Lasa mpiandry ondry," *Liahona,* nôv. 2018, 75.
2. Bonnie H. Cordon, "Lasa mpiandry ondry," 75.
3. Quentin L. Cook, "Rejoice!" *Ensign,* Nov. 1996, 30.
4. Jeffrey R. Holland, "The Other Prodigal," *Liahona,* May 2002, 64.



**Nosoratan'ny Loholona Gary E. Stevenson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo



# Ireo fitahiana avy amin'ny fomba fijery araka ny filazantsara

Ny fomba fijery araka ny filazantsara dia hanome fahazavana lehibe kokoa ho anao mikasika ny fomba fieritreretanao ireo laharam-pahamehanao eo amin'ny fiainana sy ny fomba famahanao olana ary ny fomba fiatrehanao ireo fakam-panahy eo anoloanao.

Tena fitahiana lehibe ny maha-mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ao anatin'izao fotoampitantanana izao, ka ny famerenana ireo fanalahidin'ny fanjakana sy ny fahatanterahan'ny faminaniana dia manome fahafahana antsika ho vavolombelona voalohan'ny "[fikodiadian'ny] filazantsara hatrany am-paran'ny tany, toy ny vato izay nendahina hiala tamin'ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana ka hikodiadia ambara-pamenoany ny tany manontolo."(Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65:2).

Izany faminaniana nataon'i Daniela ao amin'ny Testamenta Taloha izany, izay avy eo naverimberina nandritra ity fotoampitantanana ity, dia toa efa eo an-dalampahatanterahana noho ny fahitantsika ny fitsanganan'ny tsatòka miisa 3.300 ao amin'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao. Tao anatin'ny 50 taona lasa ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana dia niainga teo amin'ny 2,1 tapitrisa ary lasa nitombo 16 tapitrisa mahery.[1]

Na dia mahatalanjona aza izany fivoarana sy fiovana haingana izany dia tsy miova ireo fitsipika sy fomba fanao ao amin'ny filazantsara, ka tafiditra ao anatin'izany ilay lamin'ny fitantanana masina izay nambara ho an'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy. Io lamina io dia manome fahafahana hananganana tsatòka izay narafitra mba hanomezana "fiarovana sy fialofana amin'ny tafio-drivotra sy amin'ny fisafoahana, rehefa haidina tsy misy fangarony amin'ny tany manontolo izany. (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:6).

SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

*Ny iray amin'ireo fahagagana lehibe indrindra eo amin'ny fiainanao eto an-tany dia ny fahafahanao nampifandanja ny fiainam-panahinao sy ireo andraikitra manan-danja hafa eo amin'ny fiainana.*

Ry rahalahy sy anabavy, malala-tanana ny Tompo eo amin'ny fanomezana ireo fitahiana ho antsika. Fitsipika manan-danja tokony hianarana ny fahatakarana fa ireo fitahiana dia vokatry ny fankatoavantsika ireo didy ary ny fitandremana ireo didy dia fanehoana ny fitiavantsika ny Tompo. Ny fitsipiky ny filazantsara tahaka ireo dia manolotra fomba fijery manan-danja ho antsika.

Mitondra any amin'ny zavatra anankiroa izay tiako hamafisina izany. Marihiko fa ny Filoha Dallin H. Oaks, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia efa nizara ireo zavatra anankiroa ireo tany aloha tamin'ireo tanora tokan-tena tamin'ny 2015.

### Manàna foana fomba fijery araka ny filazantsara

Nilaza ny Loholona Dallin H. Oaks fa "ny fananana fomba fijery dia midika hoe fahafahana mahita ny zava-misy rehetra ao anatin'ny fifandraisana manan-danja iray. Izy iray manontolo no miaraka hita."[2] Ireto misy zavatra sasantsasany izay takatrao rehefa manana fomba fijery araka ny filazantsara ianao:

- Zanaky ny Ray any An-danitra be fitiavana ianao (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:24).
- Misy antony ny maha-eto an-tany anao ary nomena fahafahana hanao safidy ianao (jereo ny 2 Nefia 2:27; 10:23).
- "Satria tsy maintsy ilaina ny hisian'ny fifanoherana amin'ny zava-drehetra" (2 Nefia 2:11).
- I Jesoa Kristy no Mpamonjy sy Mpanalalana antsika amin'ny Ray (jereo ny 1 Jaona 2:1; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:4).

Eritrereto ny zavatra mitranga raha toa ilay fomba fijery araka ny filazantsara no lasa veran-tsolomaso ijerenao ireo lafin-javatra rehetra eo amin'ny fiainanao. Ny fomba fijery araka ny filazantsara dia hanome anao fahazavana lehibe kokoa mikasika ny fomba fieritreretanao ireo laharam-pahamehanao eo amin'ny fiainana sy ny fomba famahanao olana ary ny fomba fiatrehanao ireo fakam-panahy eo anoloanao. Tena hisy fiantraikany eo amin'ny fomba fanomoranao ny fiainanao iray manontolo sy eo amin'ireo fanapahankevitra isan-karazany horaisinao eny an-dalana eny izany.

Rehefa hita izany dia fantatsika fa ny Tompo dia maniry ny mba handraisantsika ny fanasan'ny Tompo isankerinandro ary maniry ny handalinantsika ny soratra masina sy ny hivavahantsika Aminy isan'andro. Ankoatra izany dia fantatsika fa haka fanahy antsika i Satana mba tsy hanaraka ny Mpamonjintsika na tsy hihaino ny bitsika malefaky ny Fanahy Masina. Afaka ny hahafantatra bebe kokoa isika avy eo fa ilay fahavalo dia miezaka ny manaisotra ny fahafahantsika misafidy sy ny fahafahantsika manohitra ny ezaka ataony amin'ny alalan'ny fiankinan-doha amin-javatra, tafiditra ao anatin'izany ny zava-mahadomelina sy ny pôrnôgrafia.

Mifanohitra tanteraka amin'izany ny veran-tsolomason'ny filazantsara izay manome anao fahitana mazava ny maha-zava-dehibe ny fanorenana fianakaviana, ny fisafidianana ny hanambady sy hitaiza ny zanaka ao anatin'ny fahamarinana. Izany fahitana izany koa dia manokatra ny masontsika mba hahita fa ilay fahavalo dia te hanimba ny vondron'ny fianakaviana iray manontolo sy hampisafotofoto ny anjara asan'ny lahy sy ny vavy, ka mitarika any amin'ny fihenan'ny fanomezan'ny fiarahamonina lanja ny fiorenan'ny fianakaviana sy ny fanorenana fianakaviana.

### Miezaha hanana filaminana ara-panahy

Hoy ny Filoha Oaks hoe: "Rehefa manana ilay fomba fijery ireo tanora, ilay fahitana iray manontolo ny zavatra rehetra, dia zava-dehibe ho azy ireo ny miezaka hanana filaminana ara-panahy eo amin'ny fiainan'izy ireo. Mba hanatanterahana izany dia tsy maintsy manalavitra ny sasany amin'ireo zava-mahasarika an'izao tontolo izao ianao ary koa manao ireo zavatra ilaina mba hanakaikezana bebe kokoa ny Mpamonjy."[3]

Amin'ny lafiny iray ianao dia manana olana maro ilaina vahana maika sy laharam-pahamehana maro eo amin'ny



fiainana izay samy hafa ny habeny sy ny karazany, ary ilaina atrehina sy ifantohana ary tantanina daholo izy rehetra. Mety tsy mitovy ny ao anatin'ny lisitry ny tsirairay izay mifototra amin'ny toe-javatra iainanao, saingy azo antoka fa ao anatin'izany dia ho hitanao ny hoe fianarana, asa, fanambadiana, ary ny zava-mahasoa ara-pihetseham-po sy ara-batana. Mazava ho azy fa ny fanamby miandry anao dia ny hampifandanja ireo asa manan-danja eo amin'ny fiainana ireo amin'ny fiainam-panahinao.

Nanoro hevitra koa ny Filoha Oaks fa tsy maintsy mitandrina ianao rehefa "mitsinjara ny fotoanao mba tsy ho mosarena ara-panahy ianao mandritra ny fotoana izay ahitana fa mifanotona amina zavatra hafa ireo fiaraha-mientan'ny kilonga efa voalamina izay sahaninao. Izany fitsipika izany dia manazava ny antony maha-manan-danja ny fanarahan'ny tanora ilay torohevitra mba hanatrika ireo fivoriampiangonana, hanompo ao amin'ny Fiangonana, handalina ny soratra masina isan'andro, handohalika isan'andro hanao ny vavaky ny mpianakavy, ary hanompo amin'ny alalan'ireo antso ao amin'ny Fiangonana.[4]

Ao anatin'ireo zavatra ilainao manokana sy ireo zavatra samihafa ilaina, mba hampifandanjana ny fiainam-panahinao sy ireo zavatra tratrarina ary ireo olana atrehana eo amin'ny fiainana, dia ho tsapanao fa azo atao tsara izany fampifandanjana izany. Tsy mitaky anao mba hanao zavatra tsy ho vitanao ny Tompo. Naheno imbetsaka ny Filoha Thomas S. Monson (1927–2018) aho nanoro hevitra fa "izay antsoin'ny Tompo dia omanin'ny Tompo."[5] Miantefa manokana amin'ireo mpikambana ao amin'ny Fiangonana izany araka ny eritreritro.

Na toa mampitahotra aza ny fihazonana io fampifandanjana io, dia mampanantena aho fa ny iray amin'ireo fahagagana lehibe indrindra eo amin'ny fiainanao eto an-tany dia ny fahafahanao nampifandanja ny fiainam-panahinao sy ireo andraikitra manan-danja hafa eo amin'ny fiainana. Izany dia mety hiseho amin'ny fomba izay tsy hoe hanome fahafahana anao hihazona fotsiny ny fiainam-panahinao sy ireo andraikitra manan-danja hafa eo amin'ny fiainana ho eo amin'ny haavony misy azy, fa hanome fahafahana anao koa mba hivoatra sy hivelatra eo amin'ireo sehatra roa manan-danja ireo.

Ny antony voalohany mahatonga izany ho azo tanterahina dia noho ny Tompo izay andrin'izany. Izy no tena ivon'izany fampifandanjana izany. Ary manana lanja masina manokana ianao Aminy satria iray amin'ireo zanany ianao. Saingy io vokany io dia mifototra amin'ny fifantohanao sy ny ezaka ataonao araka ny tokony ho izy mba hihazonana ilay fifandanjana.

Raha ny zavatra hitako sy ny zavatra niainako manokana dia toa mirona amin'ny fianteherana bebe kokoa amin'ny fomba iray na amin'ny fomba iray hafa isika mandritra ny fiainantsika. Mitaky ezaka sy fikarakarana tsy tapaka ny fihazonana ny fahaizana mampifandanja. Safidio amim-pahavitrihana ny hanohy izany hatrany.

Ny mahagaga dia mety hiseho koa ny tsy fifandanjana. Mety hisy fotoana izay ahitanao fa mila manao fandaminana ianao mba hifantoka mazava tsara amin'ny fianaranao na ny asanao, ka amin'ny fotoana tokony hanaovana ny "asa fanompoana ao amin'ny Fiangonana ihany vao tanterahina ny asa fanompoana ao amin'ny Fiangonana."[6] Saingy tadidio ny hihazona ny Tompo ho ilay andrinao mba hahafahanao mahita ilay filaminana ara-panahy araka ny tokony ho izy.

### Hanampy anao ny Tompo

Rehefa manana fomba fijery araka ny filazantsara isika dia mora ny mahatakatra ilay fahamarinana fototra fa hanampy antsika ny Tompo. Ny fitsipika fototra iray an'ny filazantsara dia ny hoe zanaky ny Ray aman-dreny any An-danitra be fitiavana isika. Tena tsotra ho Azy ireo ny manampy antsika amin'ny fomba rehetra mba hiverina any amin'ilay fonenana any an-danitra.

Te hizara ohatra iray mikasika ny fomba ahafahan'ny Tompo manampy anao aho. Nozarain'i Thad Carlson izay iray tamin'ireo mpitarika ny zatovo nisy ahy izy ity, taona maro lasa izay. Nisy fiantraikany lehibe teo amiko nandritra ireo taona nitomboako ny fisian'i Thad, izay vao nodimandry vao haingana. Lehibe nandritra Vanim-potoan'ny Korontana ara-toekarena Lehibe izy. Fahasivy tamin'ireo zanaky ray aman-dreniny niisa 14 izy. Nivelona tamin'ny fambolena sy fiompiana omby ny fianakaviany. Fotoam-pahasahiranana ara-bola tamin'izany, ka ny tena fananan'izy ireo dia ireo andian'ombiny.

Fony i Thad mbola zatovo dia iray amin'ireo andraikiny ny mikarakara ireo omby ary rehefa ilaina dia miambina azy



*Tsarovy ny mihazona fomba fijery araka ny filazantsara. Jereo amin'ny alalan'ny veran-tsolomason'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny tontolo manodidina anao.*

ireo ka manao izay hahitan'izy ireo sakafo tena tsara. Asa goavana izany ho an'ny zatovolahy kely iray. Afaka nanao izany izy niaraka tamin'ny fanampian'ny soavaly bozeny marani-tsaina iray izay nahafantatra tsara ny zavatra tokony hatao miaraka amin'ny torolalana kely fotsiny. Old Smoky no anaran'ilay soavaly bozeny. Saingy nanana fahalemena iray i Old Smoky: tsy tiany velively ny samborina. Isaky ny misy olona manatona azy dia mitsoaka izy noho ny fahafantarany fa ho ampiasaina izy.

Indray andro rehefa voasambotra i Old Smoky ary nasiana lamboridy sy lafika fipetrahana teo aminy, dia nandeha tany amin'ny tanim-bilona izay niraofan'ny omby vilona i Thad kely. Maina ilay tany ary torak'izany koa ny vilona, saingy tsikaritr'i Thad fa ny ahitra tany ivelan'ilay tanim-bilona nanaraka ireo sisin'ny lalamby dia lava kokoa sy maitso kokoa. Noho izany dia nieritreritra izy fa hitondra ireo ombivavy any ivelan'ilay tanim-bilona voafefy ary hamela azy ireo hankafy sakafo tsara manaraka ny lalamby.

Nentin'i Thad tany ivelan'ilay tanim-bilona ny omby niaraka tamin'ny fanampian'i Old Smoky, ka nanomboka nivezivezy nanaraka ny lalamby izy ireo nihinana ahitra tsara kokoa sy maitso kokoa. Toa samy nikarakara ny tenany ireo ombivavy afa-po, ka dia niakatra teo ambonin'ny soavaliny i Thad ary nipetraka teo ambonin'ny lamboridin-tsoavaly, nankafy ny manodidina azy, ary nilalao sy nampifalifaly ny tenany. I Old Smoky anefa dia mba te hiraoka ahitra koa ka lasa nirifatra tamin'ny farany ary niporitsaka avy tao ambanin'i Thad ilay lamboridiny.

Niato tamin'ny fomba nahazendana ary tampoka ilay fotoana tena tsara sy feno fahatoniana, rehefa naheno feo mafy avy tany lavitra tany i Thad. Ny kiririokan'ny fiarandalamby iray efa manatona ilay izy, izay mandeha mafy midina amin'ilay lalamby ahitana ny andian'ombiny izay nandehandeha tsy taitra akory teo anoloany teo! Tsapany fa hahatsiravina ny fiantraikany eo amin'ireo andian'omby sy eo amin'ny fianakaviany raha toa izy ka tsy mandray andraikitra haingana mba hamerina ny andian'omby ao amin'ilay tanim-bilona sy hanalavitra ilay fiaran-dalamby efa manantontanona. Nahatsapa izy fa tsy ho vitany velively ny hamela heloka ny tenany noho ny tsy fanatanterahany ilay andraikitra nomena azy.

Nitsangana haingana i Thad ary nihazakazaka nisambotra ny lamboridin'i Old Smoky. Hitan'i Old Smoky fa nanatona i Thad ka dia nitsoaka azy izy satria tsy te hosamborina. Rehefa sempotra sy kivy ary nahita sary an-tsaina ireo ombivavy maty sy ny fahorian'ny fianakaviana i Thad, dia fantany fa nila nandray andraikitra haingana izy.

Taty aoriana dia nosoratany ny zava-nitranga: "Nampianatra anay mba hivavaka ny mpampianatra anay tao amin'ny Kilonga ary nanamafy ireo fampianarana nianarako avy tamin'ny reniko. Rehefa tsy hitako intsony izay natao dia nandohalika aho ary nanomboka nivavaka mba hahazo fanampiana hanalana ireo ombivavy teo amin'ny lalamby."

Tsy naheno feo i Thad, saingy nisy eritreritra mazava tonga tao an-tsainy: "Jereo fa afaka mandeha eo akaikin'i Old Smoky ireo ombivavy ary tsy mitsoaka izy. Noho izany . . . efa mandohalika ianao izao, dia mandadia koa. Mody manaova toy ny ombivavy ary mandadia mankeny amin'i Old Smoky."

Hoy i Thad hoe: "Nataoko izany. Ary tsy nihetsika izy. Nosamboriko ny fihazonana ny lamboridiny, ary notarihiko nankeny amin'ilay fefy izy, dia nihanika teo amboniny aho ary nirifatra toy ny rivotra izahay namerina ireo ombivavy ho eny amin'ny tanim-bilona. Tsy mbola mailaka toy izany i Old Smoky tao anatin'ny fiolanana rehetra."

Taty aoriana rehefa tany amin'ny lisea i Thad dia tena nahatsapa izy fa naharay valim-bavaka mazava tao anatin'ilay fotoam-pahasahiranana. Nilaza izy hoe: "Nitarika an'i Old Smoky nihoatra ny fahafahako nanao izany ireo anjely ary tsy tra-pahoriana ny fianakavianay." Nilaza izy taty aoriana hoe: "Izany no anisan'ny iray tamin'ireo bitsika maro izay [tonga] teo amiko. -Ary na inona na inona hangatahinareo ny Ray amin'ny anarako, ka rariny, rehefa mino ianareo fa handray, dia indro homena anareo izany-(3 Nefia 18:20)."[7]

Samy manana ireo ombintsika izay tokony hesorina eo amin'ny lalamby mialoha ny hahatongavan'ny fiaran-dalamby isika rehetra. Tonga amin'ny endriny sy halehibeny samihafa ireo loza mianjady amintsika. Ny sasany aza tena goavana toy ny toe-javatra nampidi-doza nianjady tamin'i Thad, izay loza manambana ny aina na ny fanahy ho antsika sy ho an'ireo olon-tiantsika.

Ireo toe-javatra hafa atrehantsika dia mety tsy misy fiantraikany goavana saingy mitambesatra ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika na dia izany aza. Ny zavatra iray azo antoka dia samy handalo fahoriana sy fijaliana isika eo amin'ny fiainantsika satria tafiditra ao anatin'ireo zavatra iainantsika eto an-tany izany. Tsarovy anefa fa hanampy antsika ny Tompo!

Tiako ity teny hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ity: "Hitantsika fa Andriamanitra dia mahatsiaro ny vahoaka tsirairay, na aiza na aiza tany mety misy azy; eny, manisa ny vahoakany Izy, ary ny kibon'ny famindram-pony dia manerana ny tany manontolo" (Almà 26:37).

Midika hoe isika tsirairay izany. Tena mampahery ny mahafantatra fa hanampy antsika ny Tompo.

### Finoana, fanantenana ary fijery araka ny filazantsara

Hamintinana azy dia mamporisika anareo aho mba hahatsiaro ny hihazona fomba fijery araka ny filazantsara. Jereo

amin'ny alalan'ny veran-tsolomason'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny tontolo manodidina anao.

Miezaha hanana filaminana ara-panahy. Miatrika olana sy fahafahana manao zavatra isika rehetra eo amin'ireo andraikitsika eo amin'ny fiainana ary vitantsika tsara ny miatrika azy ireny rehefa lanjalanjaintsika miaraka amin'ny finoantsika an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany.

Farany, manàna finoana sy fanantenana fa hanampy anao ny Tompo. Ny fahalalana izany no manampy anao hiatrika amim-pahatokiantena ireo olana izay ampahany iray tsy azo ihodivirana ao anatin'ny asa nanirahana anao eto an-tany. ■

*Avy amin'ny lahateny iray, "Fomba fijery araka ny filazantsara," natao nandritra ny fampaherezampanahy iray tany amin'ny Brigham Young University–Hawaii tamin'ny 19 septambra 2017.*

**FANAMARIHANA**


1. Jereo ny "Statistical Report, 2018," *Liahona,* May 2019, 112.
2. Dallin H. Oaks, young single adult fireside, Feb. 8, 2015, Salt Lake City, Utah (unpublished).
3. Dallin H. Oaks, young single adult fireside, Feb. 8, 2015.
4. Dallin H. Oaks, young single adult fireside, Feb. 8, 2015.
5. Thomas S. Monson, "Duty Calls," *Ensign,* May 1996, 44.
6. Dallin H. Oaks, young single adult fireside, Feb. 8, 2015.
7. Thad Carlson, taratasy nosoratana manokana.








SARY NATAON'I LINDA LEE

# Miaro ny ankizy

Inona no azontsika atao mba hiarovana sy hanomezana hery bebe kokoa ny ankizy eo amin'ny fiainantsika?

**Nataon'i Marissa Widdison**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Ankoatra ireo vondron'olona nampianarin'i Jesoa dia fantatsika fa ny ankizy no tena tiany indrindra. Niraharaha ny ankizy Izy na dia tamin'ny fotoana tsy tokony ho nanaovana izany aza. Nanasa ny ankizy Izy mba handray tsirairay avy tsodrano avy Aminy. Nanameloka ireo izay nanafintohina ny ankizy Izy. Ary nampianatra Izy fa ilaintsika ny hahatongavana bebe kokoa tahaka ny ankizy mba hidirana ny fanjakan'ny lanitra.[1]

"Jereo ny madinikareo," hoy Izy tamin'ireo olona tao amin'ny kaontinanta Amerikana taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty. Nisokatra ny lanitra, ary nisy anjely be fitiavana sy tia miaro nidina avy any an-danitra ary nanao faribolana nanodidina ireo ankizy, nanisy afo manodidina azy ireo. (Jereo ny 3 Nefia 17:23–24.)

Noho ny fisian'ireo loza rehetra mananontanona eto amin'izao tontolo izao ankehitriny, dia mety maniry isika mba ho voahodidin'ny afo avy any an-danitra tsy tapaka ireo ankizikelintsika. Voatombantombana fa olona iray amin'ny olona efatra no niharan'ny fanararaotana tamin'ny fahazazany, ary mitombo io salan'isa io rehefa mijery ireo vondron'olona miavaka izay marefo kokoa ianao, toy ireo izay manana fahasembanana.[2] Ny vaovao mahafaly dia maro ireo zavatra azontsika atao mba handraisantsika andraikitra amin'ny fiarovana ny ankizy.

"Alaivo sary an-tsaina [ny ankizy iray tianao]," hoy Rahavavy Joy D. Jones, Filohan'ny Kilonga maneran-tany. "Rehefa miteny amin'io [ankizy] io ianao hoe -tiako ianao,- dia inona no dikan'izany? . . . Manolotra fiarovana isika mba hahafahantsika manampy an'ireo izay tiantsika ho lasa izay tsara indrindra azon'izy ireo hahatongavana sy hiatrika ireo fanambin'ny fiainana."[3]

Ny fijerena akaiky kokoa ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy angamba dia hanome hevitra mikasika ny fomba hahafahantsika miaro amin'ny fomba tsaratsara kokoa ireo ankizy eo amin'ny fiainantsika.



*Rehefa nitsidika ny Nefita i Jesoa dia notsofiny rano isan'isany ny ankizy tsirairay. Tahaka izany ihany, isika dia tokony hamantatra ny ankizy tsirairay avy.*

### Nanokana fotoana ho azy ireo i Jesoa

Nanokana fotoana i Jesoa mba hifantohana tamin'ireo olona mbola kely sy marefo (jereo ny Matio 19:14). Isika ihany koa dia afaka manokana fotoana mba hihainoana ireo zanatsika sy hiezahana mahatakatra ny olana mahazo azy ireo.

"Arakaraka ny hahatsapan'ilay ankizy fitiavana bebe kokoa no hahamora kokoa ny firesahany amin-kitsim-po," hoy Rahavavy Jones. ". . . *Isika* [no] tsy maintsy manomboka ny fifampiresahana fa tsy miandry ny zanaka hanatona antsika."[4]

Misy renim-pianakaviana iray nahita fa manampy ny manontany ireo zanany isan-kariva hoe: "Nisy teny renareo ve androany kanefa tsy takatrareo ny heviny?"

Ny zavatra voalohany tonga ao an-tsain'ny zanatsika dia mety ny hitady valinteny en ligne satria ny internet dia manome fanampiana eo no ho eo ary tsy mitsara, saingy mila mandresy lahatra azy ireo isika fa *isika* no loharanom-pahalalana azo itokiana kokoa. Ary tafiditra ao anatin'izany ny tsy fanehoana fihetsika diso tafahoatra rehefa milaza zavatra tsy mampahazo aina amintsika ny zanatsika. Ohatra, raha maneho fihetseham-po diso tafahoatra tampoka isika rehefa mamboraka ny zanatsika fa te hijery pôrnôgrafia izy ireo, dia mety tsy hanatona antsika hitady fanampiana intsony izy ireo. Saingy raha mandray andraikitra amim-pitiavana isika, dia manana fahafahana ny handefa hafatra mazava, dia ny hoe tiantsika izy ireo hiresaka amintsika *ny zavatra rehetra*.

Hoy Rahavavy Jones hoe: "Ireo olana kely izay resahina amim-pitiavana dia manorina fototra iray iorenan'ny fandraisana andraikitra araka ny tokony ho izy ka rehefa misy olana lehibe mitranga, dia mbola afaka mifampiresaka tsara ihany."[5]

Ny sasany amin'ireo fifampiresahana manan-danja sy mitondra fiarovana indrindra izay azon'ireo ray aman-dreny atao amin'ny zanany dia mahakasika ny vatan'izy ireo. Ireo fifampiresahana ireo dia tokony hahitana teny tsara hilazana ireo faritra amin'ny vatana, fampahalalana momba ny fitandroam-pahasalamana, ary ireo fiovana izay andrasana amin'ireo taona ho avy. Isika dia tokony hiresaka mikasika ny fiainana ara-pananahana sy ny maha-ampahany manan-danja ao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra ny fiarahana tena lalina ara-batana sy ara-pihetseham-po. Azontsika resahina ihany koa ireo lohahevitra toy ny fanararaotana sy ny pôrnôgrafia. Ireo fifampiresahana ireo dia tokony hifanaraka amin'ny sokajin-taona ary tarihina amin'ny alalan'ny fanontaniana ananan'ireo zanatsika. Ny tena tsara dia hanao fifampiresahana maro isika rehefa mandeha ny fotoana, izay hanolotra fampahalalana fanampiny rehefa mihalehibe ny zanatsika ary mitombo ny fahatakarany. (Jereo any amin'ny faran'ity lahatsoratra ity mba hahitana loharanom-pitaovana manampy.)

### Naneho ohatra ho azy ireo i Jesoa

Naneho ohatra tonga lafatra ho an'ny rehetra i Jesoa (jereo ny Jaona 8:12). Isika olon-dehibe dia manana ihany koa ny fahafahana sy ny andraikitra mba ho ohatra alain-tahaka. Anisan'ny fomba tsara indrindra azontsika hanampiana ny zanatsika mba ho voaro ny fijoroantsika ho fakan-tahaka amin'ny fanaovana safidy mahasoa. Ny zanaka dia mahatsikaritra ny fomba hitondran'ny ray aman-dreniny ny hafa sy ny fomba izay avelany hitondran'ny hafa azy ireo. Miangavy aho, raha toa ianao ka ao anatina fifandraisana na miady amin'ny fiankinan-doha izay mahatonga anao sy ny fianakavianao ho tandindomin-doza, dia mitadiava fanampiana. Mifandraisa amin'ny manam-pahefam-panjakana

*JEREO NY MADINIKAREO*, NATAON'I DAVID LINDSLEY © 1983

sy ireo matihanina mpanoro hevitra, ary ihany koa ny evekanao sy ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana, izay afaka manampy anao hifandray amin'ireo loharanom-panampiana ao amin'ny Fiangonana sy eo amin'ny fiarahamonina. Mendrika ny ho voaro sy hohajaina ianao.

Tokony haneho ohatra ihany koa isika amin'ny fikarakarana ny tanjatsika ara-panahy. Mahita antsika mivavaka ve ireo zanatsika? Fantatr'izy ireo ve fa mamaky soratra masina isika? Efa naheno ny fijoroantsika ho vavolombelona ve izy ireo? Mitafy "ny fiadian' Andriamanitra [rehetra]" ve isika ao amin'ny fianakaviantsika rehefa maraina alohan'ny hankanesantsika ao amin'izao tontolo izao? (Jereo ny Efesiana 6:11–18; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:15–18).

### Niteny ho azy ireo i Jesoa

Niteny an'ireo izay nanafintohina ny ankizy ny Mpamonjy (jereo ny Matio 18:6). Isika koa dia afaka ny ho mpisolovavan'ireo ankizy eo amin'ny fiainantsika.

"Mila ny hafa hiteny ho azy ireo ny ankizy," araka ny nampianarin'ny Filoha Dallin H. Oaks, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "ary mila olona mandray fanapahan-kevitra izay mametraka ny mahasoa azy ireo any alohan'ireo zavatra mahaliana ireo olon-dehibe izay feno fitiavan-tena."[6]

Na dia tsy mila matahotra sy miahiahy be loatra ny amin'ny hafa aza isika, dia tokony ho fantatsika ireo loza manambana ary mandray fanapahan-kevitra hendry momba ny fiarovana. Tokony hanaraka ireo torolalana momba ny fisorohana ny fanararaotana atao amin'ny ankizy ireo mpitarika ao amin'ny Kilonga[7]—mitondra fiarovana ny fananana mpampianatra roa ao amin'ny efitrano fianarana tsirairay avy sy ny fananana olona avy ao amin'ny fiadidiana manara-maso ireo kilasy.

Tokony hiara-hifanakalo hevitra ny ray aman-dreny sy ny mpitarika ary hanapa-kevitra raha toa ka misy fepetra fanampiny azon'izy ireo raisina mba hampihenana ireo loza manambana voafaritra manokana. Ohatra hoe trano Fiangonana maro no misy varavarankely eo amin'ny varavaran'ny efitrano. Raha tsy manana izany ny trano Fiangonana misy anao dia azonao heverina ny mamela ny varavarana hisokatra kely mandritra ireo fotoam-pianarana ary miresaka amin'ny tompon'andraikitra misahana ny fitantanana ny trano sy ny fananan'ny Fiangonana eo an-toerana mba hijerena raha azo heverina ny hametrahana varavarankely. Na inona na inona ny antson'izy ireo dia afaka maneho firaharahiana ao am-piangonana ny olon-dehibe rehetra ary manampy rehefa ilaina, toy ny fandraisana ireo mpitsidika izay mandehandeha eny amin'ny lalantsara, na ny famporisihana ny ankizy iray mandehandeha mba hiverina ao an-dakilasy.

Mampalahelo fa indraindray ny ankizy dia tafintohina noho ny ankizy hafa. Raha mahatsikaritra izay mety ho karazana fampijaliana na fifampikasohana ara-batana tsy mendrika ao am-piangonana na na aiza na aiza isika, dia tokony handray andraikitra avy hatrany. Raha mpitarika isika, dia mila vonona ny hiresaka amin'ireo fianakaviana voakasik'izany, na dia tsy hahazoana aina aza ny resaka hifanaovana, mba hakana antoka fa voaro ny ankizy rehetra. Mitenena amim-pangorahana sy amin'ny fomba mazava mba hanorenana tontolo ahitana ny fifanajana sy ny fangorahana.

Raha mino isika fa hiharan'ny fanararaotana ny ankizy iray, dia tokony hitatitra izany olana izany avy hatrany amin'ny manam-pahefam-panjakana isika. Any amin'ny firenena maro dia misy laharan-tarobia hifandraisana mivantana izay mampifandray amin'ny sampan-draharaha misahana ny vonjy taitra, hahazoana fampahalalana, ary sampan-draharaha manampy ao anatin'ny fahasarotana. Tokony holazaintsika amin'ny eveka koa ny fanararaotana izay ahiahiantsika, indrindra fa izay ahatafidiran'ny olona izay mety afaka mifanerasera amin'ny ankizy amin'ny alalan'ny Fiangonana. Ankoatra ny fandraisana fepetra hanakanana ny fahafahan'ny olon-dratsy iray hifanerasera amin'ny ankizy amin'ny ho avy, ny eveka dia afaka manolotra fankaherezana sy fanampiana an'ireo niharan'ny fanararaotana ary manampy azy ireo hifandray amin'ireo loharanom-panampiana fanampiny avy amin'ireo Sampan-draharaha misahana ny fianakaviana.

### Nitsodrano azy ireo tsirairay i Jesoa

Nahafantatra sy nitsodrano ny ankizy tsirairay avy i Jesoa (jereo ny 3 Nefia 17:21). Tahaka izany koa, isika dia tokony hiezaka hahafantatra ny ankizy tsirairay avy ary hiezaka hanampy azy amin'ny fomba mahakasika azy manokana.

Ahoana no ahafahantsika manao izay hahatonga ny fiangonana ho toerana azo antoka kokoa ho an'ny ankizy manana olana ara-pahasalamana? Manana drafitra hoenti-manampy ireo ankizy manana fahasembanana ao amin'ny Kilonga ve



SARY NATAON'I SHANEA JANESE ACEBAL

isika? Mijery akaiky ny toe-javatra iainana samihafa any an-tokantrano ve ny leson'ny Kilonga izay ampianarintsika? Inona ihany koa no azontsika atao mba handraisana tsara kokoa ny rehetra?

Ny fanehoan-kevitra mifono fanavakavahana, ny fanamarihana feno fanambonian-tena mahakasika ny kolontsaina hafa, ary ny toetra tia manameloka an'ireo mpikambana ao amin'ireo antokom-pinoana hafa dia tsy tokony holazaina ao anatin'ny hafatra zaraintsika. Tao amin'ny kilasin'ny Kilonga iray, dia tsy dia nahay niteny loatra ny fiteny nampiasain'ny ankizy hafa ny zazalahy iray. Mba hanampiana azy hahatsapa ho voaray tsara, dia nataon'ireo mpampianatra izay hanontana ireo taratasy zaraina tamin'ireo fiteny roa. Ny asa tsotra atao amim-piheverana ny hafa dia maneho amin'ny ankizy fa mahafantatra sy miraharaha azy ireo tsirairay avy isika, ary ireo asa atao ireo dia afaka maneho ohatra ho alain'izy ireo tahaka.

Mety hahita isika fa mila fanampiana maika ny ankizy sasany. Ohatra, na dia ampahan-javatra tsy mahagaga ao anatin'ny fitomboana aza ny fiovaovan'ny hetsi-po amam-panahy, ka raha tezitra ny ankizy iray, na tsy misokatra amin'ny hafa, na malahelo mandritra ny herinandro vitsivitsy, dia mety misy olana lehibe kokoa ao izay ilana fanampiana avy amin'ny matihanina. Na dia manan-danja aza ireo fahazarana tsara toy ny vavaka sy ny fandalinana soratra masina, dia matetika no ilaina ny fanampiana bebe kokoa an'ireo izay manomboka manana olana ara-tsaina na ratram-panahy miafina. Tsy hanatsara zavatra ny tsy firaharahiana ilay toe-javatra misy. Eo amin'ny lafiny maro, ny eveka dia afaka manolotra fanampiana ara-bola ho an'ireo olona na fianakaviana mba hakana torohevitra avy amin'ny alalan'ireo sampan-draharaha misahana ny fianakaviana na ireo sampan-draharaha hafa afaka manolotra fanampiana.



### Nampatanjaka azy ireo i Jesoa

Teo am-piarovana ny ankizy dia nampatanjaka azy ireo ihany koa i Jesoa. Nilaza Izy fa ny ankizy dia ohatra (jereo ny Matio 18:3). Taorian'ny fitsidihany tao Amerika fahiny dia afaka nampianatra "zavatra mahatalanjona" (3 Nefia 26:16) an'ireo olon-dehibe ireo ankizy madinika.

Afaka mampatanjaka ireo ankizy fantatsika isika amin'ny alalan'ny fampianarana azy ireo hamantatra ny fomba hiresahan'ny Fanahy amin'izy ireo ary avy eo dia hanaraka ny Fanahy rehefa mandray fanapahan-kevitra, izay hanampy azy ireo hanana fahaizana manivana ao anaty mba hitarika ny zavatra ataon'izy ireo. Nampianatra Rahavavy Jones hoe: "Ny fanampiana ny ankizy mba hananany antony [hanana faniriana handray fanapahan-kevitra azo antoka] dia tena ilaina."[8] Ireto misy hevitra vitsivitsy izay nampatanjaka ny fianakaviana hafa:

- Nisy renim-pianakaviana iray nampianatra ireo zanany hifantoka tamin'ireo "fahatsapana tahotra sy ahiahy" nananan'izy ireo sy hitandrina tamin'ireo olona izay toa "mpamitaka." Nivaly ny hasasarany rehefa nisy olona nanandrana nandresy lahatra ny zanany lahy hanaraka azy ireo tany amin'ny toerana fidiovana iray, ka nihaino ilay fahatsapana nampitandrina azy izy ka dia nandà.
- Ny fianakaviana sasany dia manomana mialoha lalana hivoahana ho ampiasain'izy ireo rehefa miatrika zavatra manafintohina izy ireo. Ohatra, ny lalana hivoahana ho an'ny fianakaviana iray dia nantsoin'izy ireo hoe "manatsahatra dia milaza" ary ny natao tamin'izany dia ny famonoana ny efijerin'ny solosaina ary miteny avy hatrany amin'ny ray na ny reny raha nisy sary ratsy nipoitra tampoka. Tsy mbola nisy mihitsy fotoana tsy maintsy nanontanian'ireo zanany ny fomba hiatrehana ireo fitaovan-tserasera ratsy. Fantatr'izy ireo ny tokony natao!
- Nisy fianakaviana iray hafa namorona teny famantarana izay azon'ireo zanany nalefa tamin'ny alalan'ny hafatra tamin'ireo ray aman-dreniny na nolazainy tamin'ny telefaonina raha nila notsenaina avy hatrany izy ireo.
- Afaka manampy ny zanakareo hizatra hiteny hoe "Tsia!" ianareo rehefa misy olona



SARY NATAON' I ANGALEE JACKSON

manandrana mandresy lahatra azy ireo hanao zavatra izay mahatonga azy ireo ho sadaikatra. Ny ankizy rehetra dia tokony hahafantatra fa afaka mangataka fanampiana izy ireo, ary tokony hangataka foana izy ireo mandra-pahavoaro azy ireo.

## Ny anjara andraikitsika olon-dehibe

Andeha horesahantsika indray ilay zava-niseho ao amin'ny 3 Nefia 17, rehefa "[nalain'i Jesoa] tsirairay ny ankizy madininy ary notsofiny rano izy ireo, nivavahany ny Ray ho azy ireo. . . . Ary nohodidinin' ny afo ireo; ary ny anjely dia nanompo azy ireo" (andininy 21, 24). Ny zavatra iray manandanja ao anatin'izany angamba dia tsy vitan'ny hoe ny hampianatra antsika ny lanja ananan'ny ankizy ihany fa ny haneho ihany koa ny tokony ho anjara andraiki *tsika* olon-dehibe. Isika no mpiahy ny taranaka manaraka. *Isika* no tokony ho anjely manodidina sy manompo ny ankizy. Andeha isika hanohy hijery an'i Jesoa ho toy ny ohatra tonga lafatra ho antsika ary avy eo dia hanao izay tsara indrindra azontsika atao mba hanemitra ireo madinitsika manodidina amin'ny fitiavana sy ny fiarovana. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ireo andinin-tsoratra masina eo ambanin'ny lohatenin'ny fizarana tsirairay ato amin'ity lahatsoratra ity mba hitadiavana ireo tantara ireo ao amin'ny soratra masina.
2. Jereo ny "Child Maltreatment (Child Abuse)," Organisation Mondial de la Santé, who.int/violence_injury_prevention/violence/child/en.
3. Joy D. Jones, "Miatrika ny Pôrnôgrafia: Miaro, mandray andraikitra ary manasitrana," *Liahona,* ôkt. 2019, 38.
4. Joy D. Jones, "Miatrika ny Pôrnôgrafia," 39, 40.
5. Joy D. Jones, "Miatrika ny Pôrnôgrafia," 39.
6. Dallin H. Oaks, "Arovy ny ankizy," *Liahona,* nôv. 2012, 43.
7. Jereo ny "Preventing and Responding to Abuse," newsroom.ChurchofJesusChrist.org.
8. Joy D. Jones, "Miatrika ny Pôrnôgrafia," 40.

**LOHARANOM-PITAOVANA VOKARIN'NY FIANGONANA HO AN'NY MPITARIKA**

Ny Fiangonana dia manana pejina tranonkala hanampiana ireo mpitarika hanoro hevitra ny mpikambana miatrika olana toy ny fanararaotana. Mankanesa ao amin'ny counseling resources.ChurchofJesusChrist.org.

**LOHARANOM-PITAOVANA HAFA MANAMPY AO AMIN'NY INTERNET**

- Abuse.ChurchofJesusChrist.org
- OvercomingPornography.ChurchofJesusChrist.org
- "Abuse," Gospel Topics, topics.ChurchofJesusChrist.org

**TOROHEVITRA MIKASIKA NY FIAROVANA NY ANKIZY**

### Ao an-tokantrano


- Mamoròna drafitry ny fianakaviana mba hanalavirana ny fitaovan-tserasera ratsy na hialana amin'ny toe-javatra manimba.
- Miresaha amin'ny fomba mifanaraka amin'ny sokajin-taona rehefa miresaka momba ny vatana, ny fiainana arapananahana, ary ny fiarahana lalina eo amin'ny olon-droa.

### Any am-piangonana

- Araho ny torolalan'ny Fiangonana mikasika ny fampianarana, anisan'izany ny tokony hisian'ny olon-dehibe roa ao amin'ny efitrano fianarana tsirairay avy.
- Ataovy izay hiorenan'ny tontolo hisian'ny fifanajana sy ny fangorahana ary aza avela hisy fampijaliana hitranga.



# Efa toy izay mihitsy ve sa toy izay teo aloha: izay no fanontaniana mipetraka



**Nataon'ny Loholona Joni L. Koch**
Ao amin'ny Fitopololahy

Andrandraina mba hitsara isika. Tsy maintsy. Saingy *tsy* tokony hitsara an-tendrony na hamaritra na iza na iza avy amin'ny alalan'ny toetra iray manokana isika.



Taona maro lasa izay dia nandeha nanao fitsidihana tany amin'ny Château de Kronborg tao Elseneur Danemark izaho sy ny vadiko. Io lapabe io dia lasa nalaza noho ny tantara an-tsehatra *Hamlet* nataon'i Shakespeare. Rehefa nandeha teo amin'ireo lalantsara malalaka tao amin'ilay lapabe izahay dia henik'ireo tantara an-tsehatra sy ny resaka nifanaovana avy ao amin'ilay tantara an-tsehatra ny sainay, indrindra fa ilay fanontaniana malaza napetrak'i Hamlet hoe: "Inona no hitranga, na tsy hitranga: izany no fanontaniana mipetraka."

Saingy taorian'izay aho dia nieritreritra fanontaniana manan-danja kokoa noho izany mba hapetratsika hoe: "Efa toy izay mihitsy ve sa *toy izay teo aloha:* izay no fanontaniana mipetraka."

**Manomeza fahafahana hivoatra**

Mampalahelo fa matetika isika no mampiasa famaritana avy amin'ny alalan'ny toetra iray manokana rehefa miresaka ny hafa. Ohatra, mety hilaza zavatra toy izao isika:

- *"Misiônera kamo i Elder Brown."* Ho solon'izay dia tokony hiteny isika hoe: "Tsy dia niasa mafy i Elder Brown tato ho ato, saingy mino aho fa afaka mivoatra izy."
- *"Tsy olona mpivavaka i Mary."* Kanefa afaka milaza isika hoe: "Tsy liana tamin'ny fivavahana i Mary teo aloha, saingy mety hahatsapa ny Fanahy izy raha mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananako aminy aho."

Rehefa milaza isika fa *amin'izao fotoana izao* dia toy izao na toy izao ny olona iray, dia mety hiafara amin'ny famaritantsika olona avy amin'ny toetra iray manokana izany na amin'ny fitsarana an-tendrony, mitsara kanefa tsy manome fahafahana mba hiovana sy hivoarana. Saingy rehefa milaza isika hoe *teo aloha,* dia maneho isika fa azo heverina ny hisian'ny fitomboana sy ny fivoarana.

SARY NATAON'I DAVID HABBEN

### Tsy mety ve ny mitsara?

Ny ankamaroan'ny dikanteny ao amin'ny Baiboly dia manome ity fomba fandikana ny fampianarana iray avy amin'ny Mpamonjy ity: "Aza mitsara, mba tsy hotsaraina hianareo" (Matio 7:1). Kanefa ny Dikantenin'i Joseph Smith dia manome fanazavana hoe: "Aza mitsara *araka ny tsy fahamarinana ianareo . . . , fa mitsarà kosa araka ny fitsarana marina"* (ao amin'ny Matio 7:1; nampiana fanamafisana).

Tena azo ekena tokoa, ary andrasana mihitsy aza, ny hitsarantsika rehefa manombantombana sy mandrefy ny zava-bita ary mahay mamantatra ireo toe-javatra misy sy mandray fanapahan-kevitra isika. Ary tena manan-danja tokoa ny hanaovantsika fitsarana marina rehefa mifanerasera aman'olona isika.

Ohatra, tokony hanadihady tsara isika ny amin'izay olona hovadintsika, hampiasa fahaizana mamantatra mba hahatakarana ny fikasana ananan'ny olona, na handrefy ny fahafahana manao zavatra an'ny tena manokana mba hanatontosana andraikitra nomena eo amin'ny lafiny arak'asa.

Tokony handrefy mandrakariva ny zavatra ataon'ny olona sy ny toetrany amin'ny alalan'ny fenitry ny Tompo isika, araka ny voarakitra ao amin'ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany. Ary ambonin'ny zava-drehetra, isika dia tokony hahazo antoka fa ny fitsarantsika dia tsy mikasa ny hamaritra amin'ny fomba feno haratsiam-panahy, na hitsara an-tendrony maimaika, na hamaritra olona iray amin'ny toetra iray manokana amin'ny fomba tsy ara-drariny.

### Afaka miova

Manao fitsarana tsy marina isika rehefa mamariparitra ny hafa amin'ny fomba tsy marina, indrindra moa fa raha te hilaza isika rehefa manao izany fitsarana izany fa tsy afaka miova izy ireo. Amin'ny fifaneraserana rehetra ataontsika amin'ny hafa, dia tokony hahatsiaro isika fa noho ny sorompanavotan'ny Tompo dia manana fahafahana ny hihatsara ny tsirairay avy amintsika. Eritereto ireto ohatra avy amin'ny Mpamonjy ireto:

- Hoy Izy tamin'ilay vehivavy tratra nijangajanga hoe: "Mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony" (Jaona 8:11).
- Hoy Izy tamin'ny iray tamin'ireo lehilahy voahombo teo akaikiny hoe: "Anio no hihaonanao amiko any Paradisa" (Lioka 23:43).
- Rehefa lasa olona efa nitsangana tamin'ny maty Izy dia mbola nahita ny hery anaty hahavitan-javatra nananan'i Petera ihany Izy ary nanohy nampianatra azy, na dia efa nandà Azy intelo aza i Petera (jereo ny Matio 26:34 sy ny Jaona 21:15–17).
- Nasainy nibebaka i Saoly, izay efa nanenjika ny Olomasina teo aloha. I Saoly izay lasa i Paoly dia nankatò ary lasa olo-marina. (Jereo ny Asan'ny Apôstôly 9:3–6.)

I Jesoa Kristy Tompo dia tompondaka amin'ny fanomezana fahafahana hanova zavatra indray, na fanindroany izany, na fanintelony, na faninefany koa aza. Nampianatra antsika Izy ny hamela heloka "hatramin'ny [fito-polo im-pito]" (Matio 18:22). Izy no ilay hany olona niaina fiainana tonga lafatra teto ambonin'ity tany ity, kanefa noho ny fiainany, ny sorompanavotany, ary ny Fitsanganany tamin'ny maty, ary amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny filazantsarany, dia afaka ny ho lasa tonga lafatra ihany koa isika indray andro any. Ny firesahana ireo rahalahy sy anabavintsika amin'ny fomba mampita tsy finoana fa afaka ny hiova izy ireo dia hampita ihany koa tsy finoana ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.

### Ety ivelany sy ao anaty

Zava-misy marina eo amin'ny fiainana ny hoe matetika isika no mitsara (sy tsaraina) amin'ny fahitana antsika avy hatrany ety ivelany. Atahorana hanao fitsarana tsy marina anefa isika rehefa mitsara miainga avy amin'ny zavatra hita avy hatrany ety ivelany fotsiny ary tsy manadihady tsara ny tena toetra marina ananan'ny olona iray.

"Fa tsy mba toy ny fijerin'ny olona no fijerin'i Jehovah; fa ny olona mijery ny miseho eo ivelany, fa Jehovah kosa mijery ny fo" (1 Samoela 16:7). I Jesoa dia niantso ireo mpihatsaravelatsihy tamin'ny androny hoe: "fasana voalalotra fotsy, izay miseho tsara tarehy eo ivelany, nefa ny ao anatiny dia feno taolan'ny maty mbamin'ny fahalotoana rehetra."(Matio 23:27).

Tsy nampianatra akory ny Mpamonjy hoe ratsy izany manana endrika ivelany tsara sy maotina izany, fa hoe manan-danja lehibe kokoa ny toetran'ny lehilahy na ny vehivavy iray ao anatiny (ny toetra ara-pitondrantena sy ara-panahy). Eritrereto ireo tempolintsika kanto sy mahatalanjona: tsara ery ny tokotany saingy manan-danja lavitra noho izany ireo ôrdônansy izay tanterahina ao anatiny.

Ny misiônera ihany koa dia takina mba hanaraka ireo fitsipika mifehy ny fomba fitafy sy ny fikarakarana ny endrika amam-bika. Rehefa madio sy manao fitafy maotina ary mampiasa fiteny mendrika izy ireo, dia maneho ohatra tsara ho an'ireo izay lasa mahafantatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny zavatra hitany sy reny avy amin'ny misiônera.

### Mampiasa ny fahaizana mamantatra

Rehefa mikasa ny hanao fitsarana marina isika dia zava-dehibe ny mampiasa fahaiza-mamantatra. Ny Torolalana ho an'ny soratra masina dia milaza fa ny fahaiza-mamantatra dia "ny mahatakatra na ny mahafantatra zavatra amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy. . . . Ao anatin'izany ny fahatsapana ny tena toetry ny olona sy ny

loharano ipoiran'ny fanehoam-panahy, ary koa ny heviny" ("Fanomezam-pahasoavana hoenti-mamantatra").

Indraindray ireo olona izay ratsy ao anaty dia mampiasa ny endrika ivelany araka izao tontolo izao mba hamitahana antsika hieritreritra fa mendrika ny halain-tahaka izy ireo. Izy ireo dia "manao azy ho hendry sy manao azy ho mazava saina" (Isaia 5:21; 2 Nefia 15:21). Ny Mpamonjy dia afaka nahatakatra fa tsy marina izany fomba fijery izany, ary afaka namantatra ny tanjaky ny toetra sy ny fikasana feno fahitsiana tao am-pon'ireo izay nanetry tena sy niharan'ny tsindry hazo lena indrindra aza Izy.

Nampiasa fahaiza-mamantatra toy izany i Almà rehefa niresaka tamin'ireo izay "amavoin'ny olon-drehetra . . . noho ny fahantrany" kanefa notahina satria izy ireo dia lasa "mietry am-po tokoa" (jereo ny Almà 32:5–8).

Tokony hotadidiantsika fa "izay an'ny Fanahin'Andriamanitra . . . [dia] araka ny Fanahy no amantarana izany" (1 Korintiana 2:14). Rehefa mihevitra ny hafa tahaka ny hiheveran'ny Raintsika any An-danitra azy ireo isika dia mamela antsika hanao fitsarana marina ny fahaiza-mamantatra.


### Fitsarana marina


Isan'andro eo amin'ny fiainantsika, dia mitsara isika amin'ny alalan'ny fanombantombanana sy ny fandrefesana ny zava-bita ary ny fahaizana mamantatra. Tian'ny Tompo hataontsika amim-pahamarinana anefa izany. Amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy Tompo antsika, ny tenintsika sy ny asantsika dia tokony haneho fa mpamindra fo isika, be fitiavana, ary vonona ny hanampy.

Amin'ny maha-mpitsara marina antsika dia mila maka antoka isika fa ny toetran'ny olona iray no ifantohantsika bebe kokoa fa tsy ny endriny ivelany. Mifanindran-dalana amin'izany, isika dia tokony hahatsiaro fa isan'andro dia avy amintsika ihany no hiforonan'ny fomba fiheveran'ny olona antsika avy hatrany avy amin'ny fahitana ny endritsika ivelany sy ny teny ampiasaintsika. Ny ankamaroan'ny olona dia ho voasarika hamantatra bebe kokoa momba ny toetrantsika sy ny hafatry ny filazantsara raha ahitana taratra ny lanja ambony ananan'ny hafatra zaraintsika ny endritsika ivelany.

I Jesoa Kristy Tompo sy Mpampianatra antsika dia efa naneho antsika ny ohatra tonga lafatra tokony harahantsika eo am-piezahantsika mitsara amim-pahamarinana. Isika dia tokony hampifandanja, tahaka ny nataony, ny zavatra hitantsika ety ivelany amin'ny zavatra mitranga ao anatin'ny olona tsirairay. ■







*Haisoritrano izay notanterahin'ny mpahaimaritrano Hyrum Pope sy Harold W. Burton.*
*Etsy ankavanana: Iray amin'ireo sarihaingo efatra manodidina ny tempoly izay maneho ireo fotoampitantanana efatra an'ny filazantsara.*







*Lovia haingon-trano izay mampiseho ireo tempoly valo voalohany an'ny Fiangonana. Eo ambany afovoany i Laie.*







*Eo afovoany: Ny Filoha Heber J. Grant tany Laie tamin'ny fanokanana ny tempoly.*
*Etsy ambony: Filoha Joseph F. Smith (farany ankavanana) tany Laie. Nanokana ny toerana hanorenana ny tempoly izy ny volana jona 1915.*



*Sarihaingo maneho ny maha-reny izay nosokirin'i Avard Fairbanks.*
*Eny ankavanana: Mpikambana nivondrona teo amin'ny tempoly (1920).*



# Tempolin'i Laie Hawaii

## ZATO TAONA NANANGONANA

Ny Tempolin'i Laie Hawaii izay notokanana 100 taona lasa izay dia nanome fahafahana ireo Olomasina mba hivondrona handray ireo fitahiana avy amin'ny tempoly rehefa nanomboka niely nanerana an'izao tontolo izao ny filazantsara.

**Nosoratan'i Clinton D. sy i Angela R. Christensen**

Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra. Miasa ao amin'ny Departemanta misahana ny tantaran'ny Fiangonana Rahalahy Christensen.

Ny iray amin'ireo asa lehibe nanirahana ny Fiangonan'i Jesoa Kristy amin'izao andro farany izao dia ny hanolotra ireo fitahiana avy amin'ny tempoly ho an'ny olona manerana an'izao tontolo izao, na velona izany na ny maty. Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith fa "ny tanjon'ny fanangonana ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny sokajin-taona rehetra eto amin'izao tontolo izao dia ny hanangana trano ho an'ny Tompo izay ahafahany manambara amin'ny vahoakany ireo ôrdônansy atao ao amin'ny tranony."[1]

Tany amin'ny fiandohan'ny taonjato faha-20 dia tempoly efatra ihany no niasa teto an-tany ary tany Utah no nahitana azy rehetra. Noho izany dia ny fivondronan'ny olona tao Utah no hany fomba nahafahana nandray ireo fitahiana avy amin'ny tempoly ireo. Niova izany tamin'ny 1919. Tamin'ny 27 nôvambra 1919, dia natokan'ny Filoha Heber J. Grant (1856–1945) ny Tempolin'i Laie Hawaii. Izany dia nanamarika fotoam-piovana ara-tantara teo amin'ny Famerenana amin'ny laoniny satria afaka nahazo ireo fitahiana avy amin'ny tempoly ny firenena maro.

Raha ny mahakasika an'izay dia ny Tempolin'i Laie Hawaii no tempoly voalohany nisokatra ho an'ny firenena maro. Nanompo mivantana an'ireo mpikambana avy any Hawaii, Nouvelle Zélande, Samoa, Tonga, Tahiti, Japon, ary Australie izany. Rehefa nihanivelatra hatrany nanerana an'i Pasifika sy Azia ny Fiangonana dia nihanitombo ny isan'ireo firenena nahazo fitahiana avy tamin'izany tempoly izany.

Ity taona ity no manamarika ny faha-100 taonan'izany fotoana manan-danja izany teo amin'ny fanangonana an'i Isiraely eo amin'ny lafy roan'ny voaly.

### Fanangonana avy any Samoa

Ireo nosy ao Samoa dia hita any amin'ny 4023 km avy eo Hawaii. Tamin'ny 1919, dia nilaza i John Q. Adams, filohan'ny misiôna tany Samoa hoe: "Rehefa vita ny tempoly tany Laie, dia toa nanana faniriana lalina tampoka ny hanangona vola ampy mba handehanana any amin'ny tempoly ireo olona tany aminay." I Aulelio Anae, ohatra, dia misiônera tsy nokaramaina nandritra ny 20 taona. Noho ireo taona maro nanaovany fahafoizan-tena dia tsy ampy ny vola handehanany tany Hawaii. Noho izany dia namidin-drahalahy Anae izay rehetra nananany ary 600 dôlara na 700 dôlara no voangony.[2] Nahafoy izay zavatra rehetra azony nafoy rahalahy Anae sy ireo Samoana hafa mba hifindrana tany Laie nandritra ireo taona taorian'ny 1920.

Tonga tany Hawaii tamin'ny andron'ny taom-baovao tamin'ny 1923 ny fianakaviana iray, dia ry Leota mianakavy. Izao no tsaroan'i Vailine Leota izay fito taona: "Vao [hitanay] ny

SARIN'NY SARIHAINGON'NY TEMPOLY TANY HAWAII, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANO FITEHIRIZANA NY TANTARAN'NY FIANGONANA; SARIN'NY TEMPOLIN'I LAIE HAWAII AMIN'NY ANDRO HARIVA NATAON'I CARLA JOHNSON

tempoly . . . dia izany no zavatra faran'izay kanto hitan'ny maso."[3] Roa herinandro monja taorian'izay dia nandray ny fanafiana masina sy nofehezina amin'ny maha-mpivady azy i Aivao sy i Matala ray aman-drenin'i Vailine, ary nofehezina tamin'izy ireo ny zanak'izy ireo. Nanompo tamim-pahatokiana tao amin'ny tranon'ny Tompo nandritra ny 50 taona ry Leota mivady ary nalevina "teo akaikin'ny tempoly izay tena tian'izy ireo."[4] Amin'izao fotoana izao dia mipetraka manerana an'i Hawaii ny taranak'izy ireo an-jatony.

**Tanjona toa tsy ho tanteraka**

Rehefa nandao ny tanindrazany ka nifindra tany Hawaii ireo mpikambana maro tany Pasifika dia paroasy sy sampana maro avy amin'ny firenena maro no nikarakara fanaovana dia iarahan'ny vondron'olona izay nantsoina hoe dia karakaraina mankany amin'ny tempoly. Io endrika fanangonana iray ara-panahy io dia nanome fahafahana ireo mpikamban'ny Fiangonana mba hanao dia handraisana ireo ôrdônansy any amin'ny tempoly ary avy eo miverina mody mba hanorina ny Fiangonana any amin'ny fireneny.

Nandritra ny fanokanana dia nivavaka tamin'ny Tompo ny Filoha Grant mba hanokatra ny lalana ho an'ireo Olomasina tany Nouvelle Zélande sy tany amin'ireo Nosy Pasifika rehetra ary mba hiaro ny tetiaran'izy ireo mba hahafahan'izy ireo mandeha any amin'ny tempoly ary lasa mpamonjy an'ireo razambeny.

Vondron'olomasina Maori avy tany Nouvelle Zélande no nanomboka ilay dia karakaraina mankany amin'ny tempoly, enim-bolana monja taorian'ny fanokanana. Na dia tany amin'ny 8.045 km lavitra avy teo Hawaii aza ireo Olomasina ireo dia faly noho ny fandrenesana ilay fanokanana.

Naniry mafy ny ho anisan'ny ao anatin'ilay vondrona voalohany hanao ilay dia mankany amin'ny Tempoly i Waimate sy i Heeni Anaru. Saingy toa tsy ho tanteraka ilay tanjona noho ny fahantran'ilay fianakaviana sy ny sarany takina ho an'ilay dia izay 1200 livres néo-zélandais. Tena vola be izany. Nila fahagagana izy ireo.

Nanaraka ny torohevitry ny mpaminany ny fianakaviana Anaru nandritra ny taona maro ka nanangona ireo rakitsoratra ahitana ny tetiaran'izy ireo. Nivangongo tao tamin'izany ireo rakitsoratra ireo teo am-piandrasan-dry Anaru mianakavy ny hitrangan'ilay fahagagana. Fantatr'i Wiwini, zanak'izy ireo lahy ny finoan'ny ray aman-dreniny: "Tsy mba kivy velively izany i Neny hoe [tsy] handolahika miaraka amin'i Dada eo amin'ny alitaran'ny tempoly indray andro any."

Nisy fahagagana nitranga. Nahazo fifanekena arak'asa avy amin'ny fitondram-panjakana tany Nouvelle Zélande hanaovana tetikasa fanajariana ny tany i Waimate. Ny karamany avy tamin'izany tetikasa izany dia nahazoany vola ampy izay naloa mialoha mba hanefana ny saran'ilay dia mankany Hawaii. Nandresy ilay tahotr'izy ireo amin'ny famakivakiana ny ranomasimbe i Waimate sy i Heeni ary nandeha tany Hawaii niaraka tamin'ny vondron'olomasina niisa 14 tamin'ny mey 1920. Nandray ny fanafiana masina izy ireo ary nofehezina. Nitranga ilay neritreretina fa tsy ho tanteraka.

Ny tantaran-dry Anaru mianakavy dia iray fotsiny amin'ireo tantara an'arivorivon'ireo Olomasin'ny Andro Farany izay nanao dia nankany amin'ny Tempolin'i Laie mba handray ireo ôrdônansy sy haka ireo fampanantenana atolotry ny Tompo ao amin'ny tranony. Nitaky fahafoizan-tena lehibe izany saingy namokatra Olomasina matanjaka kokoa izay niverina tany an-tanindrazany vonona ny hitarika ny Fiangonana.[5]

**Fanangonana ara-panahy avy any Azia**

Taorian'ny Ady Lehibe Faharoa sy ny famerenana ny Fiangonana indray tany Japon, dia nikarakara ny fanaovana dia voalohany avy tany Azia ho any amin'ny tempoly ireo Olomasina tao. Tamin'ny 1965 dia fiaramanidina iray feno Olomasina feno fanolorantena miisa 165 no niainga avy teo Tokyo nankany Hawaii mba handray ireo ôrdônansin'ny tempoly. Nitondra tanjaka lehibe ho an'ny Fiangonana tany Japon izany dia natao izany. Ny dimy amby sivifolo isan-jaton'ireo mpikambana ireo dia nijanona ho mavitrika tao amin'ny Fiangonana. Ny dimy

SARIN'NY VONINKAZO MAVOKELY EO ANOLOAN'NY TEMPOLIN'I LAIE HAWAII NATAON'I AARON B. PIKE

1850

1850: Tonga tany amin'ny Fanjakan'i Hawaii ireo misiônera mba hitory ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny.



1855: Nanao ny asa fitoriany voalohany tany Hawaii i Joseph F. Smith.

1875



1865: Nividy tany tany Laie ny Fiangonana izay nanorenana trano fiangonana. Nesorina ity trano ity tamin'ny 1916 mba hanomezana toerana ny tempoly.

1900

1915: Fanambarana ny fanorenana ny Tempolin'i Laie Hawaii nataon'ny Filoha Joseph F. Smith.



27 nôvambra 1919: Natokan'ny Filoha Heber J. Grant ny tempoly (jereo etsy ambony, eo afovoany).

1920: Nandeha tany amin'ny tempoly niainga avy tany Nouvelle Zélande i Waimate Anaru.

1925

1923: Niala tany Samoa ka nifindra tany Laie ny fianakaviana Leota (etsy ambany).



tamin'izy ireo taty aoriana dia lasa filohan'ny tempoly tao an-tanindrazany, anisan'izany ny Loholona Yoshihiko Kikuchi, ilay Manampahefana Ambony voalohany avy any Japon.[6]

Tamin'ny 1970 dia nisy vondrona mpikambana Kôreana nandeha tany Laie. Hoy i Choi Wook Whan, izay filohan'ny sampana hoe: "Nandeha tany amin'ny tempoly izahay ary nanokatra ny sainay izany sy nampahafantatra anay ny fomba hahazoanay famonjena. Lasa nisy marina ilay drafitra mandrakizay. Nahazo tanjaka lehibe tokoa izay tsy hay hazavaina ny fijoroana ho vavolombelona nanananay. Tena fitahiana lehibe ho an'ny olona avy any Kôrea ny fananana fahafahana nandeha tany amin'ny tempoly."[7]

## Fanangonana ireo havanay efa nodimandry

Rehefa azo tanterahina eo amin'ny firenena iray ireo ôrdônansin'ny tempoly dia tsy hoe mitondra ireo fitahian'ny Tompo ho an'ny velona eo amin'izany firenena izany fotsiny izy fa ho an'ireo izay any amin'ilay firenena any amin'ny lafy ilan'ny voaly amin'izao fotoana izao. Tsapan'ireo mpikambana any amin'ny firenena Aziatika izany fitahiana izany, satria ny fiarahamonin'izy ireo dia efa nirakitra tetiarana tamimpahamalinana nandritra ny taonjato maro.

Niala tany Chine ka nifindra monina tany Hawaii ny ray aman-drenin'i Kwai Shoon Lung. Teraka tany Kauai izy tamin'ny 1894 ary natao batisa tamin'ny 1944 tamin'ny faha-50 taonany. Nampianatra ny tantaram-pianakaviana rahalahy Lung tany am-piangonana ary niteny tamin'ny mpianany hoe: "Nahita fahitana aho indray alina izay nahitako ny maro tamin'ireo havako efa nodimandry izay niantso ahy mba hanao asa ho azy ireo." Telo andro taty aoriana dia naharay tetiarana avy amin'ny nenitoany izy tany Chine: rakitsoratra amin'ny teny Sinoa miisa 22 pejy izay manambara ireo razambeny hatrany amin'ny 1221 taorian'i J.K. Nahavita ôrdônansy an'arivony tany amin'ny tempoly ho an'ny fianakaviany izy sy i Glenn zananilahy ary i Julina vinantovaviny. Taty aoriana i Glenn sy i Julina Lung dia nanompo tamim-pahatokiana tamin'ny naha-filohan'ny tempolin'i Laie sy vehivavy mpiandraikitra ao amin'ny tempolin'i Laie azy ireo nanomboka tamin'ny 2001 ka hatramin'ny 2004.[8]

## Mbola mitohy ny fanangonana

Ny tempolin'i Laie Hawaii izay hita any amin'ireo fihaonan-dalana any Pasifika, eo antenantenan'i Amerika sy Azia, dia nanokatra ny varavarana ho an'ireo firenena maro mba hahazoana ireo fitahiana avy amin'ny tempoly. Noho izany ny fanangonana ny Isiraely dia lasa fanangonana iray ara-panahy aloha noho ny fahafahan'ireo mpikambana mandray ireo ôrdônansy any amin'ny tempoly ary avy eo miverina mody mba hanorina ny Fiangonana any an-tanindrazany. Izany tombontsoa nomena izany dia nanampy tamin'ny fampivelarana ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny tany amin'ny kolontsaina sy vahoaka maro teo amin'ny lafy roan'ny voaly.

Noho ny fankalazanay ny faha-100 taonan'ny Tempolin'i Laie Hawaii, dia voninahitra ho anay ny mahita izao fotoan-dehibe ao anatin'ny Famerenana amin'ny laoniny izao sy ny fahatanterahan'ny faminanian'ny mpaminany Jakôba ao amin'ny Bokin'i Môrmôna hoe: "Lehibe ny fampanantenan'ny Tompo amin'ireo izay eo amin'ny nosin-dranomasina" (2 Nefia 10:21). ■

**FANAMARIHANA**

1. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 416.
2. Jereo ny James Adams Argyle, comp., "The Writings of John Q. Adams," 14, FamilySearch .org.
3. Vailine Leota Niko, in Clinton D. Christensen, comp. *Stories of the Temple in Lā'ie, Hawai'i* (2019), 70–71.
4. Aivao Frank Leota (1878–1966), FamilySearch.org.
5. Jereo ny Christensen, *Stories of the Temple in Lā'ie, Hawai'i,* 64–65.
6. Jereo ny Christensen, *Stories of the Temple in Lā'ie, Hawai'i,* 114–17.
7. Choi Wook Whan, in "Going to the Temple Is Greatest Blessing," *Church News,* Apr. 17, 1971, 10.
8. Jereo ny Christensen, *Stories of the Temple in Lā'ie, Hawai'i,* 166.

1950




1965: Olomasina japôney niisa 165 no tonga tany Hawaii tamin'ilay dia ho any amin'ny tempoly nokarakaraina voalohany avy tany Azia.

1970: Niaraka tamin'ireo Olomasina japôney ireo Olomasina Kôreana nandritra ny dia karakaraina iray mankany amin'ny tempoly.



1975




13 jona Jona 1978: Naverin'ny Filoha Spencer W. Kimball natokana indray ny tempoly taoriana ny fanitarana lehibe. Nitsidika ny Ivon-toerana ara-kolontsaina Pôlineziana koa izy sy ny Filoha N. Eldon Tanner (etsy ambony).

2000

21 nôvambra 2010: Naverin'ny Filoha Thomas S. Monson natokana ny tempoly taorian'ny fanatsarana ny fiarovana amin'ny horohoron-tany sy ny fanavaozana ny endriky ny trano.



2015

# Voatarika ho any amin'i Monica

Fony aho nipetraka tao São Paulo, Brésil dia lasa nahafantatra vehivavy iray miavaka antsoina hoe Graça aho. Vehivavy maha-te ho tia sy tsara fanahy ary naman'ny olona rehetra izy.

I Graça no namako mpiara-mamangy isan-tokantrano. Manan-janaka telo izy, manao asa tsy amin'ny fotoana feno, ary tsy nanana fiara na telefaonina, saingy tsy nisy nahasakana azy hanompo ireo.

Afaka nahatazana avy eny amin'ny lavarangako ny varavarankely iray tamin'ny tranony aho. Rehefa nanana fotoana i Graça dia nametraka lamba mena teo amin'izany varavarankely izany mba hampahafantarana fa vonona ny handeha hanao famangiana izy. Tsy nitady fialan-tsiny tsy hanompoana mihitsy izy. Nieritreritra matetika ny



*Nametraka lamba mena teo amin'ny varavarankeliny i Graça mba hampahafantarana fa vonona ny handeha hanao famangiana izy.*

fampahafantarana nataon'i Graça aho sy ny ohatra tena tsara amin'ny asa fanompoana amim-pahatokiana sy tsotra izay nasehony.

Misy zavatra niainana iray tadidiko izay tena manan-danja ho ahy. Niomana izahay ary nivavaka mialoha ny handehanana hitsidika ny iray tamin'ireo rahavavy nampandraiketina anay. Rehefa nanatona ny tranony izahay dia tonga saina fa hay tany amin'ny tranon'ny rahavavy iray hafa izahay no nandeha raha ny marina! Nomena andraikitra hamangy io rahavavy izay renim-pianakaviana manan-janaka kely roa ary malaindaina io izahay, saingy tsy nanao drafitra ny hamangy azy tamin'io andro io. Koa satria efa tonga teo izahay dia nandondona, saingy tsy nisy namaly.

Nanapa-kevitra ny hisisika ihany izahay ary hiandry. Tonga ihany nony farany ilay rahavavy, dia i Monica izany ary nilaza taminay fa sahirana be izy. Tsikaritray fa reraka izy ary efa hila hitomany. Rehefa nilaza izahay fa hanampy no nahatongavanay, dia navelany niditra izahay. Nitomany ny zazakeliny ka dia nasainay nikarakara ny zazakeliny izy fa hiandry izahay. Rehefa niara-niakatra tamin'ilay zazakely tany ambony rihana i Monica dia niasa izahay, nanadio efitrano maro ary namalona ireo lamba rehetra izay hitanay.

Rehefa hitan'i Monica ny hatsaran'ny endriky ny tranony dia nanomboka nitomany izy, vonona ny hamboraka izay tao am-pony taminay, ary nizara ny sasantsasany tamin'ireo olany. Nampanantena ny hanampy azy izahay, dia noresahanay tamin'ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana ny olana nananany. Ny alahady taorian'izay dia tonga tao am-piangonana i Monica.

Lasa rahavavy mavitrika sy faly i Monica, ary nanohy nanompo azy tamim-pitiavana sy tamim-pikarakarana izahay. Mbola eo foana ireo olana nananany, saingy afaka niatrika izany tamin'ny finoana sy herim-po bebe kokoa izy noho ny fahavitrihany ao amin'ny Fiangonana.

Feno fankasitrahana aho noho ny ohatra nasehon'i Graça teo am-piarahanay nanompo. Nivavaka izahay mba hahazo fitarihana, ka dia nitondra anay tany amin'i Monica Andriamanitra. ■

**Rosana Soares, Utah, Etazonia**



SARY NATAON'I STAN FELLOWS



# Namboly voa tao am-poko izy ireo

*Nahatsapa aho fa tokony holazaiko an'ireo rahavavy misiônera nampianatra ahy voalohany fa lasa mpikamban'ny Fiangonana aho ary izy ireo no namboly ny voan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny tao am-poko.*

Avy aiza aho? Inona no ataoko ety? Ho aiza aho aorian'ity fiainana ity?

Rehefa 29 taona aho dia niverina tao an-tsaiko foana ireo fanontaniana ireo. Efa nodimandry ireo ray aman-dreniko. Nalahelo aho noho ny namoizako ny zanako lahimatoa. Nanana zanaka telo hafa notezaina aho ary nanana fiainana feno olana.

Nanomboka namaly ny fanontaniako ny Tompo rehefa nitarika misiônera tanora roa ho any an-tranoko Izy. Rehefa nampandrosoiko tao an-trano izy ireo dia nanontany raha nisy zavatra tsapako fa banga teo amin'ny fiainako. Notantaraiko azy ireo ny momba ny ray aman-dreniko sy ny zanako lahy. Nolazaiko azy ireo fa nihevitra aho fa tsy rariny ny manan-janaka sy manangana fianakaviana raha toa ka hiafara amin'ny fahafatesana ny zavatra rehetra. Nanontany aho raha mbola hahita ny ray aman-dreniko sy ny zanako lahy indray.

"Marta," hoy izy ireo, "afaka ny ho anao mandrakizay ny fianakavianao."

Heniky ny hafaliana ny foko. Naniry ny hahalala bebe kokoa aho. Tamin'ny fitsidihan'izy ireo manaraka dia nampianatra ahy bebe kokoa momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izy ireo. Nomen'izy ireo Bokin'i Môrmôna aho ary nampanao fanamby ahy izy ireo ny hamakiako izany sy hanontaniako an' Andriamanitra raha teniny izany. Nanaiky ny fanamby nampanaovin'izy ireo aho. Rehefa nivavaka aho dia tonga tamin'ny fomba mazava toy ny masoandro mamiratra ny valinteny avy amin' Andriamanitra. Fantatro tao am-poko fa marina ilay izy.

Indrisy anefa, fa rehefa nanao asa iray vaovao aho, dia tapaka ny fifandraisako tamin'ny misiônera. Volana maromaro taorian'izay dia rava ny fanambadiako ary niezaka nanomboka fiainana vaovao niaraka tamin'ireo zanako aho.

Nanambady indray aho taty aoriana. Indray andro ny vadiko dia nilaza fa malahelo ny fotoana nananany an' Andriamanitra teo amin'ny fiainany izy. Nanapa-kevitra izahay ny handeha hivavaka tany amin'ny fiangonana izay falehany teo aloha. Rehefa niditra tao amin'ilay trano izahay, dia nahita ny Bokin'i Môrmôna teo ambony latabatra iray teo amin'ny lalantsara aho. Ilay Fiangonana efa nampahafantarina ahy teo aloha ihany ilay izy! Tiako ny Fanahy tsapako tao. Rehefa nandeha nody izahay dia nanontaniako ny vadiko ny fomba ahafahana manao batisa ahy.

"Mila ampianarin'ny misiônera ianao," hoy izy.

"Efa nampianarina aho dimy taona lasa izay!" Hoy aho namaly.

Nampianarina ahy sy ny zanako ireo lesona. Ny andron'ny batisanay no andro nahafaly indrindra teo amin'ny fiainanay.

Taona maro taty aoriana dia nahatsapa aho fa tokony holazaiko an'ireo rahavavy misiônera nampianatra ahy voalohany fa lasa mpikamban'ny Fiangonana aho. Hitako tao amin'ny Facebook ny vondron'ny misiônera niverina avy ao amin'ny Misiônan'i Santa Maria Brésil. Isan'ny tao anatin'ilay vondrona ny iray tamin'ireo rahavavy misiônera nampianatra ahy. Nandefa fangatahana azy ho namana aho dia nolazaiko azy hoe iza aho, tamin'ny fomba ahoana no naha-lasa mpikamban'ny Fiangonana ahy, fa ny fianakavianay dia voafehy tao amin'ny tempoly, ary nanao asa fitoriana ny filazantsara tamin'ny fotoana feno ny zanako lahy. Nolazaiko azy fa tanteraka ireo zavatra ireo satria namboly ny voan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny tao am-poko izy sy ny namany mpiara-manompo taminy. ■

**Marta Algarve, Santa Catarina, Brésil**

SARY NATAON'I RAFAEL LÓPEZ



# Fitahiana fanampiny

*Nofenoiko sakafo ny harona roa dia nandeha nankany amin'ny tranon'ny rahavavy iray tao amin'ny paroasiko aho.*

Vao niteraka ny zanakay voalohany izaho sy i Carmen vadiko no nantsoina ho evekan'ny paroasinay aho. Nanana olana ara-bola izahay tamin'izany fotoana izany. Lasa niteraka rarin-tsaina ho ahy ny namelona ny fianakaviako sady niahy sy nikarakara ireo mpikambana tao amin'ny paroasinay.

Indray alahady dia nahatsikaritra renim-pianakaviana tokan-tena iray niaraka tamin'ireo zanany efatra mbola kely tao amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo aho. Nipetraka teny amin'ny seza farany tao amin'ny trano fiangonana izy ary niezaka nampangina ireo zanany araka izay vitany. Fantatro fa nanana olana ara-bola ihany koa izy, saingy tsy mba nangataka fanampiana izany mihitsy. Lasa ny herinandro vitsivitsy, ary tonga tao am-piangonana niaraka tamin'ireo zanany izy isaky ny alahady.

Indray andro dia naharay ny seky nisy ny karamako aho. Noho izaho notahina ka nahazo tambin-karama dia nanapa-kevitra aho ny hampiasa ilay vola amboniny mba hividianana vatsim-pitaovana hanaovana fanamboarana tena nilaina tokoa tamin'ny tranoko. Saingy rehefa nitodi-doha ho any an-tsena aho dia tadidiko io rahavavy io sy ireo zanany. Tsapako fa tokony hampiasaiko hividianana sakafo ho azy ireo ilay vola amboniny. Niantso an'i Carmen aho dia nilaza taminy ny zavatra tsapako fa nilaiko natao. Nanaiky izy.

Rehefa niantsena aho dia nitopy teny amin'ny biscuits vitsivitsy ny masoko. Nieritreritra aho fa mety te hihinana zava-mamy ireo ankizy. Nofenoiko sakafo ny harona roa dia nandeha nankany amin'ny tranon'ilay rahavavy aho.

Nandondona imbetsaka teo amin'ilay varavaran-kazo efa simba aho. Rehefa iny aho handeha iny dia nivoha ihany ilay varavarana nony farany. "Eveka," hoy ilay rahavavy, "Tsy nanampo ny hahita anao aty aho." Niaraka tamin'izay dia nihazakazaka nivoaka avy tao aoriany ireo zanany.

"Nitondra sakafo ho anareo aho," hoy aho.

Nahita ireo biscuits ny iray tamin'ireo zanany vavy dia nihorakoraka hoe: "Biscuits!" Nitangorona tamim-pifaliana ireo anadahiny sy rahavaviny. Namihina ahy ny zanany vavy iray fito taona. "Misaotra anao ry Eveka," hoy izy.

Nojereko ny tao an-tokantranon'izy ireo dia hitako fa nanasa lamba tao anaty koveta teo amin'ny tany io rahavavy io. Tsy nanana latabatra ilay fianakaviana ary natory tamin'ny kidoro teo amin'ny tany. Tsapako fa tena nila fanampiana be tokoa izy ireo. Nanao fandaminana aho mba hahazoana antoka fa hanana latabatra izy ireo ary hanana fandriana ny tsirairay avy.

Io zavatra niainana io dia nanampy ahy hahafantatra fa mitarika sy mitahy ny mpanompony ny Tompo. Tsy mila antso manokana isika mba hahafahana manampy ireo rahalahintsika sy anabavintsika. Mila mahay mihaino tsara ny Fanahy fotsiny isika, mahafantatra izay olona mila ny fanampiantsika, ary vonona ny ho fitaovana eo am-pelatanan'ny Tompo. ■

**Roberto Atúncar Nieto, Lima, Pérou**

SARY NATAON'I ALE + ALE, MORGAN GAYNIN

# Pejy roa feno fankasitrahana

Nampijaly ny raiko nandritra ny androm-piainany ny fiheverany ny tenany ho ambany sy ny fahatsapany ho tsy nisy nilana azy. Izy dia notezain'ny ray mpisotro toaka izay nilaza taminy matetika fa tsy nisy nilana azy mihitsy ny fiheverany azy. Soa ihany fa tsy lasa mpisotro toaka mihitsy ny raiko, saingy tsy mbola nilaza tamiko sy tamin'ireo mpiray tampo amiko mihitsy izy hoe nirehareha noho ny aminay na nidera anay noho ny zavatra izay vitanay tsara. Rehefa nihalehibe aho dia niezaka nanao zavatra nahafaly azy, saingy tsy nahavita namalifaly azy mihitsy aho. Nahatonga anay hanana fifandraisana tsy dia tsara izany.

Indray taona izay dia nolazaiko tamin'ilay evekako hendry izany. Nanoro hevitra ahy izy ny hanoratra taratasy ho an'ny raiko izay milaza aminy ny antony rehetra ankasitrahako azy. Tena ho sarotra ho ahy tokoa ny hanao izany. Nanana ratram-po lalina aho, ary tsy tiako ho lasa taratasy hankahalana ahy ny taratasy fankasitrahana hosoratako. Ka dia nivavaka aho. Noho ny fitarihan'ny Fanahy ahy dia nanomboka nisosa ho azy tao an-tsaiko ireo antony naha-feno fankasitrahana ahy ny amin'ny raiko. Lava ny fotoana nanaovana izany, kanefa rehefa vitako ilay izy dia nahafeno pejy roa aho.

Nalefako ny taratasiko, ary tsy fantatro akory izay ho fandraisan'ny raiko izany. Saingy fantatro fa tsy afaka nisafidy izay ho fihetsika hasetriny izany aho. Nila nijery ny tao am-poko fotsiny aho ary nitadidy ny antony nanoratako ilay taratasy.

Ny ampitso marainan'io dia nahazo antso an-telefaonina avy amin'ny renikeliko aho. Nitomany izy. Nilaza tamiko izy fa namerimberina namaky ilay taratasy ny raiko. Nilaza izy fa tsy afaka niresaka tamiko ny raiko satria nitomany be tokoa izy.

"Misaotra anao," hoy izy. "Nila izany ny rainao."


Ny harivan'io andro io dia niantso ny raiko mba hisaotra ahy. Niantso ahy izy nandritra ny andro maromaro mba hilaza ny lanjan'ilay taratasy ho azy.

Raha mba afaka niteny mantsy aho hoe sitrana tamin'ny fomba mahagaga ny fifandraisanay, saingy mbola betsaka ny zavatra nilainay natao. Rehefa nandeha ny fotoana dia nanomboka nihatsara ny zavatra tsapako, ary nihatsara ny fifandraisanay. Taty aoriana dia afaka namela heloka aho.

Taona vitsy taty aoriana, rehefa avy niady mafy tamin'ny homamiadana ny raiko, dia maty izy. Mino aho fa mahatsapa fifaliana lehibe izy amin'izao fotoana izao eo am-panampian'ny Mpamonjy azy ho sitrana amin'ny fanararaotana nihatra taminy nandritra ny taona maro. Fantatro fa niaina fanasitranana aho tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ny Mpamonjy dia mahatakatra ny zavatra ilaintsika ary afaka manampy antsika hanaisotra ao amintsika ny poizina avy amin'ny fahatafintohinana sy ny fankahalana. Fantatro fa ny fankasitrahana, ny famelan-keloka, ary ny fitiavana dia fanasitranana mahery vaika. ■

**Elise Dahlen, Utah, Etazonia**

*Namerimberina namaky ny taratasy nosoratako ny raiko. Tsy afaka niresaka tamiko izy satria nitomany be tokoa.*



SARY NATAON'I ALLEN GARNS





**Nosoratan'i Joy D. Jones**
Filohan'ny Kilonga Maneran-tany

MIATRIKA NY PÔRNÔGRAFIA:

# Miaro, mandray andraikitra ary manasitrana

Ireo fomba fanehoana fitiavana ireo dia afaka manampy ny ankizintsika eo anatrehan'ny fahitana pôrnôgrafia izay mety mianjady amin'izy ireo.

Fantatro amin'alahelo mihitsy ny fiantraikan'ny pôrnôgrafia na dia eo amin'ireo kely indrindra eo amin'ny fiarahamonintsika aza, dia ireo ankizikelintsika izany. Ny pôrnôgrafia izay zava-doza mihanaka amin'ny fomba mihoa-pampana tokoa dia mety hiteraka fahamenarana, famitahana, fahasimban'ny fihetseham-po, fahaverezan'ny fifehezan-tena, fiankinan-doha goavana, ary fandanindaniam-poana tanteraka ny fotoana, ny fahafahana mieritreritra sy ny hery. Tena ilaintsika rehetra, ray amandreny, fianakaviana, mpampianatra ary mpitarika ny mijery sy manome lanja ary miaro marina ireo ankizintsika sy ireo zatovontsika.

Ny fitiavana dia anisan'ireo fanomezana lehibe indrindra nomen'Andriamanitra. Ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny namana no didy lehibe anankiroa nomen'i Jesoa Kristy tenany antsika. Ny fitiavana koa no inoako fa fitaovana tena lehibe hiadiana amin'ny pôrnôgrafia.

Hoy tokoa ilay don-teny malaza hoe, "mahafaty fitiavana ny pôrnôgrafia", kanefa aoka hotsaroantsika koa fa mahafaty pôrnôgrafia ny fitiavana. Tsy midika izany hoe afaka manova ny fiankinan-dohan'ny olona iray amin-javatra na ny fitondrantenany mihitsy aza ny fitiavantsika azy. Fa afaka mandrisika antsika ny fitiavana, eo amin'ny fomba fiomanantsika, amin'ny fomba fandraisantsika andraikitra, amin'ny fomba fihainoantsika, indrindra eo anatrehan'ny ankizintsika. Raha te hanana fanantenana ny hamongotra eto amin'izao tontolo izao ity zava-doza ity isika dia tsy maintsy ny fitiavana no ataontsika ho lohalaharana sy fototry ny ezaka rehetra ataontsika.

Te hanolotra fomba telo hanehoana fitiavana aho izay antenaiko fa hifantohantsika sy hekentsika ary hampiharintsika. Ireo fomba telo hanehoana fitiavana ireo dia mifamatotra amin'ireo karazana ambaratonga telo eo amin'ny fampiasana pôrnôgrafia izay mety mianjady amin'ny zanatsika.

Voalohany, dia maneho isika hoe "tiako ianao" amin'ny alalan'ny fiarovana marina azy ireo. Faharoa, maneho isika hoe "mbola tiako ianao" amin'ny alalan'ny fandraisantsika andraikitra eo anatrehan'ny fahitan'izy ireo ny pôrnôgrafia na amim-panahy iniana izany na tsia. Ary fahatelo dia maneho isika hoe "ho tiako foana ianao" amin'ny alalan'ny fanolorana fanohanana feno fitiavana azy ireo rehefa miezaka ny ho sitrana izy ireo raha niaina fihoaram-pefy tamin'ny fampiasan-javatra na fiankinan-doha tamin-javatra. Ny fitiavana no fanalahidy ao anatin'ny ambaratonga tsirairay.

SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES; NAMPIASAINA MBA HANEHOAN-JAVATRA, ARY OLONA NINDRAMINA NO NALAINA SARY

*Misy fiantraikany eo amin'ny ankizilahitsika sy ankizivavintsika izany olana izany ary tsy dia resahintsika loatra izany.*



## 1 FIAROVANA: "TIAKO IANAO"

Alaivo sary an-tsaina ny ankizy iray tianao. Rehefa miteny amin'io ankizy io ianao hoe "Tiako ianao," dia inona no dikan'izany? Ny ao anatin'izany dia midika hoe manolotra fiarovana isika mba hahafahantsika manampy an'ireo izay tiantsika mba ho lasa izay tsara indrindra azon'izy ireo hahatongavana sy hiatrika ireo fanambin'ny fiainana. Anisan'ny mandrafitra ny fiarovana ny famoronana fifandraisana mafy orina, azo itokiana ary tsy miova. Izany karazana fifandraisana izany dia manampy amin'ny fanakaikezana ny ankizintsika. Rehefa manorina fifandraisana mafy orina mifono fifampitokiana isika ary miaro ny zanatsika sy ny zafikelitsika, na izay mety ho ankizy, dia manome azy ireo toerana azo antoka azon'izy ireo hanatonana isika. Izany fiarovana izany dia manampy azy ireo hahatakatra hoe iza izy ireo ary manampy azy ireo hahatakatra ny fifandraisan'izy ireo amin'Andriamanitra. Ny fahatsapana fananana lanja sy fitiavana dia manampy ny ankizy hahazo sary an-tsaina an'ilay Ray any An-danitra tia mikarakara izay manome torolalana mba hahazoan'izy ireo fifaliana ary manampy ny ankizy hiantehitra Aminy.

Miahiahy aho noho ny mety tsy fahatsapan'ny ray aman-dreny maro ny tena maha-zava-doza ny pôrnôgrafia na ny mety hieritreretan'izy ireo fa olan'ny hafa izany. Ny marina dia misy fiantraikany eo amin'ny ankizilahitsika sy ankizivavintsika izany olana izany ary tsy dia resahintsika loatra izany.

Taona maro lasa izay dia naheno tantara manan-danja iray izaho sy ny vadiko izay naverimberinay notantaraina tamin'ny zanakay. Izany tantara izany dia mikasika ny bibilava maneno efa antitra iray izay nangataka ankizilahy iray nandalo mba hitondra azy eny an-tampon'ny tendrombohitra mba hijery masoandro milentika farany mialoha ny hahafatesany. Nisalasala ilay ankizilahy saingy nampanantena ilay bibilava maneno fa tsy hanaikitra azy ho tambin'ny fitondrany azy. Rehefa avy nifanaiky dia nentin'ilay ankizilahy soa aman-tsara teny an-tampon'ilay tendrombohitra ilay bibilava ary niaraka nijery ny filentehan'ny masoandro izy ireo.

Rehefa avy nitondra an'ilay bibilava nidina teny amin'ny lohasaha izy dia nahandro sakafo ho azy ilay ankizilahy ary nanamboatra ny fandriana hatoriany. Ny ampitson'izany dia nanontany ilay bibilava hoe: "Ry zazalahikely a! Mba afaka hitondra ahy hody any an-tranoko ve ianao? Tonga izao ny fotoana handaozako an'ity izao tontolo izao ity ary te hiverina hody any amiko aho."

Nahatsapa ilay ankizilahikely fa tsy nisy loza nahazo azy ary nitazona ny teniny ilay bibilava ka nanapa-kevitra izy fa hanatitra ilay bibilava hody araka ny nangatahiny.

Noraisiny tamim-pitandremana tsara ilay bibilava, nofihininy teny an-tratrany ary nentiny niverina tany an-tany efitra izay toeram-ponenany mba ho faty any. Nialoha ny nampidinany an'ilay bibilava maneno dia nitodika ilay bibilava maneno ary nikaikitra ny tratrany. Nihiakiaka ilay ankizilahikely ary natsipiny teny amin'ny tany ilay bibilava. "Nahoana ianao no nanao an'izany Andriamatoa Bibilava? Tena ho faty aho izao!" Nitraka ilay bibilava sady nitsikitsiky ery nanao hoe: "Fantatrao aho hoe inona tamin'ny ianao nibata ahy."

Eto amin'izao tontolo izao amin'izao fotoana izao dia mahita ray aman-dreny maro aho izay manolotra bibilava ho an-janany. Ny finday smartphone no tiako horesahina. Isika dia tsy tokony hanome finday ahafahana mijery internet sy fitaovana hafa ho an'ny zanatsika mbola kely izay tsy mbola nahazo fampianarana ampy sy tsy mbola manana ny fomba fisainana ilaina sy ny fahaizana mandray fanapan-kevitra ary izay tsy eo ambany fifehezan'ny ray aman-dreny sy tsy voafehin'ny fitaovam-piarovana hafa mba hiarovana azy ireo. Hoy i Jason S. Carroll, prôfesora mikasika ny fiainam-pianakaviana ao amin'ny Oniversite Brigham Young University hoe: "Arovantsika ny zanatsika mandra-pahafahan'izy ireo miaro ny tenany." Ilay ampahany mandrafitra ny atidoha izay ahitana ilay faritra mirakitra ny fahazoana fahafinaretana, no mivelatra voalohany. Aty aoriana ny fahaizana misaina sy mandray fanapahan-kevitra ao amin'ny ampahan'ny atidoha eo amin'ny faritry ny handrina vao mivelatra tanteraka. "Noho izany dia efa ananan'ny ankizy ny fanitsahana hafainganampandeha fa tsy mbola ananany ilay fanitsahana hidinkodiarana."[1]

Tokony hisy fiarovana ny finday rehetra na dia ny an'ny zatovo aza. Torohevitra tsara koa izany ho an'ny olon-dehibe. Tsy misy voaro amin'ny kaikitry ny bibilava misy poizina izany. Ny ray aman-dreny sasany dia misafidy ny finday miforitra roa (téléphone à clapet) ho an'ny zanany mba hamerana ny fanaovana antso sy ny fandefasana hafatra.

Ankoatra ny finday smartphone dia tsy tambo isaina ireo fitaovana hafa izay ahafahana mahita fampahalalana tsy ilaina amin'ny alalan'ny internet. Nisy fanadihadiana vao haingana natao izay nampiseho fa ny 79 isan-jaton'ny fahitana tsy nahy pôrnôgrafia dia miseho any an-trano.[2] Mety hahita izany ao amin'ny tablette, ny finday smartphone, ny console de jeu, ny lecteur DVD portatif, ary ny téléviseur à puce ny ankizy raha tsy hitanisa afa-tsy ireo fotsiny aho. Mahafantatra fianakaviana aho izay namaritra faritra tokana handalovan'ny rehetra matetika ao an-tranony mba hampiasana ireo fitaovana elektrônika. Antsoin'ireo fianakaviana ireo hoe "efitranon'ny haino aman-jery" izany ary mipetraka hita maso eo amin'ny mazava ny fitaovan'izy ireo rehetra. Tsy misy velively izany hoe olona iray mijanona irery ao amin'ilay efitrano izany ka mikirakira fitaovam-pifandraisana.

Ny fianakaviana hafa dia nisafidy lalàna tahaka ny hoe tsy mahazo mampiasa telefaonina any amin'ny efitrano fandriana sy any amin'ny efitrano fidiovana sy fivoahana. Ny sasany miteny tsotra hoe: "Tsy mitoetra irery velively miaraka amin'ny finday." Ny sasany koa mampiditra tsikelikely applications azon'ny zanak'izy ireo ampiasaina miaraka amin'ny logiciel izay ahafahan'ny ray aman-dreny manova ny ao anatin'ny findain'ilay ankizy. Amin'izay fomba izay no ampianaran'izy ireo fa misy toetra mendrika takina vao misy ny fahatokiana ary zava-dehibe ny fiarovana ny finday.

Na inona na inona zavatra ilain'ny fianakaviantsika manokana dia aoka isika hampianatra ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana mba hampiasa ny teknôlôjia amim-pahendrena sy amin'ny fomba tsara dieny manomboka, mba hampivelarana toe-tsaina madio. Aoka isika hampianatra amin'ny fomba araka ny tokony ho izy ny ankizy mba hampiasa ny teknôlôjia amin'ny antony tsara. Afaka mampianatra azy ireo isika mba hanampiana azy ireo hanombantombana ny tenany amin'ny alalan'ny fanontaniana hoe: "Moa ve hitondra soa ny fampiasana an'ity?" Ireo fomba safidintsika mba hampianarana ny fianakaviantsika amin'izao fotoana izao dia hisy fiantraikany ho an'ny taranaka ho avy.

Amin'ny maha-ray aman-dreny dia manantena aho fa hodinihintsika tsara ny maha-zava-dehibe ny fifandraisantsika amin'ny zanatsika sy ny ezaka manokana ataontsika mba hiarovana azy ireo. Rehefa manamafy orina izany fifandraisana feno fitiavana izany isika dia ho takatry ny ankizy tsara kokoa ny antony hampitandreman'Andriamanitra mikasika ireo zavadratsin'ny pôrnôgrafia, ho fantatr'izy ireo ny fomba hisorohana izany ary ho voaomana izy raha sendra an'izany.

## 2 FANDRAISANA ANDRAIKITRA: "MBOLA TIAKO IANAO"

Tsy mora ny mamorona fifampiresahana mahafinaritra sy mahitsy ary mahasarika izay mamporisika ny ankizy mba hizara ny eritreriny sy ny zavatra niainany ary hametraka fanontaniana amin'ny ray aman-dreniny. Afaka manasa ny ankizy avy amin'ny sokajin-taona rehetra isika mba hiresaka amintsika raha toa na rehefa manana olana amin'ny pôrnôgrafia izy ireo na manao ahoana na manao ahoana ny halehibeny, manomboka any amin'ny fahitana aloha loatra sy tampoka an'izany, mankany amin'ny fijerena izany tsindraindray, mankany amin'ny fijerena lava izany, ary hatrany amin'ny fihoaram-pefy eo amin'ny fijerena izany. Tsara kokoa ny fifampiresahana mialoha ary hiresaka tsy am-pihambahambana kokoa ny ankizy rehefa fantatr'izy ireo fa tiana izy ireo ary tsy misy zavatra lazain'izy ireo na ataon'izy ireo afaka manova izany fitiavana izany.

Tena mahalana anefa ny ankizy vao manatona mba hiresaka. Miseho izany matetika rehefa manontany ankizy iray ny ray na reny mandinika iray hoe, "Misy olana angaha?" na "Toa hafahafa ianao izany." Arakaraka ny hahatsapan'ilay ankizy fitiavana kokoa no hahamora kokoa ny firesahany amin-kitsim-po.

Mitoetra ao an-tsain'izy ireo izany fahatokiana fa tiana izany amin'ny alalan'ireo zavatra kely iainana izay miverimberina miseho. Ireo olana kely



SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES; NAMPIASAINA MBA HANEHOAN-JAVATRA, ARY OLONA NINDRAMINA NO NALAINA SARY

resahina amim-pitiavana dia manorina fototra iray iorenan'ny fandraisana andraikitra araka ny tokony ho izy, ka rehefa misy olana lehibe mitranga dia mbola afaka mifampiresaka tsara ihany. Ny tena zava-dehibe dia ny fahafantaran'ny zanaka fa ny valinteninao dia hoe, "Mbola tiako ianao. Tsy hoe hitsahatra ny hitia anao aho satria nisy zavatra iray nitranga. Tiako foana ianao."

Noho ny antony tsy fantatra dia tsy dia miresaka loatra amin'ny zatovo sy ny ankizy mikasika ny iray amin'ireo filana tena lalina sy fakam-panahy faran'izay lehibe hatrehin'izy ireo isika. Ny fisalasalantsika dia manomana azy ireo amin'ny ankapobeny mba ho ampianarin'ny internet, na ankizy na zatovo hafa, na haino aman-jery malaza mihitsy aza. Ny sasany amintsika dia mety misalasala na ny hampiasa ny teny hoe *pôrnôgrafia* aza eo imason'ny ankizy noho ny fiezahantsika hiaro ny tsy fananan'izy ireo tsiny. Toa tena mahamenatra izany. Angamba tsy niresaka velively nivantana tamintsika momba izany ny ray aman-drenintsika. Ahoana raha lasa manosika azy ireo hikarokaroka ny fifampiresahantsika amin'izy ireo? Ahoana raha te hahafantatra misimisy kokoa izy ireo? Ahoana moa no ahafahantsika manantena ny zanatsika hiresaka momba ny pôrnôgrafia amintsika raha toa ka tsy miresaka velively momba izany amin'izy ireo isika?

Ry ray aman-dreny, isika no tsy maintsy manomboka ny fifampiresahana fa tsy miandry ny zanaka hanatona antsika. Tiako ilay torohevitra hoe manao fifampiresahana tsy tapaka sy matetika ary mampahazo aina fa tsy fifampiresahana atao indray mandeha fotsiny. Ny tombontsoa avy amin'ny fifampiresahana feno fitiavana dia ireo ray aman-dreny sy ireo mpitarika azo ianteherana no tompon'andraikitra fa tsy ny Google. Afaka mitranga any amin'ny toerana azo antoka ny fifampiresahana ary mampitombo ny fahatokian'ny zanaka ny fifampiresahana. Tiantsika ny zanaka mba hahatsapa fa vonona sy manana hery fa tsy hatahotra. Te hifampiresaka amin'izy ireo isika fa tsy hilaza zavatra amin'izy ireo fotsiny.

Amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpampianatra antsika dia tsy afaka manampy ny ankizy isika raha toa ka tsy ampy fahalalana. Tena ilaina ny mampianatra ny *atao hoe pôrnôgrafia* sy ny *antony tokony hisorahana izany*. Afaka mianatra ho an'ny tenantsika isika ary manampy ny zanatsika hahatakatra ny maha-ratsy ny pôrnôgrafia, ny maha-mampidi-doza izany, ny antony tsy hitiavantsika ny hanimban'izany azy ireo ary ny zavatra tokony hatao raha mahita izany izy ireo.

Moa ve isika manome *antony* ampy izay amin'ny fomba mifanaraka amin'ny sokajin-taona? Raha toa ka ny hoe "ratsy izany" no hany antony omentsika azy ireo mba hisorohana ny pôrnôgrafia dia mety ho lasa antony tsy ampy izany. Fa tsy maintsy maneho antony maro araka izay vitantsika isika mba hanorina fitsipi-pitondrantena tsy maintsy arahina izay manome faharisihana ny zatovontsika.

Misy antony maro hisorohana ny pôrnôgrafia saingy ireto misy hevitra vitsivitsy avy amin'ny fikambanana Fight the New Drug (Tolona amin'ilay Zava-mahadomelina Vaovao) izay mety hahaliana ireo tanorantsika:

- Ny pôrnôgrafia dia afaka manova ny fiasan'ny atidohanao ary ny fanadihadiana natao dia mampiseho fa afaka mampihena sy mampalaindaina ny atidohanao.
- Afaka mitondra any amin'ny fiankinan-doha ny pôrnôgrafia.
- Hanimba ny fanananao fahatokian-tena ny pôrnôgrafia.
- Afaka mamela anao ho manirery ny pôrnôgrafia.
- Afaka manimba ireo izay tianao ny pôrnôgrafia.
- Afaka manimba fanaovana firaisana ara-nofo mifanaraka amin'ny tokony ho izy ny pôrnôgrafia.
- Mifandray amin'ny herisetra ny pôrnôgrafia.
- Mahatonga ny olona ho tsy marin-toetra ny pôrnôgrafia amin'ny farany.
- Horobain'ny pôrnôgrafia ny fotoanareo sy ny herinareo.
- Mahatonga harerahan-tsaina amam-panahy, fitebitebena ary fahamenarana ny pôrnôgrafia.

Ampiako hoe ny pôrnôgrafia dia mifanohitra amin'ny didin'Andriamanitra. Eo anatrehan'ireo zavatra ireo sy ireo antony maro hafa dia manana porofo isika hanoherana ny pôrnôgrafia, saingy ny fahalalana tsy arahina asa dia mitondra any amin'ny fahasorenana. Tsy maintsy mametraka faritra tsy azo ihoarana sy fetra ary zavatra tiana ho tanteraka izay ara-drariny sy manampy isika. Ny fanampiana ny ankizy mba hananany antony manokana hanalavirana ny pôrnôgrafia dia tena ilaina. Raha toa ny ankizy iray ka tsy manapa-kevitra ho an'ny tenany manokana mikasika ny tokony hisy azy ireo eo anatrehan'izany olana izany dia ho lasa anisan'ny ao anatin'ilay antontan'isa mahazendana amin'izao fotoana izao izy.

## 3 FANASITRANANA: "HO TIAKO FOANA IANAO"

Rehefa mahita pôrnôgrafia ny ankizy ary voafandrik'izany dia sarotra ho azy ireo ny mandray andraikitra sy miarina ary mikatsaka fahasitranana. Ilaina ny fanohanana amin-kitsim-po, amim-pahavitrihana, tsy miova, mafy orina ary feno faharetana rehefa mandray andraikitra ny hahazoany fahasitranana ny ankizy ary manohy ny fiainany. Tsy misy olona afaka manolotra izany karazana fanohanana izany ankoatra ny ray na reny. Rehefa avy nampianatra tsara sy nampianatra manokana ny fahamarinana isika, ary rehefa avy nanorina tamim-pahatoniana fifampatokiana ary nanao izay hisian'ny fifampiresahana dia ilain'ny zanaka ny mahafantatra fa na dia eo aza ireo fahadisoana sy safidy ataon'izy ireo, ny fanomezan-toky ataontsika dia hoe: "Ho tiako foana ianao na inona na inona mitranga."

Tsaroako ny zavatra iray nitranga teo anivon'ny fianakavianay taona maro lasa izay. Tsy tao an-trano izahay mivady ka ny zanakay lahimatoa no niambina ireo ankizy hafa. Naharay antso avy tamin'ny mpifanolobodirindrina taminay izay feno ahiahy izahay, izay nampandre anay fa nisy fiaran'ny mpamonjy trano may teo an-tranonay. Niverina nody haingana izahay ary nahita fa ilay zanakay 10 taona dia nilalao tany amin'ny tokotany tao ambadiky ny trano izay teo akaikin'ny faritra misy bozaka maina avo mirefy 2,5 hekitara. Nandramany raha toa ka afaka mandrehitra afo amin'ny alalan'ny pitik'afo izy.

Nataony tokoa izany! Rehefa tonga teo izahay dia efa voavonon'ny

SOMBINY AVY TAMIN'NY *AVELAO NY ZAZA HANATONA AHY*, NATAON'I CARL HEINRICH BLOCH



Mitadiava loharano bebe kokoa en ligne ao amin'ny overcoming pornography.ChurchofJesusChrist.org.

sampan-draharaha misahana ny famonoana afo ilay afo kely. Nahazo lesona avy tamin'ilay mpamonjy trano may ny zanakay lahy ary nanomboka niparitaka ireo mpifanolobodirindrina taminay. Menatra sy natahotra ary nitomany ilay zanakay lahy ary nahafantatra fa tena ho bedy izy.

Niditra tao an-trano daholo izahay. Natahotra mafy ilay zanakay lahy ka na dia saika nampididoza aza ilay toe-javatra, ny azonay natao dia ny namihina an'ity zazalahy mahafatifaty ity ary nanome toky azy fa tianay izy ary faly izahay fa tsy naninona izy.

Rehefa mahita pôrnôgrafia ny ankizy ary indrindra rehefa voasambotra ao anatin'ny tranonkalany dia ho menatra sy hatahotra ary hitomany koa izy ireo. Sarotra ny mitondra zavatra iray avy tao anatin'ny haizina ary mamoaka izany eo amin'ny mazava. Mahamenatra sy mampaharefo izany. Mety hiatrika tsy fahombiazana sy olana izy ireo eny an-dalampiarenana sy eny an-dalam-pahasitranana. Tena lehibe ny filany fitiavana tsy tapaka. Na izany aza, dia tokony ho fantatry ny ray aman-dreny fa hanampy ny fitiavan'izy ireo, saingy tsy ampy izany.

Ao anatin'ny fanasitranana dia hilainao ny mampiasa ny sasany amin'izany fitiavanao ny zanakao izany mba hitadiavana ireo loharano tena afaka manampy. Ny fitiavanao no fototry ny zavatra tokony hiseho, saingy rehefa voafandrika ilay olona tianao dia tena hilainao ny mitady olona matihanina izay afaka manampy ilay olona tianao sy manampy anao koa.

Rehefa mitady fahasitranana ianao sy ilay olona tianao dia manantena aho fa ianao dia hahita hery ao amin'Ilay Iray izay manana ny hery hanasitranana ny fery rehetra, sy hampifamatorana ny olona rehetra ary hanorenana fifandraisana izay tena mihoatra ny fahatakarantsika amin'izao fotoana izao. Ny Mpamonjy antsika, ilay Mpanasitrana feno fitiavana dia manana ny hery hamonjena. Afaka ny ho ray amandrenin'ireo zanatsika isika ary manampy azy ireo hanatona Azy, saingy Izy irery ihany no afaka ny ho Mpamonjiny. Ary ny zavatra mahavariana dia tia ny zanatsika amin'ny fomba tonga lafatra kokoa noho ny asehontsika amin'izy ireo aza Izy, na inona na inona mitranga. ■

*Avy amin'ny lahateny iray nibahana nandritra ny fivoriana iraisan-tetika hanoherana ny pôrnôgrafia ao Utah taona 2018 izay notanterahina tao Salt Lake City, Utah.*

**FANAMARIHANA**

1. Jason S. Carroll, in Lisa Ann Thomson, "Eight Strategies to Help Children Reject Pornography," *Liahona,* Aug. 2017, 19.
2. "The Facts about Online Threats,"*Parents Television Council Watchdog* (blog), June 21, 2017, w2.parentstv.org/blog.

# Ho an'ny tanora

## Ato amin'ity fizarana ity

44 **Ny fampiarahana sy ny pôrnôgrafia**
Nosoratan'ny mpiara-miasa mpikarakara ny *Liahona* sy ny Sampan-draharaha misahana ny fianakaviana

## Amin'ny endrika nomerika ihany

**Ny fomba nahafantarako ny fihetsika tokony hasehoko rehefa miaiky ny olona iray fa manana olana amin'ny pôrnôgrafia**

Tsy nambara ny anarana, Utah, Etazonia

**Nandroso hatrany rehefa avy nahafantatra fa tafalatsaka ao anatin'ny pôrnôgrafia ny fofombadiko**

Tsy nambara ny anarana, Polynésie Française

**Nitolona aho mba handresena ny pôrnôgrafia. Ahoana no tsy hahavitany izany?**

Tsy nambara ny anarana, Guatemala

Jereo ireo lahatsoratra ireo sy ny hafa koa:

- Ao amin'ny **liahona.ChurchofJesusChrist.org**
- Ao amin'ny **Ho an'ny tanora isan-kerinandro** (ao amin'ny fizarana "Tanora na manambady na tsia" ao amin'ny Bibliothèque de l'Évangile)
- Ao amin'ny **facebook.com/liahona**

## Zarao ny tantaranao

Manana tantara hozaraina ve ianao? Na te hahita lahatsoratra momba ana lohahevitra sasantsasany ve ianao? Azonao alefa ao amin'ny **liahona.ChurchofJesusChrist.org** ny lahatsoratrao na ny fanamarihanao.

## Mitady an'i Kristy fa tsy ny voka-dratsy ateraky ny pôrnôgrafia

Eo am-panaovana drafitra hanoratra lahatsoratra ho an'ny tanora, dia mandany fotoana maro izahay mieritreritra ireo olana atrehan'izy ireo amin'izao fotoana izao. Maro tokoa izy ireo. Saingy rehefa nifanakalo hevitra izahay ny amin'ity volana ity, dia voatarika ho amin'ny lohahevitra iray izay efa nahakasika anay manokana, sy ireo namanay, ary ireo olona hafa tsy tambo isaina: ny fampiarahana sy ny pôrnôgrafia. Fantatray fa ny fanomanana io fizarana io dia ho sarotra tokoa. Sady ny pôrnôgrafia koa dia misy fiantraikany eo amin'ny olona maro amin'ny fomba mandratra fo, ary indraindray manimba ny fiainan'ny olona. Ary ho an'ny tanora tokan-tena dia mahatonga ny hoavy ho toy ny tsy azo antoka mihoatra izay efa iainana amin'izao fotoana izao izany, indrindra fa amin'ny fiomanana ho amin'ny fanambadiana.

Tena nahita marina ny tanan'ny Ray any An-danitra nitarika ny asanay izahay rehefa nanomboka naharay tantara avy amin'ireo tanora izay voakasiky ny pôrnôgrafia ny fiarahan'izy ireo. Ary hitanay fa tsy kely fotsiny ny fanantenana amin'ny hisian'ny fanambadiana sambatra sy tsy ahitana fiankinan-doha fa mihoatra lavitra izany. Nahoana? Satria ny tantara tsirairay dia mijoro ho vavolombelona ny amin'ny hery manasitran'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany izay manova fiainana sy mitondra fanantenana.

Koa raha ao anatin'ny fiarahana izay voakasiky ny pôrnôgrafia ianao, dia manasa anao izahay hamaky ny fizarana ato amin'ity laharana ho an'ity volana ity, izay ahitana lahatsoratra nozarain'ireo olon-kafa izay mahafantatra tsara fa tena misy ny ady atao amin'ny pôrnôgrafia, ary tamin'ny fomba mazava no nizarany izany. Ireo lahatsoratra ireo dia miresaka lohahevitra toy ny fomba hanombohana fifanakalozan-kevitra momba ny pôrnôgrafia rehefa mampiaraka ianao sy ny fomba hoentina miady amin'izany (pejy 44), ny fihetsika tokony haseho rehefa misy olona mitsotra fa manana olana amin'ny pôrnôgrafia izy (amin'ny endriny nomerika ihany), ny fomba ahafahan'ny famelan-keloka sy ny fahasitranana mitranga eo amin'ireo olon-droa (amin'ny endriny nomerika ihany), ary ny fomba ahafahan'ny Fanahy mitarika anao hahafantatra ny fomba hanohizana mandroso ao anatin'ny fiarahanao amin'ny olon-tianao (amin'ny endriny nomerika ihany).

Fantatray fa raha miantehitra amin'ny Mpamonjy ianao ary manasa ny Fanahy ho eo amin'ny fiainanao eo am-pikatsahanao valinteny, dia hitarika anao ho any amin'ny lalana tokony halehanao ao anatin'ny toe-javatra iainanao manokana ny Ray any An-danitra. Ny voka-dratsy ateraky ny pôrnôgrafia dia mety goavana eto amin'izao tontolo izao, saingy ny fahazavan'ny fanasitranan'ny Mpamonjy dia matanjaka noho izay mety ho haizina. Ny hany ilaintsika atao dia ny mikatsaka Azy.

Amim-panajana,
Chakell Wardleigh sy Mindy Selu
Mpanonta ny fizarana ho an'ny tanora ao amin'ny gazetibokin'ny Fiangonana

Vakio ny torohevitra avy amin'ny Filoha M. Russell Ballard mahakasika ny zavatra tokony hatao rehefa voakasiky ny pôrnôgrafia ny fifandraisanao amin'ny olona iarahanao ao amin'ny lahatsoratra nosoratany ao amin'ny endriny nômerika ao amin'ny *Liahona* amin'ity volana ity.



SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES, NAMPIASAINA MBA HANEHOAN-JAVATRA, ARY OLONA NINDRAMINA NO NALAINA SARY



# Ny fampiarahana sy ny pôrnôgrafia

**Nosoratan'ny mpiara-miasa mpikarakara ny *Liahona* sy ny Sampan-draharaha misahana ny fianakaviana.**

Amin'ny maha-tanora dia fantatsika rehetra fa mety sady hahafinaritra, no hampatahotra, no hitondra fahafaham-po no hampikorontan-tsaina ny mampiaraka. Rehefa manomboka mifamboraka zavatra isika dia mazava ho azy fa maniry ho azy ny hifankafantatra bebe kokoa, ary ny fampitomboana ny fanehoana ny ao anaty rehetra dia manan-danja amin'ny fanorenana sy ny fanamafisana ny fifandraisana. Inona ny nofinofintsika, ny zavatra mampatahotra antsika sy inoantsika? Inona no zavatra tsapantsika momba ny fanambadiana sy ny fianakaviana? Inona avy ireo olantsika taloha na amin'izao fotoana izao izay tokony hifampizarantsika?

Na dia mety mampatahotra aza ny firesahana (na fanontaniana) mikasika ireo olana mahakasika ny pôrnôgrafia, ny *tsy* firesahana momba izany dia mety hiteraka olana goavana any aoriana. Ny olan'ny olona tsirairay amin'ny pôrnôgrafia dia tsy mitovy ary sarotra, ary mety tsy ho fantatry ny olona iray akory aza raha toa izany ka olana na tsy fantany akory ny fomba hiresahana izany amin'ilay olona iarahany, ka noho izany dia zava-dehibe ny hikatsahany fitarihana avy amin'ny Fanahy. Tsy misy vahaolana tokana ho an'ny toe-javatra miseho rehetra, fa ato amin'ity lahatsoratra ity izahay dia manolotra sosokevitra ho an'ireo izay mety manontany hoe:

- Ahoana no fomba hiresahako ny lohahevitra mikasika ny pôrnôgrafia amin'ilay olona iarahako? Ary inona no fotoana tsara hametrahana fanontaniana na hitantarana?
- Ahoana no hahafantarako raha tokony handroso hatrany aho ao anatin'ny fiarahako amin'ny olona iray izay efa tafaroboka tao anatin'ny fijerena pôrnôgrafia?
- Ahoana no ahafahanay miara-miasa mba handresy ny pôrnôgrafia?

Fanampiana sy fanantenana eo amin'ny fiatrehana ny pornôgrafia ao anatin'ny fampiaraha-n'olon-droa.

Fanamarihana avy amin'ny mpandahatra an-tsoratra: Satria tsy mitovy ny dikan'ny hoe "mampiaraka" any amin'ny kolontsaina samihafa, ho an'ity lahatsoratra ity dia ilay hoe mampiaraka mifanaraka amin'ireo fitsipiky ny filazantsara no tianay holazaina, mba hahafahana mahafantatra olona sy miezaka mifandray akaiky amin'izy ireo, ary izany fifandraisana izany dia mety hitondra any amin'ny fanambadiana.

SARY SY SARY FAMANTARANA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES IZAY NAMPIASAINA MBA HANEHOAN-JAVATRA, ARY OLONA NINDRAMINA NO NALAINA SARY

## Ho an'ireo izay efa nanana olana na manana olana


Raha efa nanana olana tamin'ny pôrnôgrafia ianao taloha na manana olana amin'izany amin'izao fotoana izao, ny fieritreretana hoe hampiaraka dia mety hitondra fahatsapana hakiviana na tebiteby. Saingy raha toa ka manana faniriana amin-kitsim-po mba hanaisotra ny pôrnôgrafia eo amin'ny fiainanao ianao (na efa nanaisotra izany ianao), dia fantaro fa miaraka amin'ny ezaka ataonao manokana sy ny fanampiana avy amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy dia afaka miaina fiarahana amin'olona izay madio sy maharitra ianao. Eritrereto ireto fanontaniana manaraka ireto rehefa miaraka amin'olona ianao.

### 1. Tena mila miresaka izany tokoa ve isika?

Ny fanontaniana be mpametraka dia hoe: "Moa ve aho tena mila miresaka mikasika ny tantarako momba ny fijereko pôrnôgrafia amin'ny olona izay iarahako na dia efa nibebaka ny amin'izany aza aho?" Na "Moa ve aho mila miresaka amin'ny olona izay iarahako mikasika ny olana ananako momba ny pôrnôgrafia amin'izao fotoana izao?" Amin'ny ankapobeny dia *tena* ilaina resahina izany—amin'ny fotoana mety amin'izany sy amim-pitandremana tsara. Rehefa manao io fifampiresahana io ianareo dia tadidio ireto fitsipika manan-danja vitsivitsy ireto:

- Ny fotoana hanaovana azy: Ilay fifampiresahana dia tokony hatao rehefa mihamatotra kokoa ilay fiarahana ary mazava ho azy fa efa takina ao anatin'izany ilay izy.
- Ny fahamarinan-toetra: Tokony hifototra amin'ny fifampitokiana sy ny fahamarinan-toetra ny fiarahana. Na mety hisafidy ny hamarana ilay fiarahana aza ny olona iarahanao dia mila takatr'izy ireo hoe toy ny ahoana ilay olana, sy ny fivoaranao eo am-panoheranao izany, ary ny drafitra novolavolainao mba hiadiana amin'izany raha miverina indray ilay izy any aoriana any.
- Ny famelan-keloka: Ny filazanao amin-kitsimpo ny fijerenao pôrnôgrafia amin'ny olona iarahanao dia tsy midika hoe mila milaza amin'ny antsipiriany ny zava-nitranga tao anatin'izany ianao rehefa miresaka ilay izy. Raha efa nibebaka ianao ary mahatsapa ho efa voavela heloka, dia tsy tokony hahatsapa ho meloka ny amin'izany intsony. Ny Tompo dia tsy mahatsiaro ny fahotantsika raha efa nibebahantsika izany (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42), ka noho izany ilay fifampiresahanao amin'ny olona iarahanao dia tsy dia hoe "fibabohana" loatra fa mahakasika ny fanorenana fifampitokiana bebe kokoa kosa, hizarana ny drafitrao mba hisian'ny fitohizan'ny fahasitranana sy ny fahazoanao ny fanohanan'izy ireo.
- Ny fahasitranana: Na dia efa nibebaka aza ianao, ny fijerena ao anatin'ny fotoana maharitra na ny fijerena betsaka ny pôrnôgrafia dia afaka ny hanana fiantraikany maharitra eo amin'ny lafiny ara-batana sy ara-tsaina ary ara-piarahamonina. Mety ho asa mafy ny dingan'ny fahasitranana ary mety haharitra ela, kanefa mety tena hisy tokoa ny fahasitranana feno sy ny fahasitranana marina. Ao anatin'izany dingana izany dia hila fanampiana sy fanohanana mifanaraka tsara amin'izany ianao, ary tokony ho tafiditra ao anatin'izany ilay mety ho lasa vadinao.

### 2. Vonona hiroso amin'ny fiarahana matotra ve aho?



Anisan'ireo fahasamihafana tena lehibe indrindra eo amin'ny olona izay vonona ny hiroso amin'ny fiarahana matotra sy ny olona izay tsy vonona amin'izany ny fahavononan'izy ireo ho marin-toetra tanteraka amin'ny olona izay iarahany. Raha manana olana amin'ny pôrnôgrafia ianao dia misafidy, na hamela ny tahotrao hampisy tsy fifampitokiana ao anatin'ny fiarahanao amin'ny olona iray, na hampiasa finoana mba hiarahana miatrika ireo fanamby.

Na dia tsy hahazoana aina sy mampatahotra aza ny mizara ny tantaranao tamin'ny fijerena pôrnôgrafia dia tsy hanao afa-tsy ny hampitombo ny fahatsapanao tahotra sy henatra ny tsy fizarana izany. Ny fahatahoranao sao



hisarahan'izany olona izany dia vao mainka mety hahatonga anao handà na tsy hiezaka hitantara ilay izy manontolo, ka mety hanimba ny fifampitokiana ary hanimba ny fiarahanareo any aoriana any.

Mifanohitra amin'izay, rehefa manaja ny fahafahana misafidy an'ilay olona iarahanao ianao dia hanaja ny safidin'izy ireo mba hijanona ao anatin'ilay fiarahana ao anatin'ny fahalalana *ny zavatra tsara sy ny zavatra ratsy*. Mety mbola hatahotra ny vokatr'izany ihany anefa ianao, saingy zava-dehibe ny miaiky fa eo anatrehan'ireo fampahalalana rehetra, dia afaka ny hanampy anao ihany koa ilay olona amin'ny ezaka ataonao sy ny fanirianao hanaisotra ny pôrnôgrafia eo amin'ny fiainanao. Saingy na mety ilay fiarahana na tsia, dia afaka manohy mandeha amin'ny lalan'ny fahasitranana ianao miaraka amin'ny fanampian' Andriamanitra.

## Ireo izay miaraka amin'olona efa nanana olana

Satria ny sokajin-taona amin'ny ankapobeny ahitana voalohany pôrnôgrafia dia eo amin'ny manodidina ny 11 taona eo ary tena mora ny mahita izany, dia ny ankamaroan'ny tanora no efa nahita pôrnôgrafia tamin'ny fomba samihafa eo amin'ny faha-18 taona eo. Mampiahiahy izany raha mahakasika ny fampiarahana. Saingy ny mahita dia tsy mitovy amin'ny hoe miankin-doha, ary misy ambaratonga samihafa ny fandraisana anjara amin'ny fijerena pôrnôgrafia (jereo ny Dallin H. Oaks, "Afaka amin'ny fandriky ny pôrnôgrafia," *Liahona,* ôkt. 2015, 50–55). Ny vaovao mahafaly anefa dia afaka manome hery sy fahasitranana ho an'ny rehetra izay mikatsaka izany ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ireto misy fanontaniana vitsivitsy azo eritreretina rehefa miha-mivoatra ny fiarahanareo.

### 1. Rahoviana aho no tokony hanontany mikasika ny pôrnôgrafia ary ahoana no fomba tokony hanaovako izany?

Ny fanapahana hevitra ny amin'ny fotoana sy ny fomba hiresahana izany amin'ilay olona iarahanao dia mety tokony horesahina amin'ny ray aman-dreninao na ireo zokinao na ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana na izay olona atokisanao fa afaka manome torohevitra tsara. Mitadiava fomba izay tsapanao fa mety ary avy eo dia ataovy amin'ny fotoana mahamety azy izany fifampiresahana izany, rehefa tsy mieritreritra olon-kafa intsony ianareo na lasa mihamatotra kokoa amin'ny fampiarahanareo.

Izany akory tsy midika hoe mila manomboka ny fampiarahana voalohany rehetra amin'ny fametrahana fanontaniana momba ny lasan'izy ireo ianao, fa rehefa mivoatra ny fiarahanareo dia afaka mikatsaka ny fitaoman'ny Fanahy ianao mba hanampy anao hahafantatra ny fomba hametrahana fanontaniana mikasika ny tantaran'izy ireo mahakasika ny pôrnôgrafia sy ny fotoana hametrahana izany.

### 2. Ahoana no fomba tokony hamaliako?

Rehefa manomboka mizara ireo zavatra tena tsapa ianao sy ilay olona iarahanao dia afaka mitondra fahasitranana izany. Zava-dehibe ny mahafantatra ny eritreritrao sy ny fahatsapanao manokana rehefa nisy ny famborahana ny fampiasana ny pôrnôgrafia. Mety hahatonga anao ho lasa mpitsikera, na tezitra, na tsy hahahetsika, na hahatsapa ho voafitaka izany. Saingy miaraka amin'izay, ny famborahan'izy ireo izany koa dia afaka mampitombo ny fahatokiana, ny fangorahana sy ny fitiavana ary ny fifandraisam-po eo aminareo. Diniho ny zavatra tsapan'izy ireo sy tsapanao rehefa mamaly ianao.



## 3. Ahoana no fomba handrosoako?

Ny fahafantarana fa manana olana amin'ny pôrnôgrafia ilay olona iarahanao dia tokony ho zavatra mampanahy anao, saingy aza mivadi-pitokiana amin'izy ireo amin'ny alalan'ny fizarana ny olany manokana amin'ny olona hafa. Ny firesahana manokana amin'ny eveka na mpitsabo iray, na ny firesahana amin'ny namana iray na mpitarika iray azo itokiana, raha nahazo lalana avy amin'ilay olona iarahanao dia tena hanampy ihany koa.

Rehefa manapa-kevitra raha toa ka hanohy na tsia ilay fiarahana ianao dia tokony hikatsaka mandrakariva fitarihana avy amin'ny Fanahy. Fa mety hanampy ihany koa ireto sosokevitra manaraka ireto:

- Anontanio azy ireo hoe hatraiza ny fiantraikan'ny pôrnôgrafia teo amin'ny fiainan'izy ireo ary aiza ho aiza izy ireo eo amin'ny dingan'ny fahasitranana. Tokony hoe efa nampiseho ny faniriany hamongotra ny pôrnôgrafia eo amin'ny fiainany izy ireo amin'ny alalan'ny fanatanterahana izay dingana ilainy atao.
- Aoka ho fantatrao fa ny endrika sasantsasan'ny fampiasana pôrnôgrafia (ohatra, ny pôrnôgrafian'ny ankizy) dia maripamantarana lehibe iray fa mila fanampiana avy amin'ny matihanina ilay olona ary mety tandindomin-doza.
- Fantaro fa tena misy ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Afaka mamela heloka ianao ary afaka ny ho sitrana izy ireo.
- Manapaha hevitra fa tsy hanaiky zavatra izay latsaka ambanin'ny fahitsim-po aman-tsaina tanteraka ianareo ao anatin'ny fiarahanareo sy ny fahamendrehana hanambady any amin'ny tempoly.
- Manana fahatakarana fa mila fotoana ny fahasitranana. Mety hisy ny fiverenana amin'izany indray, ary ireo izay miezaka ny ho sitrana dia hila fanampiana. Tafiditra ao anatin'izany ny fahalalana ny fihetsehen'izany (ireo zavatra izay mety mahatonga azy ireo hitodika any amin'ny pôrnôgrafia) ary ny fanohanana na fanampiana eo amin'ny fametrahana fomba fiarovana araka ny tokony ho izy.
- Raha mivoatra mankany amin'ny fanambadiana ny fiarahanareo dia makà antoka fa ianareo roa dia mitovy hevitra fa tsy azo ekena ny pôrnôgrafia ary tsy maneho ilay firaisana ara-nofo madio ao anatin'ny fanambadiana izany.


Ny ampahany manan-danja indrindra amin'ny fandrosoana dia miankina amin'izay mety hobitsihin'ny Fanahy Masina mba hataonao, izay mety ho zavatra miainga amin'ny hoe manohy ilay fiarahana miaraka amin'ny fahatakarana fa tsy maintsy hatsahatra ilay fijerena pôrnôgrafia, ary mety hiafara amin'ny fampitsaharana ilay fiarahana fa manohy manohana kosa ny ezaka ataon'izy ireo mba hiova. Na inona na inona fanapahan-kevitrao dia tokony hahatakatra ilay olona miaraka aminao fa mety hiova ny toejavatra, izay miankina amin'ny fivoaran'izy ireo na ny tsy fisian'ny fivoarany eo amin'ny fandresena ny pôrnôgrafia.


## Miara-miasa mba handresy ny pôrnôgrafia

Mety hila fotoana maharitra sy asa mafy ny fandresena ny pôrnôgrafia, saingy azo tanterahina izany. Ary amin'ny farany, ny fiarahana mandresy izany dia afaka manamafy orina ny fiarahanareo rehefa samy mahazo fahatakarana lalina ny amin'ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy ianareo roa ary mianatra mifanohana ao anatin'ny zava-tsarotra. Diniho ireto manaraka ireto rehefa miara-miasa mba handresy izany ianareo:

- Ilay pejy ao amin'ny tranonkalan'ny Fiangonana **overcomingpornography.ChurchofJesusChrist.org** dia manolotra loharano maro (anisan'izany ny fampahalalana ao amin'ny fandaharan'asa fanasitranana amin'ny fiankinan-doha ataon'ny Fiangonana) izay afaka manampy anareo roa hamakivaky io dingan'ny fahasitranana io.
- Hevero ny hananana toerana sy fotoana manokana hiresahana momba ny pôrnôgrafia mba tsy hahatonga izany ho zavatra hifantohana ao anatin'ny fiarahanareo. Rehefa miresaka momba izany ianareo dia aza manakina be loatra na manivaiva. Ny fiarahanareo dia tokony ho toerana azo antoka hahafahanareo roa mahatsapa ho tiana sy mahazo fanohanana, fa tsy mahatsapa ho voahadihady sy ambanimbaniana.
- Ireo zavatra atao ara-panahy dia afaka manolotra fiarovana amin'ny fakam-panahy. Mifankahereza mba hihazonana sy hanamafisana orina ireo fahazarana ara-panahy atao tsy tapaka—anisan'izany ny fandalinana ny soratra masina manan-danja sy ny fitsaohana any amin'ny Tempoly (rehefa afaka manao izany), ny fanajana ny andro Sabata, ny fifanompoana, ny fifadian-kanina tsy tapaka, ary ny vavaka atao amin-kitsimpo—miaraka amin'ny faniriana bebe kokoa hanamafy orina ny fifandraisanareo amin'ny Mpamonjy sy ny Ray any An-danitra. Izany fifandraisana izany dia afaka manampy amin'ny fampihenana ny fanjakazakan'ny pôrnôgrafia eo amin'ny fiainanareo. Zavatra katsahina mandritra ny fiainana ny maha-mpianatra, ary ny hery azontsika amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy antsika dia hanampy antsika handresy ny olantsika rehetra eo amin'ny fiainantsika, fa tsy ny pôrnôgrafia fotsiny ihany.
- Raha tsy mahomby ny ezaka ataonao, dia aza matahotra na menatra ny hitady fanampiana avy amin'ny matihanina nanao fiofanana manokana momba ny fahasalamana ara-tsaina eo amin'ny sehatry ny fiankinan-doha amin'ny zavatra mahakasika ny firaisana ara-nofo. Mety ho afaka ny hanampy anao izy ireo mba hahazo hevitra bebe kokoa eo amin'ny fiadiana amin'ny pôrnôgrafia sy eo amin'ny famahana ireo antony mahatonga azy.
- Tadidio fa isika dia voahodidin'ny haino amanjery ratsy izay maka fanahy antsika mba hanota. Raha toa ka miverina amin'ny fanaony taloha ilay olona miaraka aminao, ny hafainganan'ny fiverenan'izy ireo eo amin'ny lalana tokony ho izy dia mari-pamantarana tsara ny fanolorantenany mba hamongotra ny pôrnôgrafia eo amin'ny fiainan'izy ireo. Saingy rehefa manomboka mahatsapa ianao fa toa ianao indray no marisika bebe kokoa noho izy ireo amin'ny hisian'ny fiovana, dia tokony handinika ianao fa tokony hamarana ny fiarahanareo.
- Mety hahery vaika ny hery mitarika entinao eo amin'ilay olona iarahanao saingy tsy tokony ho izany no antony voalohan'ny fiovana eo amin'ny fitondrantenan'izy ireo. Ny fanirian'izy ireo hiova dia tokony ho avy ao anaty fa tsy avy aminao.

Ankoatra izany dia mikatsaha fitarihana avy amin'ny Ray any An-danitra ary tsarovy fa misy foana ny fanantenana amin'ny alalan'ny Mpamonjy. Ampy ny fahasoavany mba hanasitranana sy hanovana antsika. Eo ny Sorompanavotany ho anareo roa mba hanome hery anareo sy hanampy anareo sy hanampy anareo hamela heloka. Na izany aza, dia mila mikatsaka amim-pahavitrihana ny fanampian'ny Mpamonjy ny olona iray manana olana amin'ny pôrnôgrafia mba handresena izany. Tsy misy olonkafa afaka manao izany eo amin'ny toeran'izy ireo. Manàna finoana ary matokia ny Ray any An-danitra. Hitarika anao izy ao anatin'ilay toe-javatra iainanao manokana. ■





# Lafo vidy ny finday ao Chili,

saingy nametraka tanjona aho tamin'ny 2016 ny hikarama mba hitady vola ampy hividianana iray. Nandritra ny herintaona maninjitra dia nividy vatomamy sy *alfajores** ambongadiny aho ary nivarotra izany tamin'ireo namako tany an-tsekoly. Nangoniko avokoa izay vola rehetra azoko. Tsy nandeha nisakafo antoandro aho, ary tsy nandeha nijery horonan-tsary.

Tsy te hangataka an'ireo ray aman-dreniko mba hividy telefaonina ho ahy aho. Tiako ny mba ho afaka hiteny hoe avy amin'ny herim-poko no nahazoako izany. Namporisika ahy ny raiko. "Tohizo ry Carol a!", hoy izy tamin'izany.

Nianatra zavatra maro aho. Tsy misy zavatra azo maimaim-poana izany. Mila ezaka ny tanjona apetraka, saingy tsy tokony hilavo lefona mihitsy isika. Rehefa mahazo zavatra isika ary mahatsapa ny halehiben'ny asa nilaina natao mba hahazoana izany, dia manandanja misimisy kokoa amintsika izany.

Nianatra aho fa tsy maintsy manapa-kevitra ny amin'ny zavatra tiako hotontosaina aho sy ny toerana tiako haleha. Raha te hanambady any amin'ny tempoly aho dia mila mandeha mivavaka sy mianatra seminera ary aty aoriana dia mamonjy institiota sy ireo fiarahamientan'ny tanora tokan-tena. Ary mila mampiaraka amin'ireo zatovolahy mendrika aho. Ny fanatratrarana tanjona dia mitaky fahafoizan-tena amin'izao fotoana izao mba hahazoana zavatra tsaratsara kokoa any aoriana.

**Carol,** 15 taona, Chili


* Biscuit nentim-paharazana avy ao Amerika Atsimo



SARY NALAIN'I LESLIE NILSSON

# ZATOVO

## ATO AMIN'ITY FIZARANA ITY





52 **Niainga avy amin'ny fampijaliana ka niafara tamin'ny fahavitan'ny batisa**
Nosoratan'ny Loholona Hugo Montoya

54 **Anjara masina**
Nosoratan'i Emma C.

56 **Namana nizara ny hazavany tamiko**
Nosoratan'i Mariana M. Lara

58 **Tsy matahotra ny hizara ny fahamarinana**
Nosoratan'i Michael R. Morris

62 **Fanontaniana & Valiny**

64 **Ny teny farany: Ny Vato Fehizoro Indrindra ho an'ny finoantsika**
Nosoratan'ny Filoha Gordon B. Hinckley

Fony aho 17 taona dia nisedra tsindry mavesatra avy amin'ireo namako tao amin'ny lisea nisy ahy aho. Ireo namako dia tsy niaina fitsipika tahaka izay niainako. Niaranandray anjara tamin'ny fiarahamientana tsara maro izaho sy ireo namako, toy ny filalaovana basket na baolina kitra. Saingy nisotro toaka sy nifoka sigara ihany koa izy ireo, izay zavatra anankiroa tsy niarahako nanao tamin'izy ireo.

Indray andro izay dia niaraka tany ivelan'ny sekolinay izahay nianatra lesona hanomanana fitsapampahaizana iray izay hataonay afaka fotoana vitsy tamin'izay andro izay. Niaraka tamiko tamin'izay ny roa tamin'ireo namako akaiky ahy indrindra, dia i Juan sy i Francisco (novaina ireo anarana). Nisy fotoana namoahan'ny olona iray briquet sy sigara. Nataoko fa hoe reraka tamin'ilay fianaran-desona ireo namako ka dia adinon'izy ireo fa teo aho. Fantatro hoe hay aho diso hevitra rehefa nitodika tany amiko izy ireo ka niteny hoe: "Tonga izao ny fotoana hianaran'i Hugo mifoka sigara."



# *NIAINGA AVY AMIN'NY* FAMPIJALIANA KA NIAFARA TAMIN'NY FAHAVITAN'NY BATISA

SARY NATAON'I BROOKE SMART



**Nosoratan'ny Loholona Hugo Montoya**
Ao amin'ny Fitopololahy

Tsy nahavita namaly akory aho dia nanatona ahy i Juan sy i Francisco ka nitazona ahy tamin'ny sandriko avy. Notsindrin'izy ireo hidina ambany ny tanako sady nisy olona iray nampiditra an-keriny sigara teo anelanelan'ny molotro. Nandà izany avy hatrany ny vatako, ka dia naloako teo amin'ny tany hanalavitra ahy ilay sigara. Fotoana fohy taorian'izay dia nahatsapa totohondry nipetaka teo amin'ny takolako aho. Nampitahotra ahy izy ireo dia niteny hoe: "Handrehitra ilay sigara indray izahay izao, dia hianatra hisintona ilay setroka ianao. Aza ariana amin'ny tany ilay izy. Raha manary an'ilay izy amin'ny tany ianao,
dia ho ratsy ny zavatra hahazo anao."

Tamin'izay fotoana izay dia fantatro fa nidiran-doza aho. Nakimpiko ny masoko dia nanao vavaka fohy aho nangataka fanampiana. Raha vantany vao vitako ny vavako dia tonga ny fiaran'ny mpampianatray ary nijanona teo akaikinay. Nivoaka ny fiara ny mpampianatray ary nanontany anay hoe inona no nataonay teo. Navotsotr'ireo namako aho. "Miomana ho amin'ilay fitsapam-pahaizana izahay," hoy izy ireo mba hanomezana toky ilay mpampianatra. Niditra tao amin'ilay sekoly izahay dia nanao ilay fitsapam-pahaizana, dia tapitra teo ilay toe-javatra niainako.

Na dia sarotra tokoa aza izany zavatra niainako izany, dia namela ireo namako tamin'ny zavatra nataony aho. Fantatro fa tsy nahatakatra ny fenitra ara-pitondrantena narahako sy ny fanapahako hevitra hanaja ny Tenin'ny Fahendrena izy ireo, ka dia namela azy ireo aho ary nisafidy ny tsy hitana lolom-po tamin'izy ireo. Rehefa vita ny fianaranay dia nandeha nanao asa fitoriana aho, kanefa mbola nanohy nifandray tamin'i Juan sy i Francisco. Nanoratra taratasy ho azy ireo matetitetika aho izay nizarako tamin'izy ireo ny filazantsara sy ny fijoroana ho vavolombelona nananako momba an'i Jesoa Kristy. Nanasa azy ireo hibebaka sy handeha hivavaka aho. Tsy nampoiziko mihitsy fa nandeha nivavaka marina ny iray tamin'izy ireo.

Matetika aho no nanasa ireo namako hanatrika ireo fivoriana isaky ny alahady, saingy tsy nisy nanaiky izany raha tsy tamin'izao. Na dia tsy afaka niaranivavaka tamin'i Juan aza aho dia teo ireo rahalahiko sy ny raiko mba hanampy azy sy ho namany. Nandray tsara azy ny fianakaviako, ary nahazo aina tsara i Juan tao am-piangonana. Nanomboka niova tsikelikely izy mandra-pandraisany ny fanapahan-kevitra hatao batisa. Faly noho ny aminy aho ary mbola faly kokoa aza rehefa nolazainy tamiko fa nianatra nitia an'i Jesoa Kristy izy noho ireo taratasiko. Rehefa nody avy any amin'ny asa fitoriana nataoko aho dia nijanona ho namana akaiky an'i Francisco ihany koa, ary nony afaka fotoana elaela, dia natao batisa ihany koa izy sy ny vadiny. Ankehitriny i Juan sy i Francisco dia mbola roa amin'ireo namako akaiky indrindra.

Nanova ny fiainako ireo zava-nitranga ireo. Nianatra aho fa ny fomba tsara indrindra hanovana ny fiainan'ny olona dia ny fiainana amim-pahamarinana, ny fitiavana ny hafa, ary ny fanampiana ny hafa. Ny kiboky *Jeunes, soyez forts* dia milaza hoe: "Raha te hahazo namana tsara dia meteza ho namana tsara. Manehoa fahalianana marina amin'ny hafa. Mitsikia ary avelao ho fantany fa miraharaha azy ireo ianao."[1] Izany no nanampian'ny Tompo ahy mba hataoko tamin'i Juan sy i Francisco. Noho izany zavatra izany dia manana namana roa tsara indrindra tamin'ireo izay efa fantatro aho, ary ankehitriny izahay dia miara-miasa mba hanohana ny fanjakan' Andriamanitra amin'ny mahampikamban'ny Fiangonana anay.

Tandremo hatrany ireo fenitra ara-pitondrantena izay an'ny Fiangonana na dia ao anatin'ny toe-javatra tena sarotra tahaka ny nahazo ahy aza ianareo. Ny *Jeunes, soyez forts* dia mampianatra hoe: "Rehefa miezaka ny ho namana ho an'ny hafa ianao, dia aza ampidinina ireo fenitra ara-pitondrantena arahinao." "Raha mamporisika anao hanao zavatra ratsy ireo namanao dia aoka ianao mba ho ilay iray izay mijoro amin'ny tsara."[2] Na dia toa manao zavatra mifanohitra amin'ny didy aza ny olona hafa rehetra dia mijanòna ho matanjaka satria mahery vaika ny ohatra asehonareo. Meteza mba ho ilay karazana ohatra azon'ireo namanareo eritreretina mandritra ny fotoana ilan'izy ireo fanampiana. Amin'ny toe-javatra sasany tahaka ny ahy dia ny finamananareo no mety ho ilay zavatra manampy azy ireo hianatra, hibebaka ary hiova fo. ■

> *Ny finamananareo sy ny ohatra tsara asehonareo dia hitahy ireo namanareo sy ireo taranaka ho avy.*

**FANAMARIHANA**
1. *Jeunes, soyez forts* (2011), 16.
2. *Jeunes, Soyez Forts,* 16.

# Anjara masina

*Falifaly foana ilay namako raha ny mahazatra. Inona ary no mety manahirana ny sainy?*

**Nosoratan'i Emma C.**

Avy any Frantsa aho saingy nipetraka nandritra ny herintaona tany amin'ny faritra atsinanan'i Etazonia izaho sy ny rahavaviko tamin'ny naha-mpianatra nomen'ny sekoly fahafahana handranto fianarana any ivelany anay. Nandritra izany fotoana izany dia nihaona tamina olona maro izahay, saingy ny olona iray izay nisy fiantraikany tena lehibe teo amiko dia ilay tovovavy antsoina hoe Destiny. Lasa iray tamin'ireo namako akaiky indrindra izy. Niaraka nanao karazan-javatra maro izahay nandritra ny fotoam-pianarana sy taorian'ny fotoam-pianarana ary niaraka tamin'ny rahavaviko. Faly foana i Destiny. Izany no zavatra tena tiako momba azy.

Dia indray andro, hitako hoe sorisorena izy ary mbola tsy nahita azy velively toy izany aho teo aloha. Nanontaniako azy izay manahirana ny sainy. Nilaza izy fa tsy te hiresaka momba izany. Dia nahatsikaritra taratasy teny an-tanany aho. Nalaiko izany ary novakiko.

Nisy olona nanoratra zavatra feno haratsiampanahy taminy. Voalaza tao anatin'izany taratasy nosoratan'olona tsy fantatra izany fa izy dia ratsy tarehy, tsy misy olona tia azy, tsy misy antony tokony hahavelona azy ary tokony handeha ka hamono ny tenany izy. Tsy nino velively aho hoe olona tahaka azy dia hisy hihantsy tahaka izany. Nisy fiantraikany lalina tamiko ny fahafantarana ilay alahelo nianjady taminy.

Nanomboka tamin'izay dia nanao ezaka bebe kokoa aza aho mba ho naman'i Destiny. Tsy hoe hanokana fotoana hiarahana aminy fotsiny fa ho eo foana ho azy ary indrindra mba hahitsy toetra. Nohazavaiko taminy fa zanak'Andriamanitra izy, nomena toetra araka an'Andriamanitra, mendrika ny hotiavina ary mahavita zavatra lehibe.

Sarotra ny mitia ny tenanao rehefa anehoan'ny hafa toetra ratsy sy kianiny ianao. Rehefa ninamana tamin'i Destiny aho dia nianatra fa indraindray ny fomba tsara indrindra hanampiana ny hafa dia ny mitia azy ireo fotsiny sy manampy azy ireo mba hahafantatra hoe iza marina izy ireo.

Tany amin'ny fiafaran'ny taona rehefa tsy maintsy hiverina any Frantsa aho dia niteny zavatra tamiko izay hotadidiko lalandava i Destiny. "Emma a!" hoy izy, "Nanavotra ahy ianao. Naniry ny hamono tena aho talohan'ny nahatongavanao. Saingy avy eo nampianao sy ny rahavavinao be dia be aho, tamin'ny alalan'ny fanehoana firaharahiana ahy fotsiny. Amin'izao fotoana izao dia tiako ny tenako ary tiako ianao."

Misy ankizy maro any an-tsekoly izay ianjadian'ny fampitahorana na ampijaliana na mitokamonina. Mitadiava fomba hanampiana azy ireo. Miresaha amin'izy ireo, mieritrereta azy ireo ary manehoa hatsaram-panahy amin'izy ireo. Izany no ho nataon'ny Mpamonjy ary indraindray ny fiarahabana tsotra fotsiny na ny tsikitsiky iray dia afaka manova ny zava-drehetra. ■

*Monina any Frantsa ny mpanoratra.*

SARY NATAON'I REGINALD SWINNEY



# NAMANA NIZARA ny HAZAVA ny tamiko

Nosoratan'i Mariana M. Lara

Niara-nipetraka tamin'ny reniko tao amin'ny tanàna kely iray tao Mexique aho ary nifankafantatra daholo ny olona tao. Nahay nanavaka ny tsara sy ny ratsy aho, saingy niroaroa saina aho ary izaho no hany zatovovavy navitrika tao amin'ilay tanàna iray manontolo.

Naniry ny hoeken'ny fiarahamonina aho ka dia nanao zavatra izay toa nety tsara tamin'izany fotoana izany: hiaraka aman'olona. Iray fotsiny amin'ireo fahadisoana voalohany natomboko natao izany. Nanomboka nilefitra tamin'ny tsindry avy amin'ny namana aho ary nihevitra fa efa lehibe aho ka tokony hihevitra ny amiko, ary ny dikan'izany dia hoe ho lasa zatovovavy malaindaina niaina lavitra ny filazantsara.

Niaina tao anatin'ny haizina nandritra ny herintaona aho, ary nihamaizina hatrany izany isan'andro. Ireo fanapahan-kevitra ratsy noraisiko dia nitarika ady hevitra teo amiko sy ny fianakaviako, ary nahatsapa aho fa tsy afaka nanohy niara-niaina tamin'izy ireo intsony. Saingy tsy tonga saina aho hoe nisy zavatra tsy ampy raha tsy tamin'ny fotoana nahafatesan'ny namana akaiky Olomasin'ny Andro Farany iray. Indrisy anefa fa nanome tsiny an' Andriamanitra sy ny filazantsara aho. Lasa tsy nino intsony aho fa tonga avy amin'ny fankatoavana ny fitahiana. Fantatro fa raha tsy nanapa-kevitra ny hanomboka hiaina ny filazantsara aho dia ho nanohy tsy niraharaha ny fifandraisako tamin'ny Fiangonana ary nanohy niaina tamin'ny fomba araka ny fanaon'izao tontolo izao.

Nipetraka teo amin'ny fandriako tao amin'ny efitrano maizina iray aho, nitomany ary nalahelo ny tenako rehefa nahatsapa fa natahotra aho, natahotra ny hijanona irery tao tsy nanana olona niresahana, natahotra ny tsy ho afaka hanonitra ireo ratsy rehetra vitako, natahotra sao dia tsy hisy olona hamela heloka ahy, indrindra fa Andriamanitra.

Taty aoriana dia nifindra tany Minnesota Etazonia aho, niaraka tamin'ireo ray aman-drenibeko izay tsy mpikamban'ny Fiangonana. Niara-nandeha fiaramanidina tamiko ny raikeliko, ary tamin'ny alahadiko voalohany tany dia nandeha nivavaka izahay, saingy handeha hanatrika ny fivoriana fanasan'ny Tompo fotsiny. Rehefa nifarana ilay fivoriana dia efa

SARY NATAON'I ALBERTO RUGGIERI



nanapa-kevitra ny handao ilay Fiangonana aho, saingy tsy nampoiziko fa raha iny izahay nandeha nankeny amin'ny fiara iny dia nahita ny eveka nihazakazaka mba hiresaka taminay aho. Nametraka fanontaniana vitsivitsy taminay izy ary nanasa anay hiverina ny alahady manaraka, ary dia niverina izahay.

Ny alahady manaraka, raha vantany vao vita ilay fivoriana fanasan'ny Tompo, ary tsy mbola tafatsangana akory aho, dia nohodidinin'ny zatovovavy avy ao amin'ilay paroasy aho. Zatovovavy izay hanampy ahy hanova ny fiainako.

Tampoka teo aho dia niditra tao anatin'ny tontolo iray tena hafa tanteraka: tontolo nisy eveka sy filohan'ny Zatovovavy izay tia ahy, ary ny tena zava-dehibe indrindra dia zatovovavy izay niezaka niaina ny filazantsara isan'andro, izay niezaka niaina fenitra ara-pitondrantena ambony ary nanao izay tsara tamim-pahatokiana. Namiratra tokoa izy ireo ka dia afaka nanazava ny lalana teo anoloako.

Teo vao fantatro ny tokony hataoko hoe: "Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazava[ko], mba hahitany ny asa soa atao[ko] ka hankalazany ny Rai[ko] Izay any an-danitra" (jereo ny Matio 5:16). Ka noho izany dia nanomboka izany aho tamin'ny alalan'ny fandehanana mivavaka sy namonjy ny Fiaraha-mientana Ifanakalozana isankerinandro, namaky ny bokin'i Môrmôna sy nivavaka isan'andro, nanao fitafy maotina, nampiasa fiteny tsaratsara kokoa, nandeha tany amin'ny tempoly, ary nanomana ny tenako hahazo ny tsodranon'ny patriarikako.

Niova tanteraka aho, saingy tsy tsapako izany raha tsy tamin'ny lasin'ny Zatovovavy, rehefa nahatsapa ny Fanahy Masina aho ary nahita fa nanana fijoroana ho vavolombelona aho, fijoroana ho vavolombelona izay hampahatsiahy ahy fa tia ahy Andriamanitra, fa manana drafitra ho ahy Izy, ary tsy tiany ho irery aho. Fijoroana ho vavolombelona mazava sy matanjaka ka nanova ahy mihitsy. Fijoroana ho vavolombelona hozaraina ary tsy hoe hanazava ny lalako fotsiny fa ny lalan'ny hafa ihany koa. Fijoroana ho vavolombelona tsy matahotra ny hamiratra ao anatin'ny haizina. ■

*Mipetraka any Basse Californie, Mexique ny mpanoratra.*



*Nahatsapa ho natahotra sy irery aho. Dia nifindra tany amin'ny firenena iray hafa aho ary izay indray vao nandeha nivavaka tao anatin'ny fotoana tena naharitra.*

# TSY MATAHO





# TRA NY HIZARA NY FAHAMARINANA

*Noho izy manana fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara sy ny fitahiana avy amin'izany dia tsy navelan'i Fabian nanakana azy tsy ho lasa mpikambana misiônera matanjaka sy tsy matahotra ny maha-mbola kely taona azy.*

**Nosoratan'i Michael R. Morris**
Gazetibokin'ny Fiangonana



Mody masoandro ao Las Tomas, toerana iray naorina eo ambony fasika misolampy izay mitatao eo ambonin'i Antofagasta. Ery ambany ery dia manomboka mamiratra ireo jiro rehefa milentika ny masoandro amin'io tanàna misy ny seranan-tsambo ao amin'ny tapany avaratr'i Chili io.

Sabotsy hariva ny andro, ary afaka nandeha niaraka tamin'ireo namany i Fabian H. izay 13 taona. Saingy naleon'i Fabian, izay mpikambana vaovao ato amin'ny Fiangonana nisafidy ny hampiasa ny takarivany hiarahana tamin'ny misiônera manompo amin'ny fotoana feno. Fotoana izao "mba hanampiana amin'ny fanangonana an'i Isiraely."[1]

Amin'ireo mpikambana misiônera manolotena rehetra izay niarahan'i Kellen VanNatter sy i Jordan Shelton niasa nandritra ny asa fitoriana tamin'ny fotoana feno nataon'izy ireo tao Chili dia i Fabian no niavaka indrindra.

Raha vao nanana fotoana malalaka izy dia nandeha niaraka taminay nanao asa fitoriana," hoy i Kellen. "Rehefa tapitra ny fialan-tsasatra tamin'ny fahavaratra dia nalahelo izy noho izy tsy maintsy niverina nianatra tany an-tsekoly, fa tsy vitan'izay ihany fa noho izy tsy nanana fotoana betsaka hiarahana taminay ihany koa."

I Jordan izay namana mpiara-manompo tamin'i Kellen nandritra ny volana maro dia nanampy hoe: "Inefatra na indimy isan-kerinandro teo mihitsy i Fabian no niaraka taminay, isan-kerinandro, nandritra ny fotoana niarahanay nanompo tao Antofagasta. Izy no mpikambana misiônera tsara indrindra niarahanay niasa hatramin'izay."

Inona no mahatonga ny zatovolahy iray hanana fahavononana tokoa toy izany mba hanao asa fitoriana na dia eo aza ny fankahalan'ireo mpiara-mianatra sy ny tsy firaharahian'ny olona tsy fantatra? Ny valin'izany ho an'i Fabian dia hita ao anatin'ireo fitahiana izay noraisin'izy sy ny fianakaviany hatramin'ny naneken'izy ireo ny filazantsara, izay fitahiana tiany hozaraina amin'ny hafa.

## "Fifaliana tsy hay lazaina"

I Fabian dia nanomboka nianatra ireo leson'ny misiônera fotoana fohy taorian'ny nahatongavan'ireo misiônera manompo amin'ny fotoana feno nandondona ny varavarany. Mbola tsaroany



"Mizara foana ny zavatra niainany *manokana* tahaka ilay fahatsapana nananany rehefa nandeha

foana ny fivoriana fanasan'ny Tompo natrehany voalohany.

"Tsy nahafantatra na iza na iza aho rehefa niditra tao amin'ny trano fiangonana, ka dia somary natahotra aho," hoy izy. "Saingy nahatsapa zavatra nahatalanjona aho. Tsapako ho toy ny hoe efa tao amin'ny Fiangonana nandritra ny volana na taona maro aho."

Nandritra ny batisany herinandro vitsy taorian'izay: "Nahatsapa fifaliana tsy hay lazaina aho tamin'ny nanitrihana ahy tao anaty rano sy ny nivoahako tao. Nahatsapa ho toy ny olom-baovao aho, ary fantatro fa hanaraka an'i Jesoa Kristy aho ary hanao izay tsara indrindra vitako mba hitandrina ny didiny."

Rehefa niaraka tamin'ny zanany lahy nandritra ny leson'ireo misiônera ireo ray aman-drenin'i Fabian izay tsy mbola nivady ara-dalàna dia nianatra momba ny fanambadiana any amin'ny tempoly sy ny fianakaviana mandrakizay izy ireo. "Herinandro taty aoriana dia nametraka daty hanaovana ny fanambadiany ny raiko," hoy i Fabian. "Faly ery ny reniko."

Efa-bolana taorian'ny nidiran'i Fabian ho mpikamban'ny Fiangonana dia nanaraka azy ka natao batisa i Angela. "Fitahiana tena nahafinaritra izany," hoy izy.

Nisy fitahiana hafa tonga haingana taorian'izay. I Leonardo, izay efa vita batisa fony izy mbola kely dia niverina navitrika tao amin'ny Fiangonana. Lasa zavatra iray tena nilaina tao an-tokantranon'izy ireo ny fandalinana ny filazantsara. Lasa nihanifanakaiky am-po ireo olona tao amin'ny fianakaviana. Nahita asa mahavelona tsara i Leonardo. Dia nahazo ny fisoronana Aharôna i Fabian.

"Tiako ny mihazona ny fisoronana mba hahafahako mizara ny fanasan'ny Tompo amin'ireo mpikambana ao amin'ny paroasy sy manampy azy ireo hanavao ny fanekempihavanany," hoy i Fabian. "Ny mahafaly ahy indrindra dia rehefa mandalo eo amin'ny fianakaviako sy ireo misiônera nampianatra ahy aho. Mahafaly ahy tokoa ilay fijerin'ny raiko ahy izay mirehareha noho ny amiko rehefa hitany mizara ny fanasan'ny Tompo aho."

## "Tena hahafinaritra izany"

Talohan'ny nanaovana batisa azy i Fabian dia efa nanomboka nanao asa fitoriana ataon'ny mpikambana.

"Nilaza tamin'ny telo tamin'ny namako aho fa hatao batisa. Tonga ny roa tamin'izy ireo," hoy izy. "Tiako ny mizara ny filazantsara mba hahatakaran'ireo namako ny zavatra inoantsika sy ny zavatra ataontsika any am-piangonana ary mba hahafahan'izy ireo mianatra ny filazantsara, hatao batisa, ary hanana fiainana sambatra kokoa. Ho faly be tokoa aho raha ho vita batisa ny iray amin'izy ireo ary lasa isan'ny mpikambana ao amin'ny kôlejiko. "Tena hahafinaritra izany."

Mitondra Bokin'i Môrmôna miaraka aminy any an-tsekoly i Fabian, ary mitondra ireo boky kely fizaran'ny misiônera mba homena namana. Faly izy mamaly fanontaniana momba ny Fiangonana ary manasa namana hanatrika ireo fivoriana alahady sy ny fiaraha-mientan'ny zatovo amin'ny hariva. Ary tsy matahotra manatona olona eny an-dalana izy ary, araka ny nampianarin'ny misiônera azy, dia manasa azy ireo izy hianatra momba ny Fiangonana sy hiomana ho amin'ny batisa.

"Tsy mampaninona an'i Fabian na dia misy olona mieritreritra azy ho hafahafa aza noho izy mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananany," hoy i Kellen. Fantany fa zavatra tsara no ataony. Fantany fa manan-danja kokoa noho izay mety ho zavatra hafa ny zavatra ara-panahy."

Rehefa mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananany i Fabian, hoy i Jordan, dia mahazo hery avy amin'ny fiovampony sy ny fitiavany ny filazantsara ary ireo fitahiana azony izy.

"Hitany ireo fitahiana tonga teo amin'ny fianakaviany, ary izany no mitaona azy hahery fo tokoa sy mahitsy avy hatrany amin'ny fizarana ny filazantsara amin'ny namany," hoy i Jordan. "Indray mandeha izy dia nijoro ho vavolombelona tamin'ny naman'ny Fiangonana iray fa fitahiana lehibe ho an'ireo ray aman-dreniny ny firosoana tamin'ny fanambadiana saingy sarotra tokoa ho azy ny niandry efa-bolana taorian'ny batisany mba hanaovana batisa ny reniny. Feno ny fony, ary latsa-dranomaso izy. Nijoro ho



mampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananako. Ary ny fampianarana ny filazantsara dia manome ahy fahafahana ho lasa ohatra ho an'ny hafa, anisan'izany ny zandriko vavy."

Tsy mahagaga raha ny ho lasa misiônera manompo amin'ny fotoana feno no iray amin'ireo tanjon'i Fabian lehibe indrindra aorian'ny hahavitan'ny fianarany ao amin'ny lisea.

"Te hizara ny fahamarinana amin'izay tsy mahafantatra izany aho," hoy izy. "Te hanasa azy ireo aho mba ho voadio amin'ny fahotany. Te hampianatra azy ireo ny fomba hahafahany ho tonga fianakaviana mandrakizay aho. Te hanasa azy ireo aho mba ho faly amin'izao fotoana izao ary hiaina ao anatin'ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana aorian'izao fiainana izao." ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018), **HopeofIsrael.ChurchofJesusChrist.org**.

nivavaka voalohany izy sy ny zavatra tsapany rehefa mamaky ny bokin'i Môrmôna izy."

vavolombelona izy avy eo fa raha mitandrina ny didy isika dia hikarakara antsika Andriamanitra."

Mahatonga an'i Fabian ho mpikambana misiônera matanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananany, hoy i Kellen nanampy.

"Izy dia tsy miteny zavatra toy ny hoe: -Naheno olona niteny an'izao tany ampiangonana aho.- Fa izy kosa dia mizara foana ny zavatra niainany *manokana* tahaka ilay fahatsapana nananany rehefa nandeha nivavaka voalohany izy sy ny zavatra tsapany rehefa mamaky ny bokin'i Môrmôna izy. "Tena marina sy tena misy avokoa izany."

## "Mahatsiaro ho maivamaivana kokoa foana aho"

Ho an'i Fabian, ny fizarana ny filazantsara dia mitondra fitahiana hafa.

"Indraindray dia misy zavatra ratsy mitranga amiko any an-tsekoly, kanefa tonga mandondona ny varavarako ny misiônera avy eo dia manontany raha vonona ny hanampy azy ireo hampianatra aho," hoy izy. "Rehefa avy miaraka amin'izy ireo aho dia mahatsapa ho toy ireny tsy manana olana ireny mihitsy. Mahatsiaro ho maivamaivana kokoa foana aho rehefa miaraka amin'izy ireo, miara-mamaky ny soratra masina amin'izy ireo, ary manampy azy ireo hizara ny filazantsara. Ny fizarana ny filazantsara sy ny tantaran'ny fiovam-poko dia



*Miomana amin'ilay takariva hitoriana ny filazantsara miaraka amin'ny Elder isany Kellen VanNatter (eo ambony, eo afovoany) sy Jordan Shelton (eo ambony, eo ankavanana) i Fabian.*



### TSY MISY ZAVATRA MANAN-DANJA KOKOA NOHO IZANY

"Ry zatovo mahavariana malalako, nalefa tety antany amin'izao fotoana izao mihitsy ianareo, ilay fotoana manan-danja indrindra amin'ny tantaran'izao tontolo izao, mba hanampy amin'ny fanangonana an'i Isiraely! *Tsy misy zavatra* manan-danja kokoa noho izany eto amin'ity tany ity amin'izao fotoana izao. *Tsy hisy zavatra* hanan-danja kokoa noho ny vokatra hoentin'izany. Tena *tsy hisy*.

"Izany fanangonana izany no zavatra tokony *hanan-danja indrindra* ho anareo. Izany *no* iraka nanirahana anareo ety an-tany."

**Filoha Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo), 3 jona 2018, HopeofIsrael.ChurchofJesusChrist.org.**



# "Ahoana no fomba hahitako namana miaina fitsipika tsara?"

*"Tena manohina lalina ny fontsika sy manova ny fiainantsika ny fangorahana ananan'ireo namana manana toetra tahaka ny an'i Kristy. Tokony hotadidintsika tsara fa ny Tompo dia matetika no mandefa -fitahiana avy any ambony, amin'ny alalan'ny teny sy ny asan'ireo izay mitia.-"*


**Loholona Joseph B. Wirthlin (1917–2008) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, Fihaonamben'ny Fiangonana manerantany ôktôbra 1997.**



## Ny hatsaram-panahy no ilaina

Manehoa fitiavana azy ireo ary aoka ianao ho tsara fanahy. Asehoy fa mirahalaha azy ireo sy ny fahasambarany ianao. Raha maneho tsy firaharahiana anao izy ireo ary ratsy fanahy aminao, dia azo antoka fa tsy te hanohy izany finamanana izany intsony ianao.

***Madi B., 15 taona, Arizona, Etazonia***



## Zarao ny filazantsara


Afaka mahita namana miaina fitsipika tsara ianao amin'ny alalan'ny fandehanana mampianatra miaraka amin'ny misiônera. Mahafantatra tanora maromaro mila namana ao amin'ny Fiangonana izy ireo.

***Elder Quintanilla, 20 taona, Misiônan'i Bridgetown Barbade***

## Mivavaha ho an'ireo namanao

Mivavaka foana aho mba hahafantarako raha ireo namako no namana tsara afaka manampy ahy hampisandratra ny fitsipika arahako sy hampitombo ny fijoroana ho vavolombelona ananako momba an'i Jesoa Kristy.

***Imanol M., 18 taona, Chihuahua, Mexique***



**Hanampy anao Andriamanitra**

Tsikaritro fa raha manao ezaka manokana aho mba hitady ireo olona izay maneho ny hazavan'i Kristy dia manova zavatra tokoa izany. Mahafantatra ny fanirianao ny Ray any An-danitra ary raha manao ny anjaranao ianao dia hamaly ireo vavaka ireo Izy.

***Olivia T., 18 taona, Utah, Etazonia***

**Iaino ny fitsipika arahanao**

Aoka ianao mba ho ohatra amin'ny fiainana ny fitsipika arahanao. Ary raha manana namana tsy manaraka fitsipika mitovy amin'ny anao ianao, dia asehoy azy ireo fa manan-danja miavaka eo imason' Andriamanitra izy ireo. Tia ny olona rehetra i Jesoa ary nampianatra azy ireo hanaraka ny lalany.

***Bernard B., 19 taona, Palawan, Philippines***

*Ireo valinteny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy toy ny fanambarana ôfisialy ny fotopampianaran'ny Fiangonana.*

***Inona no Eritreritrao?***

"Ahoana no hanesorako ao anatiko ny fahatsapana ho irery?"

Alefaso ny valinteninao, ary raha tianao, dia mandefasa sary à haute résolution hatramin'ny 15 nôvambra 2019 ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org (tsindrio ny "Submit an Article or Feedback").

Mety ho asiam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.



# Inona no foto-kevitra ijoroan'ny Fiangonana momba ny tontolo iainana?

Teny manan-danja iray hahatakarana ny foto-kevitra ijoroantsika momba ny tontolo iainana ny hoe *fitantanana.* Tsy midika akory izany fa an'ny olona ny tany ary afaka mampiasa izany araka izay tiany izy ireo, fa ny dikan'izany kosa dia hoe tompon'andraikitra isika amin'ny fomba ampiasantsika ny zavatra rehetra izay misy eo aminy (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:13–15). Na dia hoe "manana ny ampy sy ny hotehirizina aza" ny tany (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:17), dia tian' Andriamanitra isika ny hampiasa amim-pahendrena ireo zavatra izay misy eto an-tany (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:20).

Nahary ny tany Andriamanitra ary nanambara fa ny zavatra nohariany dia "tsara indrindra" (jereo ny Genesisy 1:1, 31). Ity tany ity dia nohariana mba hampiantranoana ny zanak'Andriamanitra izay ao anatin'ny drafitry ny famonjeny. Hohamasinina ny tany ary handray voninahitra selestialy (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:18–19).

Tsy vitan'ny hoe nataon' Andriamanitra ho azo ampiasaina fotsiny ny tany fa nataony tsara tarehy ihany koa. Ny zavatra rehetra eto an-tany "dia natao ho tombontsoa sy hampiasain'ny olona, sady hahafinaritra ny maso no hamalifaly ny fo," ary koa "hamelombelona ny fanahy" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:18–19).

Tokony hanome voninahitra an' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny fankamamiana ny zava-boariny, ny fanehoana fankasitrahana noho izany, ary ny fiezahana hihazona izany ho tsara tarehy. Isika dia tokony hiaro ireo zavatra azo ampiasaina, hiaro ny voary, ary hisoroka ny fandotoana sy ny fandanindaniam-poana.

# Ny Vato Fehizoro Indrindra ho an'ny finoantsika

**Nosoratan'ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008)**
Filohan'ny Fiangonana faha-15

Ao amin'ny tempoly vaovao tsirairay dia manao lanonana fametrahana vato fehizoro mitovy amin'ny fomba nentim-paharazana iray tamin'ny andro fahiny isika. Mialoha ny fampiasana ny laron-tsimenitra sy vatokely amin'ny ankapobeny dia namboarina tamin'ny vato lehibe ireo rindrina fototr'ilay trano. Nisy lavaka natao ary nisy vato napetraka mba ho fototra. Niainga avy teo amin'ny toerana iray nanombohana, dia naorina nanaraka lalana iray nankeny amin'ny vatofehizoro iray ny fototra. Avy eo dia navily lalana ilay vatofehizoro dia naorina nizotra nankeny amin'ny zoro manaraka ilay rindrina, izay nametrahana vato iray hafa, ary avy teo no nanorenana ilay rindrina nandeha nizotra nankeny amin'ny zoro manaraka, ary avy teo no niverina teny amin'ny toerana niaingana. . . . Ilay vato farany no nolazaina fa vato fehizoro indrindra, ary ny fametrahana izany dia lasa antony nanaovana fankalazana be. Rehefa tafapetraka io vato fehizoro io dia vonona ny hirafetan'ny vatan'ny trano ilay fototra. Izay no nahatonga ilay fanoharana nampiasain'i Paoly rehefa namariparitra ny Fiangonana izy:

"Koa dia tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony hianareo, fa tompon-tany, mpiray fanjakana amin'ny olona masina sady ankohonan'Andriamanitra;

"Natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny Apostoly sy ny mpaminany, ary Kristy Jesosy no fehizoro indrindra;

"Ao aminy no irafetan'ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ao amin'ny Tompo" (Efesiana 2:19–21).

Isika dia manana vato fehizoro fototra izay nanorenan'ny Tompo ity Fiangonan'ny andro farany lehibe ity ary naorina mba "[h]irafetan'ny rafitra rehetra." Zavatra tena ilaina amin'ity asa ity ireo vato fehizoro ireo, ny fototra mihitsy, izay andry fototra ijoroan'izany. . . . [Saingy] ny fehizoro indrindra no nolazaiko, izay fantatsika sy hajaintsika amin'ny hoe Jesoa Kristy Tompo. . . .

Izy no fehizoro indrindran'ny Fiangonana izay mitondra ny anarany, dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Tsy misy anarana hafa nomena ambanin'ny lanitra, izay hahazoana mamonjy antsika (jereo ny Asan'ny Apostoly 4:12). Izy no loharanon'ny famonjena antsika, ilay mpanome ny fiainana mandrakizay (jereo ny Hebreo 5:9). Tsy misy mitovy Aminy. Tsy mbola nisy. Ary tsy hisy mihitsy. Isaorana anie Andriamanitra noho ny nanomezany ny Zanany malalany, izay nanolotra ny ainy mba hahafahantsika ho velona ary izay vato fehizoro indrindra tsy mihozongozona ho an'ny finoantsika sy ny Fiangonany. ■

***Nalaina avy tamin'ny lahateny natao tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny ôktôbra 1984.***

SARY NATAON'I JAVIER ARRÉS

# Vato fehizoro efatra an'ny Fiangonana

Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nijoro ho vavolombelona fa i Jesoa Kristy no vato fehizoro indrindra ho an'ny finoantsika.

Nampianatra ihany koa izy fa misy vato fehizoro fototra hafa izay hiorenan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.




### Jesoa Kristy Tompo

*Ny Tompo sy Mpamonjy antsika. Ilay vato fehizoro indrindra izay iorenan'ny finoantsika sy ny Fiangonana.*



### Ny Fahitana Voalohany

*Izay nanokatra ny asa mahatalanjon'ny famerenana amin'ny laoniny.*



### Ny Bokin' i Môrmôna

*Izay miteny toy ny feo iray avy amin'ny vovoka miaraka amin'ny tenin'ireo mpaminany mijoro ho vavolombelona ny amin'ilay Mpamonjy ny olona.*



### Ny Fisoronana

*Amin'ny alalan'ny heriny sy ny fahefany dia manao asa amin'ny anaran' Andriamanitra ireo lehilahy amin'ny fitantanana ny raharaha ao amin'ny fanjakany.*



HO AN'NY TANORA

**MANANA OLANA AMIN'NY PÔRNÔGRAFIA VE ILAY OLONA METY HO VADINAO?**

*Misy fanantenana sy fanampiana ny amin'izany. Ireto ny fomba azonao handrosoana amim-pinoana.*

42



ZATOVO

**NY FITAOMANA ANANAN'IREO NAMANA TSARA**

52–57, 62

*AVIA, HANARAKA AHY*

**EFESIANA 2: INONA AVY IREO VATO FEHIZORON'NY FIANGONANA?**

64

MALAGASY
4 02186 10654 3

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

# Namana

Ôktôbra 2019

Fizarana ho an'ny ankizy ao amin'ny *Liahona*, avoakan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany



Fiarahabana avy any
**R.D. Congo!**

Jereo ny pejy N4–N7



**Nosoratan'ny Loholona Dallin H. Oaks**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Mitia ny hafa tahaka ny itiavan'i Jesoa antsika



Nomen'i Jesoa didy manan-danja ireo mpianany hoe: "Dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo" (Jaona 15:12). Noho isika mpanara-dia an'i Kristy dia tokony hiara-hiaina amim-pilaminana amin'ny hafa isika. Tafiditra ao anatin'izany ireo olona izay tsy mino ny zavatra inoantsika.

Ireto misy fomba vitsivitsy azontsika ifankatiavana tahaka ny itiavan'ny Mpamonjy antsika:

- **Meteza ho tsara fanahy amin'ny olona tsy mitovy aminao.**
- **Hajao ny zavatra inoan'izy ireo.**
- **Aza mampijaly na manevateva na iza na iza mihitsy.**
- **Aoka ianao ho olona mahay mihaino.**
- **Mahalalà fomba. Aza miady hevitra amin-katezerana.**
- **Mijoroa amin'ny marina.**
- **Resaho amin'ny hafa amim-panetrentena ny filazantsara. "[Resaho] ny marina amin'ny fitiavana" (Efesiana 4:15).**


Ny didin'ny Mpamonjintsika mba hifankatia tahaka ny itiavany antsika angamba no fanamby lehibe indrindra ho antsika. Mivavaka aho mba hahafahantsika miezaka maneho fitiavana amin'ny zavatra rehetra ataontsika. ●

*Namboarina avy amin'ny "Fitiavana ny hafa sy fiainana ao anatin'ny fahasamihafana,"* Liahona, *nôv. 2014, 25–28.*

# Mpaminany sy apôstôly

Ny soratra masina dia milaza fa ny Fiangonana dia "natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny Apôstôly sy ny mpaminany, ary Jesoa Kristy no fehizoro indrindra" (Efesiana 2:20). Izany dia midika fa i Jesoa Kristy no mitarika ny Fiangonana amin'ny alalan'ny mpaminany sy ny apôstôly amin'izao fotoana izao.


Lokoy ny sarin'ireo olona izay miteny mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Na lokoy aorian'ny fihaonambe izany rehefa miresaka ny lahateny tianao indrindra amin'ny fianakavianao ianao. Mandokoa fo iray isaky ny mahare olona miteny hoe Jesoa ianao. Tiany ianareo!




SARY NATAON'I JARED BECKSTRAND

**Ity pejy ity dia manampy tosika ny pejy 155 ao amin'ny *Avia, hanaraka ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana.***

# Tsy lavitra Izy rehefa mivavaka





**Nosoratan'i Lucy Stevenson**
Gazetibokin'ny Fiangonana

*"Eny, mivavaha, fa mihaino anao Izy" (*Bokin-kiran'ny ankizy, *6).*

Tafapetraka haingana teo am-pandriany i Prodi. Nidobodoboka mafy ny fony.

Nitaitaika tao an-tafon-trano ny orana rehefa nipetraka tao anatin'ny haizina izy. Naheno rano nikoriana avy teo amin'ilay aviavy Afrikana tany ivelan'ny varavarankeliny izy ary nanempotra sy nafana ny rivotra. Niaina mafy indray mandeha i Prodi ary niezaka ny ho tony. Nofy fotsiny iny.

Niala teo am-pandriana izy ary niditra tao amin'ny efitranon'ny ray aman-dreniny. Natory tamim-pilaminana i Dada sy i Neny. Nivonkina tao am-pandriany koa i Célia zandriny vavy. Nilamina ny zava-drehetra. Tsy nisy natahorana mikasika ny fianakaviany.

Niverina tao am-pandriany i Prodi ary niezaka ny natory indray. Nikofoka dia nivadika izy, dia nikofokofoka sy nivadibadika teo. Fantany fa tsy tena izy ilay nofiny saingy nampatahotra tokoa izany! Na dia reraka azy izy dia natahotra ny hiverina hatory. Ahoana raha hanofy ratsy indray izy?

Nitsilany i Prodi ary nijery ny valindrihana. Niezaka nieritreritra zavatra mahafinaritra izy. "Ray any Andanitra ô! Moa ve ao Ianao, ka mety handre ireo ankizy 'zay mitalaho?" Nisy fahatsapana hafanana nanenika an'i Prodi rehefa nieritreritra ireo teny tao anatin'ilay hiran'ny Kilonga tena tiany izy. Nampianatra azy ireo rahavavy Kioska fa miambina azy ireo foana ny Ray any An-danitra. Afaka mivavaka Aminy foana izy ireo ary na aiza na aiza.

Fantatr'i Prodi ny zavatra tokony hatao. Niala teo am-pandriany izy ary nivavaka.

"Ry Ray any An-danitra malala!" hoy izy, "Tena matahotra aho. Mba arovy ny fianakaviako. Ary mba ampio aho hatory sy tsy hanofy ratsy intsony."

Nofaranan'i Prodi ny vavaka nataony dia niverina tao am-pandriana izy. Nihanalefaka ny vatany ary nitony ny sainy. Vetivety izy dia resin-tory.

Rehefa tonga ny maraina dia nifoha i Prodi niaraka tamin'ilay masoandro mafana namirapiratra avy eo amin'ny varavarankely. Naheno ireo vilany nanenoneno tao an-dakozia izy ary nitsangana nankany amin'i Neny. Teo amin'ny latabatra nihinana ambina mangahazo i Célia. I Neny teo am-panafanana mangahazo mba hohaniny koa.

"*Bonjour,*" hoy i Neny. "Natory tsara ve ianao?"

"Nanofy zavatra tena nampatahotra aho," hoy i Prodi. "Fa nivavaka aho avy eo. Nampian'ny Ray any An-danitra aho mba hilamin-tsaina."


"Mampalahelo izany fa nanofy ratsy ianao!" hoy i Neny. Nofihininy mafy sy maharitra i Prodi. "Saingy faly aho fa nivavaka ianao. Tena nampian'ny Ray any An-danitra ianao izany."

"Nampiany aho," hoy i Prodi. "Afaka niverina natory aho ary tsy nanofy ratsy intsony." Nofihinin'i Prodi mafy i Neny. Faly izy noho ny fahafantarany fa na matahotra toy ny inona aza izy dia tsy lavitra ny Ray any An-danitra rehefa mivavaka izy. ●

**Avadiho ny pejy mba hahitana ilay tovolahy ao anatin'ity tantara ity!**

SARY NATAON'I KATIE PAYNE

# Fiarahabana avy ao amin'ny Repoblika Demôkratikan'i Congo!








**Ny R. D. Congo** dia ao Afrika afovoany. Olona eo ho eo amin'ny 80 tapitrisa no mipetraka ao.



Rakotra ala trôpikaly ny ampahany lehibe amin'ny R. D. Congo. Toeramponenan'ny karazam-biby mahaliana toy ny elefanta, ny gorille ary ny rhinocéros izany. Okapi no anarana fiantsoana ity biby ity.



Ny R. D. Congo dia malaza amin'ny taokanto nentimpaharazana ao aminy, anisan'izany ireo sary vongana vita amin'ny hazo, ny harona voarary, ary ny saron-tava.








Ny misiônera avy ao amin'ny fiangonan-tsika dia nanomboka nampianatra ny olona tao R. D. Congo tamin'ny 1986. Amin'izao fotoana izao dia efa ho olona 60.000 ao no mpikambana ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Ny ankamaroan'ny olona ao R. D. Congo dia miteny frantsay ao am-piangonana. Io no fiteny ôfisialin'ilay firenena. Saingy misy fiteny hafa efa miisa ho 250 ampiasain'ny olona ao R. D. Congo!



Tamin'ity taona ity ny R. D. Congo no nahazo ny tempoliny voalohany. Faly ery ny mpikamban'ny Fiangonana ao fa nahazo tempoly ao amin'ny fireneny.




SARY NATAON'I KATIE MCDEE

## Andao hamantatra ny sasany amin'ireo namantsika avy ao R. D. Congo!



"Indray alahady dia feno miaramila teny rehetra teny, dia niteny tamiko ny ray aman-dreniko fa ho sarotra nanomboka teo ny fankanesana tany am-piangonana. Nilaza tamin'ny ray aman-dreniko aho fa tokony hanatrika ny fivoriana fanasan'ny Tompo izahay farafahakeliny. Niara-naneho finoana izahay dia nandeha nankany am-piangonana mba hanaja ny andron'ny Tompo."

**Prodi K., 7 taona, Kinshasa, Repoblika Demôkratikan'i Congo**



"Tia manampy ny hafa aho. Indray andro tao amin'ny kilasiko dia nalahelo ny ankizy iray nandritra ny fakan-drivotra satria tsy nanana na inona na inona hohanina izy. Nankeny aminy aho dia nozaraiko taminy ny sakafo nentiko."

**Célia Tshidibi K., 5 taona, Kinshasa, Repoblika Demôkratikan'i Congo**

**Avy ao R. D. Congo ve ianareo? Manorata aminay! Mba tianay ny handre vaovao avy aminareo. Jereo ny pejy N24.**

# Tsy te hiavaka aho!



**Nosoratan'i Eliza Broadbent**
(Niainga tamin'ny tantara marina)

*"Lehibe ny hasarobidin'ny olona eo imason'Andriamanitra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10).*

Tsy andrin'i Mika foana izay hanatrehana ny kilasy fianarana mandihy. Tiany ny mihaino ny hira. Tiany ny manao ilay sora-dihy maneho lolo manidina sy ny manao tsara izany. Ary tiany indrindra indrindra ny manao izany rehefa miara-mihetsika manao izany daholo ny iray kilasy. Rehefa nanao izany izy ireo dia toy ny hoe mitovy daholo ireo mpandihy. Toy ireny hoe tsy izy irery ireny no tratran'ny trisomie 21.

Androany izy ireo dia nianatra sora-dihy iray vaovao. Nijery ny mpampianany nitsambikina ambony i Mika. Nijery ireo zazavavy hafa nanandrana nanao izany izy. Avy dia nahay izany ny sasany. Ny sasany dia nanao andrana vitsivitsy vao nahay. Nanandrana foana i Mika, saingy tsy nahavita izany tsara izy.

"Afaka manampy ahy ve ianao ry mpampianatra?" Hoy i Mika nanontany.

Nijery an'i Mika ilay ankizivavy teo akaikiny. Dia nitongilana kely teo amin'ny namany izy. "Fa maninona izy no manao toy izany rehefa miteny?" hoy izy



nibitsibitsika. Samy nitodika nijery an'i Mika izy roa vavy.

Teny an-dalana hody rehefa avy nianatra dia tsy niteny mihitsy i Mika.

Rehefa tonga tany an-trano izy ireo dia namolavola koba tao an-dakozia i Neny. Nisy lafarinina ny takolany. Nampihomehy an'i Mika izany indraindray. Saingy androany izy dia nametraka ny kitapony teo amin'ny tany fotsiny dia nipetraka tamin'ny seza teny akaikin'ny latabatra.

"Nanao ahoana ny fianarana mandihy?" Hoy i Neny nanontany.

"Ratsy be," hoy i Mika. "Nangataka fanampiana aho, dia nisy ankizivavy iray niteny hoe mampihomehy ny fiteniko. Dia nijerijery be ahy izy avy eo." Niondrika i Mika. "Tsy te handeha hianatra handihy intsony aho."

"Indry! Ry Mika!" Hoy i Neny. "Mampalahelo izany. Tia mijery anao mandihy izaho sy i Dada. Mirehareha ny amin'ny ezaka lehibe ataonao izahay!"

Tsapan'i Mika ho nanomboka nitomany izy. "Tsy tiako ny trisomie 21 ato amiko. Tsy tiako fa hafahafa ny tarehiko. Raha mba tsy sarotra be toy izany mantsy ho ahy ny mianatra zavatra vaovao. Na ny miresaka aza dia ilàko hanaovana fanazaran-tena!"

Nipetraka teo akaikin'i Mika i Dada dia nisakambina azy. "Mika a! Tianay *be tokoa* ianao. Tsy misy na dia zavatra iray aza tianay hovaina mahakasika anao."

Saingy nanifikifika ny lohany fotsiny i Mika dia nanafina ny lohany teo anelanelan'ny sandriny roa. "Tsy te hiavaka aho. Tiako hoesorina ato amiko ny trisomie 21 ato anatiko!"

Nangina kely vetivety i Dada sy i Neny.

"Mahita hevitra aho," hoy i Neny. Namoaka ny lohany avy teo anelanelan'ny sandriny roa i Mika. "Fa maninona ianao raha manontany ny Ray any An-danitra mikasika ny zavatra tsapa*ny* momba anao?

Nandinika momba izany i Mika. Tia nivavaka izy. Naneho tsimoramora fihetsika manaiky tamin'ny lohany izy. "Azonao soratana ve ilay fanontaniana mba ho tadidiko ny zavatra tokony hangatahiko?"

Nosoratan'i Neny ilay fanontaniana. Dia nalain'i Mika ilay taratasy ary nandeha tany amin'ny efitranony izy mba hivavaka.

Rehefa nankao an-dakozia i Mika minitra vitsy taorian'izay dia namiratra toy ny takamoa ny tarehiny. "Namaly ny Ray any An-danitra!" hoy izy.

"Inona no nolazainy?" Hoy i Neny nanontany.

"Hoy Izy hoe: -Mika a! Toy izao mihitsy no itiavako anao,-" hoy i Mika. "Ary nolazainy tamin'ny feo Mafy izany!"

Ny herinandro manaraka tany amin'ny fianarana dihy dia tsy niraharaha izay neritreretin'ireo zazavavy hafa momba ny trisomie 21 nahazo azy i Mika. Fa izy kosa dia nahatsikaritra zazavavy iray hafa antsoina hoe Sara, izay toa nalahelo. Sahirana mafy nianatra ny sasany tamin'ireo fihetsika vaovao koa i Sara.

Rehefa tonga tany an-trano i Mika dia nanapa-kevitra izy ny hanoratra teny kely ho an'i Sara. Nanao sarina fo be dia be izy. Nanampy azy tamin'ny tsipelina i Neny.

"Ry Sara malala," hoy i Mika nanoratra. "Mpandihy tena mahay ianao. Te ho namanao aho. Faly aho manana anao ao amin'ny kilasy fianarako dihy."

Tsy andrin'i Mika ny hanomezana an'i Sara ilay taratasy. Tiany ho faly sy hahatsapa hoe tiana any amin'ny kilasy fianarana dihy koa i Sara. ●

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*



SARY NATAON'I MARYN ROOS

# Nitsidika an'i Chili ny Loholona Stevenson

Mandeha mitety an'izao tontolo izao ny apôstôly mba hanompo ny olona sy hampianatra azy ireo momba an'i Jesoa Kristy.



Ny Loholona Gary E. Stevenson sy Rahavavy Lesa Stevenson dia niara-nandeha tamin'ny Filoha Russell M.Nelson sy Rahavavy Wendy Nelson nankany Chili mba hamonjy hetsika iray tena manan-danja. Nisy tempoly vaovao iray handeha hatokana tao amin'ny tanànan'i Concepción!

Io tempoly vaovao tsara tarehy io no tempoly faharoa haorina ao Chili ary tempoly faha-18 ao Amerika Atsimo.





Nisy ankizy tonga niaraka tamin'ireo ray aman-dreniny mba hihaino ny Filoha Nelson hanao vavaka manokana mba hanokanana ilay tempoly.



Nanampy tamin'ny fametrahana ny vato farany teo ivelan'ny tempoly i Laura sy Alicia O. Io no antsoina hoe vato fehizoron'ny tempoly. Taorian'izay dia vonona ny hatokana amin'izay ilay tempoly.

Betsaka ny horohoron-tany mitranga ao Chili. Ny tempolin'i Concepción Chili dia manana fototra nam-boarina manokana mba hiarovana izany tsy ho simba raha misy horohoron-tany mamely.



"Tena nahafinaritra tokoa ny andro androany."

Ankehitriny ireo mpikambana mendrika ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia afaka ny hiditra ao anatin'izany mba hofehezina amin'ny fianakaviany sy hanompo amin'ny alalan'ny fanaovana batisa ao amin'ny tempoly!

IREO SARY EO AMBONY SY EO ANKAVANANA ARY EO AMBANY DIA NALAIN'I JEFFREY D. ALLRED, *DESERET NEWS*

# Mitsidika ny ankizy ny Loholona Renlund



Mandeha mitety an'izao tontolo izao ny apôstôly mba hanompo ny olona sy hampianatra azy ireo momba an'i Jesoa Kristy.

Mitsidika toerana maro miaraka amin-drahavavy Ruth L. Renlund vadiny ny Loholona Dale G. Renlund mba hanampy ny olona hianatra momba an'i Jesoa Kristy. Manao lahateny sy miresaka amin'ny misiônera izy. Kanefa na aiza na aiza alehany dia ny fiarahana mivory amin'ny ankizy sy ny fandraisana ny tanan'izy ireo no zavatra tiany indrindra. Indraindray dia tsidihany ao amin'ny Kilonga mihitsy izy ireo!



Tany Japon



Tany Bolivie



Tany Pérou



Tany Corée Atsimo



"Te hahalala tsiambaratelo ve ianao? Ny *Namana* no gazetibokin'ny Fiangonana tiako indrindra. Izy io foana no vakiko voalohany!"

Tian'ny Loholona Renlund ho fantatry ny ankizy any amin'ny toerana rehetra fa mahafantatra azy ireo sy tia azy ireo ny Ray any An-danitra.

# Satroka fotsy ho an'i Florence

**Nosoratan'i Jordan Monson Wright**
(Niainga tamin'ny tantara marina)




Tonga teo amin'ny toerana nisy azy mahazatra tao amin'ilay tsena an-kalamanjana tomefy olona tao Onitsha, Nigéria i Florence Onyejekwe izay telo ambin'ny folo taona. Feno mpivarotra niantsoantso mpividy ny lalana. Nilołoha entana eny am-pandehanana ny vehivavy. Vao tapitra ny fotoam-pianarana tany an-tsekoly fa tonga ny fotoam-pialan-tsasatra ary fantatr'i Florence fa nankafy ny fotoana tsy nianarana ny namany. Saingy nivarotra ravina Vernonia teo amin'izany tsena izany i Florence nandritra ny fotoam-pialan-tsasatra. Izany no hany fomba ahafahany mahazo vola handoavana ny saram-pianarany.

Tsy nitaraina anefa i Florence. Na izany na tsy izany, dia mandany ora maro any an-tsena ny reniny isan'andro mivarotra vomanga mba hividianana sakafo ho an'ny fianakaviana. Tena niasa mafy i Neny. Samy niasa mafy ny ray aman-dreniny. Saingy rehefa tsy dia mianatra firy dia tsy misy zavatra betsaka azon'izy ireo atao. Efa kely sisa i Florence dia hahavita ny fianarana ao amin'ny sekoly ambaratonga fototra. Angamba raha afaka manohy izy dia afaka mahita asa hahazoana karama tsara ary afaka manampy ny fianakaviany.



Rehefa nody i Florence dia nanatona ny ray aman-dreniny ary nanontany hoe: "Afaka mianatra any amin'ny sekoly ambaratonga faharoa ve aho araka ny eritreritrareo? Ary mety any amin'ny oniveriste mihitsy?"

Nijery an'i Nnam (dada) i Neny ary nihivingivindoha. "Lafo be mihoatra ny eto am-pelatanantsika ny saram-pianarana any amin'ny oniversite," hoy i Nnam. Niondrika nijery ny kirarony i Florence. Tsy tiany ho hitan'i Neny sy i Nnam ny halehiben'ny fahadisoam-panantenany.

Andro vitsy taty aoriana, dia nandeha tany amin'ny hôpitaly mba haka fanafody i Florence. Feno olona nitovy tamin'ny any an-tsena ny hôpitaly fa tsy dia nitabataba loatra. Nibanjina an'ireo mpanampy mpitsabo manao ireo satrony fotsy mangarahara i Florence. Naka sary an-tsaina ny tenany izy, manao akanjo toy ny azy ireo ary manampy ny marary sy mikarakara ireo zazakely any amin'ny hôpitaly lehibe iray. Angamba afaka ny ho lasa mpanampy mpitsabo *izy*.

Fantatr'i Florence fa marina ny an'ny ray aman-dreniny. Tsy mora ny fandrantoana fianarana. Saingy fantatr'i Florence izany miasa mafy izany. Noho izany dia nanapa-kevitra ny hanandrana izy.



Na dia betsaka aza ireo raharaha nameno ny androny dia nanokana fotoana mba hianarana i Florence. Afaka tamin'ny fanadinana hidirana ao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa izy ary nindrana vola ampy mba hianarany any i Nnam. Taty aoriana dia nahita izy fa hanampy amin'ny fandoavana ny saram-pianarana ao amin'ny sekoly fianarana ho mpanampy mpitsabo ny fitondrampanjakana. Azo tanterahina ilay nofinofiny!

Saingy rehefa tonga ny fotoana hianarana any amin'ny sekoly fianarana ho mpanampy mpitsabo, dia nisalasala kely i Florence. Ahoana raha sarotra be izany? Ahoana raha ho lasa manirery izy? Nanondrika ny lohany i Florence ary nivavaka: "Ry Andriamanitra malala, mba omeo hery aho handehanako any amin'ny sekoly fianarana ho mpanampy mpitsabo sy hianarako mafy."

Tany amin'ny sekoly fianarana ho mpanampy mpitsabo, dia nianatra ny fomba fanomezana fanafody sy ny fitandrovana ireo fitaovana mba hadio tsy hisy mikrôba i Florence. Indraindray nihatsara ireo marariny indraindray tsy nihatsara. Matetika i Florence no nivavaka mba hanana herim-po. Telo taona taty aoriana izay lava tokoa, dia nahazo mari-pahaizana i Florence niaraka tamin'ny mari-pankasitrahana noho ny naha-mpianatra nahay indrindra azy tao am-pianarany. Tanteraka ilay nofinofiny! Nanao ilay satroka fotsin'ny mpanampy mpitsabo izy *ary* afaka nandray karama ampy mba hanampiany ny fianakaviany.

Taona maro taty aoriana dia nitsidika sampana kely tany amin'ny Misiônan'i Accra Ghana i Florence. Filohan'ny misiôna tany i Christopher Chukwurah vadiny. Nihaona tamin'ny ankizy vitsivitsy tao amin'ilay sampana izay tsy afaka nandeha tany an-tsekoly foana i Florence. Tsy fantatr'izy ireo izay mba hataon'izy ireo any aoriana. Nampahatsiahy an'i Florence ny tenany fony izy ankizy izany. "Inona no azoko lazaina mba hanampiana azy ireo?" Nivavaka mangina aho.



Avy eo dia naharay bitsika mazava izy: Resaho azy ireo ny momba ny fiainanao.

Nieritreritra ny fiainany i Florence. Niasa tany amin'ny hôpitaly tany Nigéria sy tany Etazonia izy. Nanambady lehilahy tsara iray izy ary niaraka nahita ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izy ireo. Lasa renim-pianakaviana izy. Nanampy ireo misiônera mba ho salama sy hiasa mafy izy tamin'io fotoana io. Nanampy azy mba ho lasa mpanampy mpitsabo ny Ray any An-danitra. Nampiany mba hanao bebe kokoa noho ny neritreretiny izy. Afaka manao zavatra mitovy amin'izany amin'ireo ankizy ireo izy.

Nijery an'ireo ankizy i Florence dia nitsiky. "Hitanareo ireny satroka fotsy anaovan'ny mpanampy mpitsabo ireny? Nahita satroka toa an'izany aho ary nanapa-kevitra ny ho lasa mpanampy mpitsabo . . ." ●

*Monina any Michigan, Etazonia ny mpanoratra.*

Ity sary ity dia mampiseho an'i Florence rehefa nahazo ilay satroka fotsy azy manokana izy!



SARY NATAON'I ARTHUR LIN

# Tokony hanohy hamaky ve aho?



**Nosoratan'i Brooklyn P., 9 taona, Utah, Etazonia**

Tamin'ny herintaona aho dia naka boky iray tany amin'ny trano famakiam-boky izay miresaka mikasika ny zazavavy iray nanomboka nanokatra blaogy. Nihevitra aho fa ho boky mahafinaritra ilay izy satria mitovy taona amiko ny olona mitana ny anjara asa fototra tao amin'ilay izy, ary mpanao blaogy ny reniko. Ka noho izany dia nihevitra aho fa boky mety tsara amiko ilay izy.

Mbola vao pejy vitsy monja tamin'ilay boky no novakiko dia nanonononom-poana ny anaran'ny Tompo ilay ankizivavy. Tsy dia tsara ny fahatsapana tao anatiko rehefa avy namaky io ampahany io aho. Saingy mbola nanohy namaky aho, sady nanantena hoe zavatra indray mandeha tsy miverina ilay izy. Namaky pejy vitsivitsy fanampiny aho, dia naveriny notenenina indray ilay izy.

Nandeha nitantara tamin'ny reniko ny zavatra hitako aho. Tsy fantatro na tokony hanohy hamaky aho na tsia. Niteny tamiko ny reniko fa ahy ny safidy. Kanefa nanaiky izy fa mety zavatra tsy tsara vakina angamba ilay izy raha toa ilay zazavavy ka nilaza zavatra izay fantatray fa ratsy. Nilaza ny reniko fa tena tsy tsara mihitsy ilay izy raha nanonononom-poana ny anaran'ny Tompo izy.

Nieritreritra aho hoe hijery raha mbola miverimberina ihany ilay izy, ka dia navadibadiko ilay boky. Hitako fa efa fomba fitenin'io ankizivavy io mateti-ka ny fanononononam-poana ny anaran'ny Tompo. Nanapa-kevitra ny hamerina ilay boky tany amin'ny trano famakiam-boky aho ary tsy hanohy hamaky izany intsony.

Nalahelo aho hoe nanonononom-poana ny anaran'ny Tompo ny mpanoratra ilay boky. Saingy rehefa avy namerina ilay boky tany amin'ny trano famakiam-boky aho dia nahatsapa ho faly satria nanao safidy tsara. Fantatro fa nanaraka ny "Ireo fitsipiky ny filazantsara arahako" ao amin'ny bokiko *La foi en Dieu* aho, izay milaza hoe "Tsy hamaky sy tsy hijery afa-tsy ireo zavatra tian'ny Ray any An-danitra aho." Fantatro fa isika dia tsy tokony hampiasa afa-tsy amim-panajana fatratra fotsiny ihany ny anaran'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa. ●



SARY NATAON'I CONSTANZA BASALUZZO

# Afaka manao ny zavatra rehetra aho ao amin'i Kristy, izay mpampahery ahy

(jereo ny Filipiana 4:13).



SARY NATAON'I ANDY ELKERTON



# Ny fanambin'ny tempoly

**Nosoratan'i Joy D. Jones**
Filohan'ny Kilonga maneran-tany



*"Hitodika amin'ny rainy ny fon'ny zanaka" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:2).*

Indray Alahady dia nanatrika fivoriam-piangonana iray izaho sy ireo mpanolotsaiko. Nanao lahateny mikasika ny tempoly sy ireo zavatra manokana miseho any izahay. Taorian'ilay fivoriana dia nisy zatovolahy 12 taona iray nantsoina hoe Colby nanatona ahy ary nandray ny tanako. Niresaka mikasika ny tempoly izahay. Dia nampanaoviko fanamby mba hitady anaran'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana izy mba hoentina any amin'ny tempoly.

Fotoana fohy taorian'izany dia naharay taratasy avy amin'i Colby aho. Izao no nolazain'i Colby ahy:

"Nandeha nody aho ary nahita anarana vaovao. Tena nahita ny rain'ny rain'ny rain'ny raibeko aho!

"Fotoana fohy taorin'izay dia nandeha tany amin'ny tempoly aho ary natao batisa ho azy. Tena niavaka izany satria ny rahalahiko no nanao batisa ahy ary ny raiko no nandray ahy ho mpikambana mba ho azy.

"Nahatsapa hafanana izay nitondra fiadanana aho tao anatiko. Nahatsapa aho fa ny zavatra nataoko ho an'ny rain'ny rain'ny rain'ny raibeko dia tena tsara satria afaka mankany amin'ny fanjakana selestialy izy izao mba hiaraka hiaina amin'ny fianakaviany. Tena nahatsapa fiadanana tao anaty aho nandritra ny ambiny manontolon'ilay andro.

"Hitako koa fa tsy nisy nahafantatra hoe iza ireo ray aman-drenin'ny rain'ny rain'ny rain'ny raibeko, noho izany dia afaka mitady ny anaran'izy ireo aho ary mitondra izany any amin'ny tempoly koa!"

Tena ohatra miavaka i Colby! Na firy taona ianao na firy taona ianao, dia afaka ny ho ohatra ho an'ny fianakavianao sy ireo namanao. Afaka mizara ny filazantsara amin'ny olona rehetra fantatrao ianao, eny fa na amin'ireo razambenao aza! ●

SARY NATAON'I ALISA HAGGARD

# Asehoy sy lazao

*Amin'ity volana ity ny fihaonamben'ny Fiangonana!*
*Ireto ny zavatra ankafizin'ny ankizy sasantsasany mikasika ny fihaonambe.*



Tiako ny mihaino ireo tantara sy ny amboaram-peo mihira. Tiako ihany koa ny mihaino ireo fanoharana omen'izy ireo.

**Yuri H., 8 taona, Taoyuan, Taiwan**



Tiako ny mihaino ny mpaminany satria miteny amin'ny alalany ny Tompo.

**Andrés C., 12 taona, Valle del Cauca, Colombie**




Tia mijery ny fihaonambe aho satria tiako ny mianatra avy amin'ny mpaminany, ary tiako ny miaraka amin'ny fianakaviako mandritra izany fotoana izany.


**David J., 9 taona, Sololá, Guatemala**





**I Abel C. sy i Tina S., 10 sy 9 taona, ao Comté de Bong, Libéria** dia mpianadahy. Tia ny fihaonambe i Abel "satria amin'io no hanohanantsika ny mpaminanintsika amin'ny maha-Filohan'ny Fiangonana azy isan-taona." I Tina dia "tia ny fihaonambe rehefa miresaka mikasika ny tempoly ny mpaminany."



**Nijery fihaonambe niaraka tamin'ny reniny i Anna B., 10 taona, ao Maharashtra, Inde**. Mitondra ny diariny sy ny peniny izy isaky ny fihaonambe mba hanoratana ireo fijoroana ho vavolombelona sy hafatra reny.








**I David sy i Juliana M., 4 sy 6 taona, ao Hollande du sud, Pays-Bas,** dia mameno lovia baolina 15 amin'ny tsakitsaky kely ary mametraka sarina Apôstôly iray na mpikambana iray ao amin'ny Fiadidiana Voalohany eo ambonin'ny tsirairay avy amin'izany. Rehefa mandahateny ny Rahalahy iray dia hanin'izy ireo ny ao anatin'izany kaopy izany!

SARY AORIANA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES




# Manompo ny Tompo amin'ny fiteny Espaniôla

Nosoratan'i Jennifer Maddy
(Niainga tamin'ny tantara marina)


Alaivo sary an-tsaina hoe manolotra anao ny boky tsara indrindra tamin'izay rehetra nananany ny namanao. Sokafanao ny fonony . . . dia hitanao fa tsy afaka mamaky ilay boky ianao. Amin'ny fiteny hafa ilay izy! Inona no hataonao?

Tao anatin'ireo taona voalohandohany taorian'ny nananganana ny Fiangonana dia natonta tamin'ny teny Anglisy fotsiny ihany ny bokin'i Môrmôna. Ny Filoha Brigham Young dia niantso misiônera roa hitory ny filazantsara tany Mexique sy handika ny bokin'i Môrmôna tamin'ny teny Espaniôla. Saingy nila fanampiana bebe kokoa izy ireo mba hanaovana izany. Saingy tsy fantatr'izy ireo fa tany am-pitan-dranomasina tany, Andriamanitra dia efa nanomana lehilahy iray izay afaka nanome azy ireo ilay fanampiana tena nilain'izy ireo.

I Meliton Gonzalez Trejo dia avy amin'ny fianakaviana mpanankarena iray tao Espagne. Nianatra mafy izy tany an-tsekoly ary lasa manamboninahitra tao amin'ny tafika Espaniôla. Liana tamin'ny fivavahana foana izy, saingy tsy nisy tena nety taminy izay hitany. Indray andro dia nahare manamboninahitra iray hafa izy niresaka mikasika ny vondron'olona iray izay niantso ny tenany hoe "Olomasina." Mpikambana tao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izy ireo ary nisy mpaminanin' Andriamanitra nitarika azy ireo nankany amin'ny Montagnes Rocheuses tao Etazonia. Nahatsapa faniriana mafy ny hihaona tamin'izy ireo i Meliton. Nandeha tamin'ny fandefasana miaramila hamita iraka tany Philippines izy, ary nanantena fa hanampy azy ho tonga tany Etazonia izany taty aoriana. Saingy sahirana loatra tamin'ny asany i Meliton ka nanomboka tsy dia nanandanja taminy ny handeha hitsidika ny Olomasina.

Dia lasa narary mafy i Meliton avy eo. Tadidiny ny antony nandehanany tany Philippines ka dia nivavaka tamin' Andriamanitra izy mba hahafantarany izay tokony hataony. Nanofy zavatra miavaka i Meliton tamin'izay alina izay. Fantany fa tokony handeha tany amin'ny Montagnes Rocheuses izy.

Raha vantany vao sitrana tamin'ny aretiny i Meliton dia nanohy ny diany nankany Etazonia izy. Tonga tany Californie izy tamin'ny 4 jolay 1874 ary nitodi-doha nankany Salt Lake City.




Rehefa tonga tao Salt Lake i Meliton dia nanana olana izy: afaka namaky teny Anlisy izy saingy tsy mbola niteny izany mihitsy. Tsy afaka nifandray na tamin'iza na iza izy! Saingy nanapa-kevitra izy fa raha tsy afaka miresaka amin'ny olona izy dia hanao izay hisarihana azy ireo amin'ny fomba hafa izy. Nanaovan'i Meliton ny fanamiana miaramilany Espaniôla dia nandeha teny andalambe izy. Araka ny nandrandrainy dia maro ny olona nahatsikaritra azy! Nony farany izy dia hitan'ny mpikambana iray tao amin'ny Fiangonana izay nantsoina hoe Rahalahy Blanchard, izay mpampianatra teny amin'ny oniversite ary niteny Espaniôla. Nanampy an'i Meliton hanorim-ponenana tao Salt Lake City rahalahy Blanchard ary nampianatra azy ny filazantsara. Vetivety taorian'izay dia natao batisa i Meliton.

Nampifankafantatra an'i Meliton tamin'ny Filoha Brigham Young koa Rahalahy Blanchard. Nilaza tamin'ny Filoha Young i Meliton fa iriny mihoatra ny zavatra rehetra ny mba handika ny bokin'i Môrmôna amin'ny teny Espaniôla.

Nangataka an'i Meliton hanampy an'ireo misiônera handeha tany Mexique ny Filoha Young mba handika ny ampahany amin'ny bokin'i Môrmôna amin'ny teny Espaniôla. Nandany herinandro maro i Meliton nandikana an'ireo teny Anglisy amin'ny fiteny Espaniôla. Nanitsy ny fandikan-teniny niaraka tamin'ireo misiônera izy isan-kalina. Niteny Espaniôla kely ihany izy ireo saingy tsapany fa io fandikan-teny manan-danja io dia nilàna olona miteny Espaniôla izay tera-tany. Fantany fa valin'ny vavaka nataon'izy ireo i Meliton. Tamin'ny 1875 dia navoaka ilay dikanteny. Nantsoina hoe *Trozos Selectos del Libro de Mormon* ilay izy (Andalana notsongaina avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna).

Vonona ny handeha tany Mexique amin'izay ireo misiônera. Namatratra teo an-damosin'ny soavaly ny tahadika miisa 1500 tamin'ilay soratra masina nadika izy ireo dia nanainga. Izay no fotoana voalohany nahafahan'ireo mpiteny Espaniôla namaky ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteniny! Na dia nipetraka tany amin'ny kilaometatra maromaro tany Espagne aza i Meliton dia nitarika azy tany amin'ny toerana tokony hisy azy ny Ray any An-danitra. Noho ny herim-po sy ny finoan'i Meliton dia nanampy tamin'ny fitondrana ny tenin' Andriamanitra tany amin'ny olona tsy tambo isaina izy. ●

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*



I Meliton Gonzalez Trejo (1844–1917) dia nanao asa fitoriana maro tao Mexique ary nanao batisa ny sasany tamin'ireo mpikambana voalohany tao amin'ny Fiangonana tany. Tamin'ny 1886 dia nanampy tamin'ny famitana ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna iray manontolo tamin'ny fiteny Espaniôla i Meliton.

SARY NATAON'I MARK ROBISON

# Ny dia fitoriana ny filazantsara nataon'i Paoly

**Nataon'i Marissa Widdison**
Gazetibokin'ny Fiangonana



Taorian'ny nitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty dia nandeha tany amin'ny tany isan-karazany i Paoly mba hampianatra ny olona momba an'i Jesoa. Tsy nisy fiara na fiaramanidina tamin'izany, ka dia be dia be ny dia an-tongotra nataony! Nandeha sambo izy indraindray.



Nampianatra ny olona tao amin'ireo fiangonana sy tany an-tokantrano i Paoly. Nampianatra ny olona teny an-tampon-kavoana vatovatoina sy teny amin'ny lalambe teny an-tanàna izy.




Maro ny olona tsy tia ny zavatra nampianarin'i Paoly. Indraindray i Paoly dia naiditra am-ponja. Indraindray i Paoly dia narary.



Saingy tao anatin'ireo zava-tsarotra ireo dia nanam-pinoana i Paoly. Hoy izy hoe: "Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'i Kristy." Fantany fa hanampy azy hatanjaka i Jesoa.

SARY NATAON'I APRYL STOTT



Afaka manampy ahy mba hatanjaka ihany koa i Jesoa Kristy.
Tia ahy Izy ary izaho tia Azy! ●

# Afaka manampy ahy hanao zavatra sarotra i Jesoa



SARY NATAON'I APRYL STOTT

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

# Ry ray aman-dreny malala,

Ny iray amin'ireo hafatra lehibe ao amin'ny Testamenta Vaovao dia ny hoe afaka mahita fiadanana sy fifaliana ao amin'i Kristy isika na manao ahoana na manao ahoana ny fiainantsika. Ity gazetiboky amin'ity volana ity dia mizara fijoroana ho vavolombelona mitovy amin'izany.

- Ao amin'ny pejy N4, dia nahazo fampaherezana ny ankizilahy iray rehefa avy nanofy ratsy.
- Ao amin'ny pejy N8, dia nampahatsiahivina ny ankizivavy iray tratran'ny trisomie 21 fa tia azy ny Ray any An-danitra.
- Ao amin'ny pejy N15, dia misy sary iray mampianatra fa azo tanterahina ny zavatra rehetra miaraka amin'ny fanampian'i Jesoa Kristy.
- Ao amin'ny pejy N20–23, dia naneho ohatra momba ny fananana finoana i Paoly.


Rehefa miaraka mamaky ity gazetiboky ity ianareo dia tadiavo ireo fomba izay nanampian'i Jesoa sy ny Ray any An-danitra ny olona ao amin'ny tantara tsirairay. Afaka manipika ireo teny izay mamaritra ireo olana natrehan'izy ireo ianareo. Avy eo dia ataovy ao anaty faribolana ny fanampiana azon'izy ireo. Resaho miaraka, amin'ny maha-fianakaviana, ny hoe indraindray dia esorina ireo fitsapana ary indraindray dia omena hery isika mba hiatrehana ireo fitsapana. Na izany na tsy izany, dia tia antsika i Jesoa sy ny Ray any An-danitra, ary eo Izy ireo ho antsika!

Manantena izahay fa hanana volana mahafinaritra ianareo.

*Namana*

**Ahoana ny fomba handefasana ny asa tanan'ny zanakao na ny zavatra niainany any amin'ny *Liahona***

Midira ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org ary tsindrio ny "Submit an Article or Feedback." Na mandefasa email amin'ny liahona@ChurchofJesusChrist.org miaraka amin'ny anaran'ny zanakao, ny taonany, ny tanàna ipetrahany ary ity fanambarana fanomezan-dalana ity: "Izaho, [ampidiro ny anarana], dia manome lalana ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany mba hampiasa ny zavatra nalefan'ny zanako any amin'ny gazetibokin'ny Fiangonana, sy any amin'ireo tranonkalan'ny Fiangonana ary any amin'ireo sehatry ny tambazotran-tserasera." Tsy andrinay ny handrenesana vaovao avy aminareo!



**Tadiavo ilay Liahona miafina ato!**

EO AMIN'NY FONON'NY *NAMANA*
Sary nataon'i Macky Pamintuan

## VOTOATINY

**N2** Mitia ny hafa tahaka ny itiavan'i Jesoa antsika
**N4** Tsy lavitra Izy rehefa mivavaka
**N6** Fiarahabana avy ao amin'ny Repoblika Demôkratikan'i Congo!
**N8** Tsy te hiavaka aho!
**N10** Apôstôly manerana izao tontolo izao: Nitsidika an'i Chili ny Loholona Stevenson
**N11** Apôstôly manerana izao tontolo izao: Mitsidika ny ankizy ny Loholona Renlund
**N12** Satroka fotsy ho an'i Florence
**N14** Tokony hanohy hamaky ve aho?
**N15** Hevitra Tsara: Afaka manao ny zavatra rehetra aho ao amin'i Kristy
**N16** Ny fanambin'ny tempoly
**N17** Asehoy sy lazao
**N18** Ohatra maneho herim-po: Manompo ny Tompo amin'ny fiteny Espaniôla
**N20** Tantara ao amin'ny Soratra Masina: Ny dia fitoriana ny filazantsara nataon'i Paoly
**N23** Pejy lokoina: Afaka manampy ahy hanao zavatra sarotra i Jesoa

© 2019 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ALL RIGHTS RESERVED

MALAGASY
4 02186 10654 3